NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2017

# Liahona



## Mitady ny lalana hizoranao mankany amin'ny fizakan-tena, p. 32, 40–43

**Ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana: Fanasana iray avy amin'ny Filoha sy ny Rahavavy Nelson, p.14**

**Vao vita batisa? Afaka manompo ao amin'ny tempoly ianao ankehitriny, p. 20**

**Dingana telo hamahana ny disadisa ao amin'ny fanambadiana, p. 22**



*Soavaly sy voatiry mandalo eo akaikin'ny Tempolin'i Salt Lake, aseho eto tokony ho tamin'ny 1891. I Wilford Woodruff (1807–98) no Filohan'ny Fiangonana rehefa notokanana ny Tempolin'i Salt Lake tamin'ny 1893. Nampianatra izy hoe: "Raisina ho tompon'andraikitra isika amin'ny . . . fananganana tempoly ho an'ilay Avo Indrindra, izay azontsika hidirana sy hatrehina hahazoana ireo ôrdônansy ho fanavotana ireo havantsika nodimandry" (*Enseignements des Présidents de L' Église: Wilford Woodruff *[2004], 94).*

Sary nahazoana lalana avy tamin'ny tranombokin'ny tantaran'ny Fiangonana.

# Liahona ôktôbra 2017



4


## HAFATRA

4 **Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Ho lasa tena mpianatra tokoa**
Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring

7 **Hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano: Mandrakotra fitiavana ireo izay mania**

## LAHATSORATRA MANOKANA

14 **Manokatra ny lanitra amin'ny alalan'ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana**
Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson sy Wendy W. Nelson

20 **Fantaro mialoha ny handehananao: Ny batisa any amin'ny tempoly**
Nosoratan'i Heather J. Johnson
*Raha mpikambana vaovao ianao dia afaka mandeha any amin'ny tempoly avy hatrany miaraka amin'ny fahazoan-dalana ampiasaina amin'ny fotoana voafetra. Ireto misy valiny vitsivitsy ho an'ireo fanontaniana mety ananana mialoha ny handehananao any.*

22 **Mamaha fifandirana ao anatin'ny fanambadianareo**

28 **Nitady fanampiana taorian'ny nahafatesan'i Nancy**
Nosoratan'i Darren Wilcox
*Ahoana no ahafahana manolo ilay alaheloko mavesatra amin'ny fiadanana?*

32 **"Aoka isika hizaka tena sy hahaleo tena"**
*Inona ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena ataon'ny Fiangonana, ary ahoana no ahafahan'izany manampy anao?*

## DEPARTEMANTA

8 **Miresaka an'i Kristy isika: Tsy tara loatra izao ho an'ny fahafahana hanao ezaka fanindroany**
Nosoratan'i Amber Jensen

10 **Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy: Elefanta iray ao an-dakilasy**
Nosoratan'i Jessica Griffith sy i Richard M. Romney

38 **Fanehoana ny finoana: Ilir Dodaj**


40 **Ny feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**

80 **Mandra-pihaonantsika indray: Manampia olona iray anio**
Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson




**EO AMIN'NY FONONY**
Sary nalain'i Leslie Nilsson.

## HO AN'NY TANORA



44

**44 Lesona dimy ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony avy amin'ireo Apôstôly tanora.**
Nosoratan'i Matthew C. Godfrey
*Inona no azontsika ianarana avy amin'ny zavatra sasany niainan'ireo Apôstôly voalohany tao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny?*

## HO AN'NY ZATOVO

**50 Toetra tahaka ny an'i Kristy**
Nosoratan'ny Loholona David A. Bednar
*I Jesoa, izay nijaly indrindra, no manana ny fangorahana lehibe indrindra ho antsika rehetra izay zara raha mijaly raha ampitahaina Aminy.*

**54 Ny fomba ahafahan'ny hafatra avy amin'ny fihaonambe manova ny fiainanao**
Nosoratan'i Hadley Griggs

**58 Mifikira mafy**
Nosoratan'i Lindsay Hiller
*Nanosika ahy hisotro ireo namako, saingy tamin'izay fotoana izay ny iray tamin'ireo lehilahy teo no nilaza zavatra iray izay nanova ny fiainako.*

**60 Vakio ilay lasitry ny 'fanaonjatovo mahazatra'**
Nosoratan'i Charlotte Larcabal

**62 Sary: Mitsangana amimpinoana**

**63 Valinteny avy amin'ireo mpitarika ny fiangonana: Ny fomba hahafantaranareo mivantana**
Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring

**64 Fanontaniana sy Valiny**
*Ankoatra ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina dia inona no fomba tsara indrindra hanamafisako orina ny fijoroana ho vavolombelona ananako?*

## HO AN'NY ANKIZY




66

**66 Tany Paris hatrany Sapporo**
Nosoratan'i Amie Jane Leavitt
*Samy nanana zavatra nandrasana ny ankizy tany Frantsa sy Japana: tempoly vaovao iray!*

**68 Valinteny avy amin'ny Apôstôly iray: Ahoana no ahafahan'ny Fanahy Masina manampy ahy?**
Nosoratan'ny Loholona Robert D. Hales

**69 Ny pejintsika**

**70 Ny dia nataon'i Jane**
Nosoratan'i Jessica Larsen
*Ahoana ny fomba handehanan'ny fianakavian'i Jane any Nauvoo kanefa tsy nisy sambo?*

**72 I Sarah sy ilay fitarafana**
Nosoratan'i Juliann Doman
*Natahotra hanao fitarafana i Sarah. Inona no azony atao mba ho tony kokoa?*

**74 Olo-malaza teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana: Mpaminany iray vaovao**


**75 Manampy olona, pensilihazo iray isaky ny mandeha**
Nosoratan'i Caleb H.
*Te hanampy ireo mpitsoaponenana i Caleb, sy ireo ankizy hafa koa!*

**76 Tantaran'i Jesoa: Namangy an'i Joseph Smith i Jesoa**
Nosoratan'i Kim Webb Reid

**79 Pejy lokoina: Andro masina ny Sabata**




*Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Indro misy fanampiana: Indraindray ny fialamboly dia toa miendrika asa fanompoana!*



58

**ÔKTÔBRA 2017 BOKY. 17 LAH. 3**
**LIAHONA 14450 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny fanontana:** Joseph W. Sitati
**Mpanampy amin'ny fanontana:** Randall K. Bennett, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Bonnie H. Cordon, LeGrand R. Curtis Jr., Sharon Eubank, Christoffel Golden, Douglas D. Holmes, Erich W. Kopischke, Larry R. Lawrence
**Tale mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Cremilda Amaral
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Maryssa Dennis, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jon Ryan Jensen Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Ann Selu, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Rachel Smith, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Derek Richardson
**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Troy K. Vellinga

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)


© 2017 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana.
Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny *Liahona* mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
October 2017 Vol. 17 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2).
NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

## ZAVATRA MARO KOKOA MAHALIANA AO AMIN'NY INTERNET




SARY FAMANTARANA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

## LOHAHEVITRA AO AMIN'ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Alahelo,*** *28*
***Andriamanitra Ray,*** *4, 7, 8, 14, 38, 63, 76*
***Andro Sabata,*** *79*
***Anton'asa,*** *32, 41, 43*
***Asa atao any amin'ny tempoly,*** *14, 20, 66*
***Asa fanompoana,*** *38, 75, 80*
***Fahafatesana,*** *28, 38*
***Fanahy Masina,*** *68, 72*
***Fanambadiana,*** *22*
***Fandalinana ny soratra masina,*** *64*
***Fankaherezana,*** *28, 72*
***Fiadanana,*** *28*
***Fibebahana,*** *8*
***Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany,*** *54*
***Fijoroana ho vavolombelona,*** *63, 64*
***Finoana,*** *28, 32, 62*
***Fitiavana,*** *7*
***Fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra,*** *10*
***Fizakan-tena,*** *32, 40, 41, 42, 43*
***Jesoa Kristy,*** *28, 50, 76*
***Mpikambana vaovao,*** *20*
***Mpitsoa-ponenana,*** *75*
***Ny maha-mpianatra,*** *4*
***Tantaram-pianakaviana,*** *14*
***Tantaran'ny Fiangonana,*** *44, 70, 74, 76*
***Tempoly,*** *66, 69*
***Tenin'ny Fahendrena,*** *58*
***Toetra araka an' Andriamanitra,*** *60*
***Tsindry avy amin'ny namana,*** *58*
***Vavaka,*** *63, 64*



**Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# HO LASA TENA MPIANATRA TOKOA

Manana tombontsoa hampanantena ny Ray any Andanitra isika isaky ny fivoriana fanasan'ny Tompo fa hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy sy hitandrina ny didiny mba hananantsika ny Fanahiny miaraka amintsika (jereo ny Môrônia 4:3; 5:2; F&F 20:77, 79). Ho tonga ho azy ao amintsika ny fahatsiarovana mandrakariva Azy rehefa mitondra ny anarany eo amintsika isika. Ataontsika amin'ny fomba maro izany fa indrindra rehefa manompo ny hafa amin'ny anarany, sy mamaky ny teniny masina, ary mivavaka isika mba hahafantatra izay tiany hataontsika.

Nitranga tamiko izany rehefa nanao batisa ny zatovolahy iray aho. Fantatro fa nantsoin'ny mpanompo voatendrin'ny Mpamonjy ho misiônera aho mba hampianatra ny filazantsarany sy hijoro ho vavolombelona momba Azy sy ny Fiangonany marina. Izaho sy ny mpiara-mitory tamiko dia nampanantena ilay zatovolahy fa hodiovina amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izy rehefa mibebaka amim-pinoana ny Mpamonjy sy ataon'ny iray amin'ireo mpanompony nahazo lalana batisa.

Rehefa nanarina ilay zatovolahy avy tao amin'ny rano tao amin'ny dobo fanaovana batisa aho dia nibitsibitsika tamiko izy hoe: "Madio aho, madio aho." Tamin'izay fotoana izay dia tsaroako ny batisan'ny Mpamonjy nataon'i Jaona Mpanao Batisa tao amin'ny Reniranon'i Jordana. Mihoatra izany aza, tsaroako fa nanao ny asa famonjen'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty sy velona aho—natrehan'ny Fanahy Masina, tahaka an'i Jaona.

Ho ahy sy ho antsika tsirairay, ny fahatsiarovana ny Mpamonjy dia mety ho mihoatra ny fianteherana fotsiny amin'ny fahatsiarovana ny fahalalantsika sy ny zavatra niainantsika niaraka Taminy. Azontsika atao isan'andro ny manao safidy izay hampanakaiky antsika bebe kokoa Azy amin'izao fotoana izao.

Ny safidy tsotra indrindra angamba dia ny mamaky soratra masina. Rehefa manao izany isika dia afaka mahazo fahatsapana ho akaiky Azy kokoa. Ho ahy, ny fifanakaikezana dia tsapa matetika rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna aho. Ao anatin'ireo minitra voalohany hamakiako ao amin'ireo toko ao amin'ny 2 Nefia, dia reko ao an-tsaiko ireo feon'i Nefia sy i Lehia mamaritra ny Mpamonjy toy ny hoe mahafantatra Azy mihitsy izy ireo. Tonga ny fahatsapana ho akaiky kokoa.

Ho anareo dia mety ho toko hafa ao amin'ny soratra masina no hampanakaiky indrindra anareo Aminy. Kanefa na aiza na rahoviana no hamakianareo ny tenin'Andriamanitra, miaraka amin'ny fikasana amimpanetrentena sy marina hahatsiaro ny Mpamonjy, dia hampitombo ny fanirianareo hitondra ny anarany eo aminareo eo amin'ny fiainanareo isan'andro ianareo.

Izany faniriana izany dia hanova ny fomba hanompoanareo ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo. Hivavaka hangataka fanampiana amin'ny Ray any An-danitra ianareo amin'ny filofosana na dia amin'izay heverinareo fa toa antso tsy manan-danja aza. Ny fanampiana hangatahinareo dia ny fahafahana hanadino ny tenanareo sy hifantoka bebe kokoa amin'izay irian'ny Mpamonjy ho an'ireo izay antsoina hanompo.



Nahatsapa ny fitarihany sy ny maha-akaiky Azy aho tao anatin'ny fanompoako ireo zanakay rehefa nivavaka aho mba hahafantatra ny fomba hanampiana azy ireo hahita fiadanana izay ny filazantsara ihany no mitondra izany. Tamin'ny fotoana toy izany dia tsy niraharaha loatra ny mba hahitan'ny olona ahy hoe ray mahomby aho, fa niraharaha lalina kosa momba ny fahombiazana sy izay mahasoa ny zanako.

Ny faniriana hanome ho an'ireo izay tompointsika ny zavatra izay homen'ny Mpamonjy azy ireo dia mitarika amin'ny fanaovana vavaka izay *fitalahoana* amin'Andriamanitra, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy marina tokoa. Rehefa mivavaka araka izany fomba izany isika, izany hoe amin'ny anaran'ny Mpamonjy, amim-pinoana Azy, dia mamaly ny Ray. Mandefa ny Fanahy Masina Izy mba hitarika sy hankahery ary handrisika antsika. Satria ny Fanahy dia mijoro ho vavolombelona mandrakariva momba ny Mpamonjy (jereo ny 3 Nefia 11:32, 36; 28:11; Etera 12:41), dia mitombo ny fahafahantsika mitia ny Tompo amin'ny fontsika sy ny eritreritsika ary ny tanjatsika manontolo (jereo ny Marka 12:30; Lioka 10:27; F&F 59:5).

Ho tonga miadana sy tsikelikely ireo fitahiana avy amin'ny fahatsiarovana isan'andro sy tsy tapaka rehefa manompo Azy, sy mivoky amin'ny teniny, ary mivavaka amim-pinoana ny anarany isika. Ary izany fahatsiarovana izany dia hamolavola antsika ho tonga tena mpianatry ny Tompo Jesoa Kristy tokoa ao amin'ny fanjakany eto ambonin'ny tany, ary any aoriana any dia miaraka amin'ny Ray any amin'ny tontolo be voninahitra ho avy. ■


## FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Ny Filoha Eyring dia nanoro hevitra antsika mba hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanaovana safidy isan'andro mba hanakaiky bebe kokoa Azy. Azonareo atao miaraka amin'ireo izay ampianarinareo ny mamaky ireo vavaka amin'ny fanasan'ny Tompo, izay milaza ny fanekempihavanana mba hahatsiaro Azy mandrakariva (jereo ny Môrônia 4:3; 5:2; F&F 20:77, 79). Asao ireo olona ampianarinareo hanoratra ny lisitr'ireo zavatra azon'izy ireo atao isan'andro mba hahatsiarovana ny Mpamonjy. Azonareo atao koa ny manasa azy ireo hivavaka amin'ny Ray any An-danitra ho an'ny fahombiazana sy fahasalaman'ny tsirairay. Mivavaha toy izany ho azy ireo.



ZATOVO

## Mahatsiaro ny Tompo isan'andro





Namana, raharaha ao an-trano, entimody, fahitalavitra. Maro be tokoa ireo zavatra izay mila ny fifantohantsika. Kanefa isan-kerinandro isika dia mampanantena ny Ray any An-danitra "fa hotsaroa[ntsika] mandrakariva [i Jesoa Kristy Zanany]" (F&F 20:79).

Nilaza ny Filoha Eyring fa isika dia afaka "manao safidy isan'andro" izay hanampy antsika hahatsiaro ny Mpamonjy. Mametraha tanjona amin'ity volana ity mba hahatsiaro bebe kokoa ny Mpamonjy isan'andro. Afaka manao tetiandro ianao ary hanolo-tena hanao zavatra iray isan'andro. Ny Filoha Eyring dia nitanisa zavatra toy ny famakiana soratra masina, ny fivavahana amim-pinoana, ary ny fanompoana ny Mpamonjy sy ny hafa. Ao ihany koa ny fihazonana diary, ny fanatrehana ireo fivoriam-piangonana, ny fihainoana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, ny fandehanana any amin'ny tempoly, ny fihirana ireo hira ao amin'ny fihirana, ary mbola maro be ny zavatra azo tanisaina! Rehefa mahatsiaro ny Mpamonjy isan'andro isika dia mampanantena ny Filoha Eyring fa "Ireo fitahiana . . . dia ho tonga miadana sy tsy tapaka . . . [ary] hanefy antsika mba ho lasa tena mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo."

ANKIZY

## Fitiavana be dia be

Rehefa mamaky ny soratra masina isika na mivavaka, dia afaka mahatsapa hoe hatraiza ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa antsika. Lokoy ny fo iray isaky ny mivavaka na mamaky ny soratra masina ianao. Inona ihany koa no azonao atao mba hahatsapana ho akaiky kokoa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?



HAFATRA HO AN'NY FAMANGIANA ISAN-TOKANTRANO

# Mandrakotra fitiavana ireo izay mania

*Halalino amim-bavaka ity hafatra ity ary mikatsaha fitaomampanahy mba hahafantatra izay tokony hozaraina. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fahatakarana ny tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana hanomana ireo zanakavavin' Andriamanitra amin'ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay?*



Finoana
Fianakaviana
Fanampiana

"Ny marina dia tsy misy ny fianakaviana tonga lafatra . . . ," hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. "Na inona na inona olana sedrain'ny fianakavianareo, na inona na inona ezaka ilainareo atao mba hamahana izany olana izany, dia ny fiantrana izay fitiavana madion'i Kristy no fiandohana sy fiafaran'ny vahaolana."[1]

Hoy i Linda K. Burton, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha, momba ireo izay tsy mandray anjara tanteraka ao amin'ny filazantsara hoe: "Tia ny zanany rehetra ny Ray any An-danitra. . . . Na aiza na aiza misy azy ireo, na eo amin'ny lalana na ivelan'izany, dia tiany hody izy ireo."[2]

"Na mivaona toy ny ahoana aza [ireo zanakareo], . . . rehefa miteny na miresaka aminy ianareo, dia aza atao amim-pahatezerana, aza atao amin'ny teny mafy, sy amin'ny fihetsika manameloka izany," hoy ny Filoha Joseph F. Smith (1838–1918) raha nampianatra izy. "Miresaha amin-katsaran-toetra amin'izy ireo."[3]

Ny Loholona Brent H. Nielson ao amin'ny Fitopololahy dia nanamafy ny torolalana nomen'ny Mpamonjy ho an'ireo izay nanana farantsakely folo ka nanary ny anankiray hoe: "[Tadiavo] izany mandrapahita azy. Raha toa ka zanakao lahy na zanakao vavy na rahalahinao na anabavinao na anadahinao na rahavavinao ilay very, . . . rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao, dia tiavintsika amin'ny fontsika rehetra io olona io. . . .

"Enga anie izaho sy ianao ka handray ny fanambarana mba hahalalana ny fomba hanatonana bebe kokoa ireo olona eo amin'ny fiainantsika izay very ary rehefa ilaina dia mba hanana ilay faharetana sy fitiavan'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany, eo am-pitiavana sy eo am-piandrandrana ny fiverenan'ilay adala sy eo am-piandrasana azy."[4]

Ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza hoe: "Nivavaka tamim-pinoana aho mba hikatsahan'ny olona tiako anankiray ny herin'ny Sorompanavotana sy hahatsapany izany. Nivavaka tamim-pinoana aho mba hisy olona manan-toetran'anjely hanampy azy ireo, ary dia tena tonga izy ireo.

"Namolavola fomba Andriamanitra mba hamonjena ny zanany tsirairay."[5]

**Soratra masina sy fampahalalana fanampiny**

Matio 18:12; Almà 31:35; 3 Nefia13:32; F&F 121:41–42
reliefsociety.lds.org

**FANAMARIHANA**

1. Dieter F. Uchtdorf, "Ho fiderana ireo izay manavotra," *Liahona,* mey 2016, 79, 80.
2. Linda K. Burton, ao amin'ny Sarah Jane Weaver, "Sister Burton, Sister Wixom Visit Church's Pacific Area," *Church News,* apr. 2, 2013, lds.org/church/news.
3. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph F. Smith* (1998), 254.
4. Brent H. Nielson, "Miandry ilay nania," *Liahona,* mey 2015, 103.
5. Henry B. Eyring, "Ho an'ireo zafikeliko" *Liahona,* nôv. 2013, 71.

Eritrereto Ity

Ahoana no ahafahantsika manohy mampiseho fiantrana ho an'ireo izay tsy te hiaina ny fitsipiky ny filazantsara?

# TSY TARA LOATRA IZAO HO AN'NY FAHAFAHANA HANAO EZAKA FANINDROANY

**Nosoratan'i Amber Jensen**

*Ny rain'ny iray amin'ireo mpianatro tena sahirana indrindra dia nilaza tamin'ny zanany vavy hoe: "Tsy tara loatra izao mba hahombiazanao." Manome antsika izany hafatra izany koa ny Tompo.*

Mpianatra tao amin'ny kilasy ho an'ireo efa lasa lavitra amin'ny fianarana teny anglisy nampianariko i Sandra. Herinandro maromaro tao anatin'ny taona dia tsy nanao izay enti-mody na drafitrasa nomena izy. Nanonofy antoandro teo an-dabiliony fotsiny izy. Namorona antony tsy nahatontosany ireo asa nampanaovina azy izy, ary sady tsy nampiseho fihetsika no tsy nanao ny asa nilaina ho an'ny fahombiazana amin'ny taranja tena nitaky ezaka be toy izany.

Nanapa-kevitra ny handrindra fihaonana miaraka amin'i Sandra sy ny rainy ary ny sasany amin'ireo mpampianatra azy hafa izaho sy ny mpanoro hevitra azy mba hamantarana ny lalana tokony horaisiny: tokony hajanony ve ireo taranja ho an'ny efa lasa lavitra amin'ny fianarana ka hanao ireo taranja tsotra izy ho solon'izany? Ny zavatra manan-danja indrindra neritreretinay rehetra dia hoe: "afaka mahita fomba iray hanampiana an'i Sandra hahomby ve isika?"

Noho ny fiheverako fa nomena fahafahana hahomby imbetsaka i Sandra kanefa nisafidy ny tsy hahomby kosa dia tamim-pahakiviana tokoa no namonjeko ilay fivoriana. Nanantena tany anatiko tany aho fa hanapa-kevitra ny hitsahatra hanatrika ny kilasiko izy ka dia tsy ho voatery ny hanahy noho ny aminy intsony aho. Tsapako fa nataoko daholo izay azoko natao ary efa tara loatra raha mbola hanao ezaka hafa.

Ny fihetsik'i Sandra tao amin'ilay fivoriana dia nanambara fa izy ihany koa dia niahiahy ny amin'ny fahafahany hahomby. Nibanjina ny latabatra izy teo am-pitantarako ny tsy fahombiazany tao amin'ny kilasy fampianarana teny anglisy. Rehefa nanamafy ny mpampianatra tantara an'i Sandra fa tsy nahomby koa izy tao amin'ny kilasiny, dia nigorisa nidina ambanimbany kokoa teo amin'ny sezany izy ary nahita ranomaso nitsotsorika teo amin'ny tavany aho.

Nanangona fangorahana tao anatiko aho dia nanazava taminy sy tamin'ny rainy fa raha toa ka te hahomby amin'ireo taranja sarotra ireo i Sandra dia tsy maintsy manova ny fihetsiny izay nahatonga azy ho latsaka tao anatin'izany lavaka izany izy ary ho tena sarotra tokoa izany.

## Hafatra iray avy tamin'ny rainy

Dia nitodika tany amin'ny rain'i Sandra, lehilahy zara raha nianatra izay toa tsy nahazo aina rehefa niresaka momba ny sehatra ara-pianarana, ilay mpanoro hevitra. Nanontany azy ilay mpanoro hevitra raha toa ka manana fanontaniana ho an'ireo mpampianatra izy. Nilaza izy fa tsy nanana ary nisaotra anay tamin'ny zavatra nataonay ho an'i Sandra. Saingy nilaza izy avy eo fa nanan-javatra holazaina tamin'ny zanany vavy.

Nidobodoboka be ny foko. Efa nandray anjara tamin'ny sasany tamin'ireo fihaonan'ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra aho izay nibedesan'ireo ray aman-dreny ny zanany teo imason'ny mpampianatra sy ny mpanoro hevitra, nanakiana azy ireo ny amin'ny fahakamoany, ny tsy fifantohany, ary ny tsy fahampian'ny zotom-po. Niomana ny hihaino izany indray aho.

Nahatalanjona ahy anefa ny zavatra reko. Nitodika tany amin'ny zanany vavy 16 taona izay nitomany, notambesaran'ny henatra sy nenina ny rain'i Sandra feno fanetrentena dia niteny taminy hoe: "Tsy tara loatra izao. Tsy tara loatra izao mba hahombiazanao. Tena tsy mbola tara loatra izao."

Nandao izany fivoriana izany tamim-pankasitrahana aho noho ny fihetsiny feno fitiavana kanefa nanana ahiahy fa tsy fantany mihitsy ny zavatra hotakina amin'ny zanany vavy mba hifindra kilasy tao anatin'izany toe-javatra izany. Toa tsy azo heverina izany. Nisy filazana nivoaka taty aoriana fa nanapa-kevitra ny hanajanona ny kilasy tantara izy fa tsy ny kilasy fampianarako anglisy.

Taty aoriana kely tamin'io andro io rehefa nandohalika nivavaka aho, nisaintsaina ireo fahalemeko sy nangataka famelana tamin'ny Raiko any An-danitra, dia fantatro fa nila nianatra zavatra betsaka avy tamin'ny rain'i Sandra aho. Ny fahatsapana ho tsy voaro sy ny fahatsapana ho tsy mahavita zavatra dia efa nahatonga ahy hanontany tena indraindray teo amin'ny amin'ny fiainako manokana raha



toa ka mendrika ny homena fahafahana hanao ezaka fanindroany aho. Tamin'ireo fotoana ireo, ny Tompo, tahaka ny rain'i Sandra, dia nisafidy ny tsy hibedy ahy fa nanome toky ahy kosa hoe: "Tsy tara loatra izao, ry zanako vavy. Tsy tara loatra izao."

### Ny hafatry ny filazantsara

Impiry moa isika no nino ny hafatry ny fahavalo fa tsy misy fanantenana intsony ny amintsika? Kanefa mifanohitra amin'izany no lazain'ny mpaminany. Nanambara i Isaia hoe: "Aoka hiverina ho amin'i Jehovah ireny, fa hamindra fo aminy Izy, Eny, ho amin'Andriamanitsika, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy" (Isaia 55:7). Nanampy ny tenivavolombelony i Môrmôna hoe: "Arakaraka ny nibebahany sy ny nitadiavany famelana tamin'ny finiavana marina no namelana azy" (Môrônia 6:8). Ny fifaliana avy amin'ny filazantsara dia hoe tsy misy tara loatra izany mihitsy. Satria arakaraka ny hikatsahantsika famelan-keloka no hamelan'ny fanavotan'ny Tompo antsika hamerina hatramin'ny voalohany indray.

Nitondra fiovana tsikelikely kanefa nanan-danja i Sandra, niaraka tamin'ny zotom-po hanomboka indray. Tsy mora ilay fiovana—nitaky ezaka isan'andro mba handresy ireo fahazarandratsiny izany—kanefa hitany ireo valisoa ho an'ny ezaka nataony rehefa nihatsara ny naotiny.

Raha jerena avy amin'ny fijery araka ny filazantsara dia tsy hisy fiantraikany eo amin'ny naotintsika farany ny faharetan'ny fotoana nampitolefika antsika na ny halalin'ny lavaka nohadiantsika mba hilentehantsika. Ny Tompo kosa dia hitsara ny fiainantsika araka ny lalana hitodihantsika, ny fomba nibebahantsika, ary hoe hatraiza no nianteherantsika tamin'ny Sorompanavotan'ny Tompo.

Noho izaho nanana fahatakarana voafetra dia niahiahy ny amin'ny fahafahan'i Sandra mandresy ireo fahadisoana nataony tany aloha aho. Mifanohitra amin'izany, ny Raintsika tonga lafatra dia tsy very fanantenana na oviana na oviana amin'ny fahafahan'ny zanany mahazo famonjena amin'ny alalan'ny fahatongavana ho tanteraka ao amin'i Kristy. Tsy maninona ny hoe nania hatraiza isika; hitady ilay anankiray mandrakariva Izy. Miangavy antsika ny Tompo mba tsy hirenireny toy ny mpivahiny ao amin'ny fahotana intsony fa hitady Azy kosa amin'ny fanantenana ary hianoka ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotany tsy misy fetra. Marina tokoa fa tsy misy izany tara loatra izany. ■

*Monina any Virginie, ao Etazonia ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I KELLEY MCMORRIS

# ELEFANTA IRAY AO AMIN'NY EFITRANO FIANARANA

*Ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra dia tsy manova fotsiny ihany ny fomba hampianarantsika. Manova ny fomba hianarantsika izy ireny.*

**Nosoratan'i Jessica Griffith sy i Richard M. Romney**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Miatrika olana i Mzwakhe Sitole. Noho izy filohan'ny Sekoly Alahady ao amin'ny paroasy dia manana andraikitra avy amin'Andriamanitra izy ny hitondra fanampiana amin'ny fanatsarana ny fianarana sy ny fampianarana ny filazantsara ao amin'ny paroasy.[1]

Saingy ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny ao Johannesbourg, Afrika Atsimo dia toa manana fahasamihafana lehibe eo amin'ny zavatra niainan'izy ireo tany aloha sy ny zavatra andrandrain'izy ireo. Ny sasany dia nahavita fianarana tsara, ny sasany tsia. Maro ireo nampianarina fa ny anjaran'ny mpianatra dia ny mihaino fa tsy ny miresaka. Ny sasany dia miatrika olana be ara-kolontsaina amin'ny fahatakarana fa ny lehilahy sy ny vehivavy dia tokony *samy* handray anjara amin'ny fampianarana ao am-piangonana sy ao an-trano.

"Ahitana olona miteny amin'ny fiteny samihafa koa ao aminay," hoy Rahalahy Sitole. "Kanefa ny Fanahy dia te hibitsika amin'ny tsirairay."

Rehefa nampidirina ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra sy ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* tamin'ny taona lasa dia nanomboka nanao fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra ny paroasy sy ny sampana manerana ny Fiangonana mba hifanakalo hevitra sy hianatra ary hampihatra ny dikan'ny hoe mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy.

Tamin'izay no nanombohan-dRahalahy Sitole nahita ny fomba hahafahan'ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra mitahy ny paroasiny. Azo resahina ireo olana ara-kolontsaina, azo ampitomboina ny fandraisana anjara ao an-dakilasy, ary afaka ny ho tonga fitahiana ireo fomba fijery samihafa ananan'ny mpikambana.

Tahaka ireo olona maro hafa manerana izao tontolo izao dia tonga saina Rahalahy Sitole fa ny Tompo dia tsy mampiasa ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra mba hanovana fotsiny ihany ny fomba fampianarantsika. Ampiasainy ihany koa izy ireny mba hanovana ny fomba fianarantsika.

## Elefanta hita amin'ny fomba fijery tokana


Iray amin'ireo zava-baovao mahaliana indrindra lasa fantatry ny Rahalahy Sitole ny hoe rehefa manome andraikitra ny mpianatra handray anjara amin'ny fianaran'izy ireo manokana ny mpampianatra dia mahazo tombony avy amin'ny fomba fijery mivelatra izay omen'ny fomba fijery samihafa ny rehetra.

Tonga tao amin-dRahalahy Sitole nandritra ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra iray izany fahatakarana izany, rehefa nizara ilay fanoharana momba ireo lehilahy jamba sy









ilay elefanta izay hitan'izy ireo tamin'ny fomba fijery tokana fotsiny ihany ny mpikambana iray. Ilay fanoharana dia mitantara ny fomba namaritan'ny lehilahy jamba miisa enina tamin'ny fomba tsy nitovy ny elefanta iray (ny tongony iray dia toy ny andry, ny rambony dia toy ny tady, ny orony dia toy ny fantson-drano, sy ny sisa) satria mikasika faritra samihafa ny tsirairay.[2]

"Fa andao heverina ho maneho ny fampianarana ny filazantsara ilay elefanta," hoy Rahalahy Sitole. "Raha izay no izy dia mila mamela ny mpianatra tsirairay isika mba hizara ny fomba fijeriny, mba hahafahantsika manana fahatakarana iraisana mikasika ny fomba hitahian'ny filazantsara antsika rehetra."

Izany no antony hipetrahan'ireo mpampianatra ao amin'ny paroasin-dRahalahy Sitole mandrakariva manodidina ny latabatra iray mandritra ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra, mba hanamorana ny fifanakalozan-kevitra. "Mampahatsiahy anay izany fa tokony homena lanja avokoa ny hevitry ny rehetra," hoy izy.

### Araka ny zavatra ilain' *izy ireo*

Any Tokyo, Japana, i Natsuko Soejima dia niahiahy raha toa izy ka afaka mampianatra tsara. "Rehefa nantsoina ho mpampianatra tao amin'ny Sekoly Alahadin'ny zatovo aho," hoy izy, "dia nolazaiko tamin'ny eveka fa hampatahotra ahy izany. Saingy nilaza izy fa avy amin' Andriamanitra ilay antso, ka dia nanaiky aho."

Nampatahotra azy ilay kilasy manontolo amin'ny maha-vondron'olona maromaro izany noho ny olana izay nisy teo amin'ny isam-batan'olona. Nanana fahasembanana ara-pandrenesana ny roa tamin'ireo zatovo. Ny mpianatra sasany izay nifindra tany Japana avy any amin'ny firenen-kafa dia tsy niteny afa-tsy teny anglisy. Nampatahotra azy ihany koa ny elanelan-taona nisy teo aminy sy ireo mpianany.

Avy eo anefa, nandritra ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra dia nahita valinteny iray Rahavavy Soejima. "Niresaka mikasika ny hitiavana ny mpianatra tsirairay izahay, ny hamantatra ny anaran'izy ireo, ny hivavaka ho azy ireo tsirairay, ary ny hampianatra, miaraka amin'ny fitarihan'ny Fanahy, araka ny zavatra ilain' *izy ireo*," hoy izy nanazava, "ka izany no natomboko natao." Nanao zavatra hafa izay nianarany tao amin'ilay filankevitra ihany koa izy: "Nampiasa fomba fiteny izay nampita ny fitiavako aho."

Ny vokatra azo? "Niova ny foko. Nanomboka nahatsapa fitiavana ho an'ny mpianatro aho. Niraharaha ireo izay tsy tonga aho ary nivavaka ho azy ireo koa. Raha vantany vao tapitra ny lesona iray dia nanomboka niomana ho an'ny manaraka aho, mba hanana fotoana hieritreretana ireo fahafahana hampianatra. Dibo-kafaliana aho."

### Valinteny mifandray amin'ny zavatra iray manokana

I Brad Wilson, izay filohan'ny Sekoly Alahady ao Minnesota, Etazonia dia maka antoka fa tsy mandao ny fivoriana ireo mpampianatra ao amin'ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra raha tsy efa avy niresaka mikasika ny fomba hiovan'izy ireo izy ireo noho ny zavatra izay nianarany.

"Nanaraka ny toromarika nomena ao amin'ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* izahay" hoy Rahalahy Wilson. "Niresaka mikasika ny traikefan'ireo mpampianatra izahay, ary avy eo dia niresaka ny iray tamin'ireo lohahevitra naroso. Amin'ny maha-mpanentana ahy dia nametraka fanontaniana sy nandravona ireo hevitra aho. Dia nanao fampiharana izahay avy eo. Nizara ho vondrona kely maromaro izahay dia nifanakalo hevitra ny amin'ny hoe —Inona no handeha hataoko amin'ny fomba hafa noho ny fivoriana nataonay androany?—"









I Ron Goodson, izay mpampianatra ao amin'ny kôlejin'ny diakona ao amin'io paroasy io ihany, dia nilaza fa nahatalanjona azy ny nahita ny fomba "nitarihan'ny" Rahalahy Wilson an'ilay filankevitra. "Niresaka momba ny hoe, ahoana no ho nampianaran'ny Mpamonjy izahay," hoy izy. "Ary rehefa mahatsapa ny Fanahy ianao dia mieritreritra hoe —Zavatra tokony handramako amin'ny mpianatro ity.— Manova ny fomba fampianaranao ny fieritreretana ny Mpamonjy. Lasa tsy dia hoe —Mila manomana lesona aho,— intsony izany fa lasa bebe kokoa hoe —Inona no ilain'ireto diakona ireto ary ahoana no ahafahako manome azy ireo izany?—"

Tadidiny ny nanoratany tao amin'ny diariny hoe: "Nanatrika fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra aho androany, ary izao no ilaiko atao." Raha ny marina dia feno fanamarihana toy izany ny diariny. Miomana mialoha izy ankehitriny: "Manomboha aloha indrindra dia mahazo fitaomam-panahy ianao ny herinandro manontolo." Anontaniany an'ireo diakona ny zavatra mitranga eo amin'ny fiainan'izy ireo: "Mahomby kokoa aho amin'ny fanampiana azy ireo rehefa fantatro tsara kokoa izy ireo." Ary manasa ny diakona hanampy mba hampianatra izy: "Rehefa manao izany izy ireo dia mianatra tsara kokoa ihany koa."[3]

### Nanohy nihira aho

"Nandritra ny filankevitra natao-nay dia niresaka mikasika ny fomba ahafahan'ny hira manasa ny Fanahy izahay," hoy i Jocelyn Herrington, izay mpampianatra ao amin'ny Kilonga ao amin'ilay paroasy ao Minnesota ihany. "Tamin'ny farany teo dia nampianatra ny Tanamasoandro aho. Nieritreritra aho hoe —hihira aho mandritra ny fotoana handokoan'izy ireo, dia hahafinaritra izany.— Nanomboka nihira aho, dia nitsahatra nandoko izy rehetra ary nihaino. Ka dia nanohy nihira aho. Nitondra ny Fanahy izany, ary rehefa vita ny hirako dia feno fanajana izy ireo, niandry ahy hiteny. Efa niresaka momba izany koa izahay [nandritra ny filankevitra], dia ny hijoro ho vavolombelona rehefa misy fahafahana. Koa dia nijoro ho vavolombelona tamin'ny teny azon'izy ireo takarina aho."



**FANAMPIM-PANAZAVANA**

Mba hahazoana fahalalana bebe kokoa momba ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra sy ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy,* dia tsidiho ny **teaching.lds.org.**

## FANOVANA MAHAKASIKA IREO FIVORIANA ALAHADY AMIN'NY 2018

Manomboka amin'ny janoary dia hisy fanovana atao mahakasika ireo fivorian'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana. Ireo fanovana ireo dia mifototra amin'ny zavatra efa nianaran'ireo mpikambana tamin'ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra. Hisy fanazavana omena momba ireo fanovana, tafiditra ao anatin'izany ny fitaovana misy lesona vaovao, manomboka amin'ny volana manaraka, ao anatin'ny edisiônan'ny fihaonambe ao amin'ireo gazetiboky, ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile, ary ao amin'ny LDS.org.

Nilaza Rahavavy Herrington fa ankasitrahany ny fanasana ny mpampianatra ao amin'ny Kilonga handray anjara amin'ny fivorian'ny filankevitra. "Miresaka mikasika ny fampianarana ny olon-dehibe izahay," hoy izy, "fa aorian'izay dia hiteny Ranadahy Wilson hoe —Ary ahoana ny amin'ny fampianarana ny zatovo? Ahoana ny amin'ny fampianarana ny ankizy?— Ampahatsiahiviny anay fa ao avokoa ireo sokajin-taona rehetra."

### Avy amin'ny filankevitra iray mankany amin'ny filankevitra iray hafa

I Adam Martin, izay filohan'ny Sekoly Alahady ao Calgary, Alberta, Kanada, dia nilaza fa ankasitrahany ireo sosokevitra avy amin'ny filankevitry ny paroasy. "Ny Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana na ny filohan'ny kôlejin'ny loholona dia hiteny hoe —Tianay hifantoka amin'ity ny mpampianatra— ka noho izany dia resahanay mandritra ny [fivorian'ny] filankevitry ny mpampianatra izany," hoy izy.

Fony vao nanomboka ireo fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra dia tsy azon'ireo mpampianatra antoka ny zavatra tokony handrasan'izy ireo, ka dia nanome fanasana manokana maro be izy ary nampahafantatra ireo fitaovana fanofanana hita ao amin'ny teaching.lds.org. "Mandeha soa aman-tsara sy tsy tapaka izao ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra," hoy izy. "Fantatr'izy ireo fa toerana hiresahana ny zavatra mitranga izany."

Ny fivoriana iray vao haingana dia niompana tamin'ny fanarahana ny Fanahy. "Niresahanay ny mikasika ny fiomanana tsara fa tsy mieritreritra be ny hampianatra ny zavatra rehetra," hoy izy. "Nilaza ny rahavavy iray fa nahatsapa mandrakariva izy fa nila niresaka momba ny zavatra rehetra tao amin'ny lesona nomaniny. Hita taratra ny fahatongavan-tsainy fa tsy ilaina ny miresaka ny zavatra rehetra rehefa niresaka mikasika ny fanarahana ny fitaomam-panahy izahay rehefa mitarika fifanakalozan-kevitra iray."

### Miara-mitady vahaolana

Ny toe-javatra misy ao anatin'ny fampianarana tsirairay dia ahitana ny tombontsoa sy ny olana ary ny fitahiana mety ho azo izay mahakasika izany manokana. Izany no mampahomby ny filankevitra satria mamela ny mpampianatra, miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy, hikatsaka sy hitady valinteny momba ireo olan' *izy ireo* manokana izy ireny.

I Geoffrey Reid, izay filohan'ny Sekoly Alahadin'ny tsatòka ao Arizona, Etazonia, dia nilaza fa ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra dia tena mahomby rehefa mahatakatra ny mpampianatra fa ny tanjon'izy ireo dia ny hifampila hevitra: "Dia mahita izy ireo avy eo fa afaka mifanampy."

Ny tsatòka, hoy izy, dia mifantoka amin'ny fanampiana ny mpampianatra hanova ny fomba fieritreretan'izy ireo manao hoe "Mety tsara ve ny fampianarako?" ho lasa hoe "Ahoana no handraisan'ny mpianatra ireo hafatra?"

I Marisa Canova, izay mpampianatra ao amin'ny Kilonga ao amin'ilay tsatòka dia nilaza fa ho valin'ny fitaomam-panahy tsapany tao amin'ny filankevitry ny mpampianatra dia mamporisika ireo mpikambana ao amin'ny kilasin'ny Mahery fo 8 taona ampianariny izy mba hifampivavaka.

Nahomby izany, saingy mety tsy toy izany ny fahombiazan'ilay izy ho an'ny kilasy iray ho an'ny olon-dehibe. "Ny fivavahana ho an'ny mpianatra tsirairay ao anatin'ny kilasy lehibe iray ianarana ny Fotopampianaran'ny filazantsara dia mety ho adidy mavesatra tokoa," hoy izy. "Soa ihany fa ireo mpampianatra ireo dia miteny hoe— Ahoana araka ny hevitrareo no azontsika hanamboarana izany hifanaraka amin'izay ilain'ny kilasintsika?— Dia miara-mahita vahaolana izahay.

"Ny zavatra tena tiako mikasika ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra," hoy izy, "dia ny hoe manome antsika fotoana izy ireny mba hisaintsainana hoe manao ahoana ny zava-bitantsika ary inona ny zavatra ataontsika. Tena manampy ny fahazoana fanampiana sy tatitra, ary mahatsapa fa miara-manatratra tanjona iray ny rehetra. Tiako ihany koa ireo fomba fijery samihafa izay entin'ny olona maro be ao anatin'ireo fivoriana. Manampy ahy hanisy lanja ireo zavatra izay tsy ho nomeko lanja mihitsy raha izaho irery izany."

Rehefa mandray anjara sy mizara hevitra mandritra ireo fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra isika dia ho lasa mazava kokoa ny fahatakarantsika momba ilay elefanta antsoina hoe "fampianarana ny filazantsara". Tahaka ny Rahalahy Sitole ao Afrika, dia maro ireo mpikambana manerana ny Fiangonana no mahita fa rehefa mihatsara ny fahaizantsika mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy dia tsy ny fomba hampianarantsika ihany no ovain'izany, fa ny fomba hianarantsika ihany koa. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 12.2.2.
2. Ilay fanoharana dia hita ao amin'ny "What Is Truth?" izay nataon'i Dieter F. Uchtdorf. (Fampaherezam-panahy ho an'ny Tanora Tokan-tena sy Mpivady Vao Herotrerony an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 13 jan. 2013), broadcasts.lds.org; sy ny "What Is the Truth?" izay nataon'i Dieter F. Uchtdorf, *Friend,* Mar. 2017, 2.
3. Mba hahazoana sosokevitra bebe kokoa dia jereo ny Brian K. Ashton, "Helping Youth Teach," *Liahona,* aog. 2016, 24–25.



*Maro ireo [fanahy] izay miandrandra fatratra an'ireo namany izay mbola velona mba hanao asa ho azy ireo any amin'ny tempoly," hoy ny rain'ny raibeko efa nodimandry rehefa niseho tamin'i A. C. Nelson raibeko izy.*

# Manokatra NY lanitra

## AMIN'NY ALALAN'NY ASA ATAO ANY AMIN'NY TEMPOLY SY NY FANAOVANA TANTARAM-PIANAKAVIANA



**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
sy i Wendy W. Nelson

*Nandritra ny famelabelarana nataon'izy ireo tamin'ny RootsTech 2017 dia nanasa ny Olomasin'ny Andro farany ny Filoha Russell M. Nelson sy i Wendy vadiny mba hisaintsaina amim-bavaka ny karazana fahafoizantena azon'izy ireo atao mba hahafahana manao asa atao any amin'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana bebe kokoa.*

**Filoha Nelson:** Fony mbola vady sy raim-pianakaviana tanora i A. C. Nelson raibeko, izay vao 27 taona, dia nodimandry ny rainy. Tokony ho telo volana taorian'izay dia tonga nitsidika azy ny rainy efa maty, dia ny rain'ny raibeko izany. Ny fotoana nitrangan'izany fitsidihana izany dia tamin'ny alin'ny 06 aprily 1891. Talanjona tamin'ny fitsidihan'ny rainy azy i Dadabe Nelson ka dia nosoratany tao amin'ny diariny ilay zavatra niainany mba ho an'ny fianakaviany sy ny namany.

Nanoratra i Dadabe Nelson hoe: "Teo am-pandriana aho raha niditra ny efitrano ny raiko." "Nanatona izy dia nipetraka teo amin'ny sisim-pandriana. Hoy izy hoe —Koa satria aho manana minitra vitsy malalaka ry zanako dia nahazo lalana ny hankaty sy hamangy anao mandritra ny minitra vitsy aho. Salama tsara aho ry zanako, ary efa be dia be ny zavatra nataoko hatramin'ny nahafatesako.—"

Rehefa nanontanian'i Dadabe Nelson azy ny zavatra nataony dia namaly ny rainy fa sahirana mafy nampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tao amin'ny tontolon'ny fanahy izy.

"Tsy azonao an-tsaina ry zanako hoe firy no isan'ny fanahy ao amin'ny tontolon'ny fanahy izay tsy mbola nandray ny filazantsara," hoy izy. "Kanefa maro no mandray izany, ary asa lehibe no tanterahina any. Maro ireo izay miandrandra fatratra an'ireo namany izay mbola velona mba hanao asa ho azy ireo any amin'ny tempoly."

Nilaza tamin'ny rainy i Dadabe Nelson hoe: "Manam-pikasana ny ho any amin'ny tempoly sy hofehezina aminao izahay ry dada, raha vantany vao afaka manao izany izahay."

SARY NATAON'I BJORN THORKELSON; SARY LAFIKA, FINDAY, ARY SARINA TABLETTE AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



***A. C. Nelson, raiben'ny Filoha Russell M. Nelson.***

Namaly ny rain'ny raibeko hoe: "Ampahany amin'ny antony nitsidihako anao izany ry zanako. Mbola ho fianakaviana ihany isika dia hiaina mandrakizay."

Dia nanontany i Dadabe Nelson hoe: "Dada a! Marina ve ny filazantsara araka izay ampianaran'ity Fiangonana ity azy?"

Nanondro sary iray maneho ny Fiadidiana Voalohany izay nihantona teo amin'ny rindrin'ny efitrano fandriana ny rainy.

"Tahaka ny hahazoanao antoka mihitsy anaka fa mahita ity sary ity ianao, dia azo antoka toy izany fa marina ny filazantsara. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manana ao anatiny ny hery hamonjena ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra izay hankatò izany, ary tsy misy fomba hafa mety hahazoan'izy ireo ny famonjena ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Ry zanako, mifikira mandrakariva amin'ny filazantsara. Aoka ianao hanetry tena, aoka ianao ho tia vavaka, aoka ianao hanoa ny fisoronana, aoka ianao ho marina, aoka ianao ho mahatoky amin'ireo fanekempihavanana nataonao tamin' Andriamanitra. Aza manao na inona na inona mety tsy hahafaly an' Andriamanitra. Tena fitahiana tokoa ny filazantsara. Ry zanako, aoka ianao ho zazalahy tsara toetra."

**Rahavavy Nelson:** Tena tiako ireo Aoka maromaro ireo. "Aoka ianao hanetry tena, aoka ianao ho tia vavaka, aoka ianao hanoa ny fisoronana, aoka ianao ho marina, aoka ianao ho mahatoky amin'ireo fanekempihavanana nataonao tamin' Andriamanitra. . . . Aoka ianao ho zazalahy tsara toetra." Aoka miisa enina izay tonga aty aminao tamin'ny alalan'ny rain'ny raibenao efa nodimandry. Tena mitovy be amin'ny zavatra nolazain'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) ny zavatra nolazainy raha ireo Aoka miisa enina nolazainy ireo no jerena.[1]

**Filoha Nelson:** Izany mihitsy, sa ahoana? Tena sarobidy amiko ny namelan'ny raibeko izany rakitsoratra izany ho anay. Lasa fantatray fa ireo zanaky ny rainy dia voafehy taminy taorian'izay. Ka noho izany dia tanteraka ny anton'ny fitsidihany.

### Ny fanahin'i Elia

**Filoha Nelson:** Ny anarana manana heviny lehibe iray ao amin'ny soratra masina dia manazava ny antony maha-manan-danja tokoa ny fianakaviana. Elia izany anarana izany. Ny hoe EL-I-JAH (amin'ny teny gasy hoe ELIA) amin'ny teny hebreo dia midika ara-bakiteny hoe "Jehovah no Andriamanitro."[2] Eritrereto anie e! Raiki-tapisaka ao anatin'ny anaran'i Elia ireo teny hebreo hiantsoana ny Ray sy ny Zanaka.

**Rahavavy Nelson:** I Elia no mpaminany farany nihazona ny fahefana mamehy an'ny Fisoronana Melkizedeka talohan'ny andron'i Jesoa Kristy. Ny asa nanirahana an'i Elia dia ny hampody ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy ary ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, mba hahafahana mamehy azy ireo, fa raha tsy izany dia "*horavana tanteraka* ny tany manontolo amin'ny fiaviany" (Joseph Smith—Tantara 1:39; nampiana fanamafisana). Mafimafy ihany izany teny nampiasaina izany.

**Filoha Nelson:** Tiako ny mieritreritra ny fanahin'i Elia ho toy ny "fiasan'ny Fanahy Masina mijoro ho vavolombelona momba ny fananan'ny fianakaviana toetra araka an'Andriamanitra."[3] Araka ny Torolalana ho an'ny soratra masina, "Ny fahefan'i Elia dia ny fahefana mamehy an'ny fisoronana ka ny zavatra izay feheziny na vahany ety antany dia fehezina na vahana any an-danitra" ("Elia").



**Rahavavy Nelson:** Ka rehefa milaza izany isika fa miasa amin'ny olona ny fanahin'i Elia mba hamporisika azy ireo hitady ireo havany maty, dia tena milaza isika fa ny Fanahy Masina dia mitaona antsika hanao ireo zavatra izay hamela ny fianakaviantsika ho voafehy mandrakizay.

**Filoha Nelson:** Mahafinaritra tokoa ny mampody ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy amin'ny alalan'ny fitantarana tantara momba ny tantarampianakaviana amin'ny fomba izay mora azo sy tsy hay hadinoina. Angamba ny fananana mandrakariva antontan-taratasy, tantara, sary ary fahatsiarovana momba ny tantaram-pianakaviana eo ambany masontsika dia afaka mampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika (jereo ny Môsià 1:5). Rehefa ataontsika eo amin'ny rindritsika, ny latabatsika, ao amin'ny solosaintsika, ny iPadntsika, ary ao amin'ny findaintsika koa aza izy ireny, dia mety hotaomin'ny fanahy angamba isika mba hanao safidy tsara kokoa sy hanakaiky ny Tompo sy ny fianakaviantsika bebe kokoa.

Kanefa, raha mijanona hatreo isika dia tsy mbola nahavita be isika. Amin'ny mahampikamban'ny Fiangonana antsika, ny fahalianantsika amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana dia namporisihan'ny torolalana avy amin'ny Tompo fa tsy afaka ny hatao tanteraka ny razambentsika raha tsy eo isika ary tsy afaka atao tanteraka isika raha tsy eo izy ireo (jereo ny F&F 128:15). Midika izany fa tokony ho voafatotra miaraka isika amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny famehezana masin'ny tempoly. Tokony ho rohy matanjaka ao amin'ilay rojo miainga avy amin'ny razambetsika ka hatrany amin'ny taranatsika isika. Raha ireo tantara sy sary voangotsika no ho lasa vokatra farany azo avy amin'ny zavatra ataontsika, raha fantatsika hoe iza ireo razambentsika ary mahafantatra zavatra mahatalanjona momba azy ireo isika, kanefa avelantsika ho raikitra any ampitan'ny voaly tsy nahavita ny ôrdônansiny izy ireo, dia tsy hanampy velively ireo razambentsika izay voahidy ao amin'ny tranomaizin'ny fanahy izany zavatra nahavariana antsika izany.

**Rahavavy Nelson:** Zava-dehibe ny mitahiry ny tantaran'ny razambe, kanefa tsy tokony hanakana velively ny famitantsika ny fanaovana ny ôrdônansin'ireo razambentsika. Mila manokana fotoana hitadiavana ireo zavatra ilaina hahafahana manao ny ôrdônansin'ireo razambentsika isika.

**Filoha Nelson:** Ary izany dia midika hoe mahafoy fotoana izay, raha ny mahazatra, dia laniantsika hanaovana zavatra hafa. Mila mandany fotoana bebe kokoa any amin'ny tempoly sy amin'ny fanaovana fikarohana tantarampianakaviana isika, ka tafiditra ao anatin'izany ny firaketana anarana.

**Rahavavy Nelson:** Tena mitondra ireo fitahian'ny lanitra tokoa ny fahafoizantena.[4] Nahazo fanampiana lehibe aho mba hahita razambe maro izay azoko antoka fa vonona ny hanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra sy handray ireo ôrdônansy ilaina. Rehefa nandeha ny fotoana dia tsapako fa raha teo am-pamitana tetikasa mavesatra iray aho ary tsy nanam-potoana sy hery ary hevitra intsony, raha nahafoy fotoana aho hitadiavana ireo zavatra ilaina hahafahana manao ôrdônansy ho an'ny razambe sasantsasany na handehanana tany amin'ny tempoly mba hisolo tena azy ireo, dia nisokatra ny lanitra ary



nanomboka nitosaka ny hery sy ny hevitra. Nanana fotona ampy tsara nanatratrarana ny fetra tokony hamitako ny asako ihany aho. Tena tsy azo noheverina mihitsy izany, saingy izay foana no nitranga. Mitondra fifaliana ho ahy izay tsy avy eto amin'ity tontolo ity mihitsy ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana.

### Tantaram-pianakaviana sy asa fitoriana ny filazantsara

**Filoha Nelson:** Raha misiônera aho amin'izao fotoana izao dia ireo namako roa akaiky indrindra tao amin'ny paroasy na sampana nanompoako no ho mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy sy ho mpanoro hevitra momba ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana ao amin'ny paroasy.

Manana faniriana ara-boajanahary ny hahafantatra zavatra momba ireo razambeny ny olona. Lasa fanararaotra mahazatra ho an'ireo misiônerantsika izany. Rehefa mianatra mitia ny olona ampianariny ny misiônera dia handeha ho azy ny fametrahan'izy ireo fanontaniana momba ny fianakavian'izy ireo. "Mbola velona ve ny ray aman-dreninao? Mbola velona ve ny ray aman-drenibenao? Fantatrao ve ireo ray aman-drenibenao miisa efatra?" Misosa mora ny fifampiresahana rehefa asaina miresaka momba ireo havan-tiany ireo olona nosintonina hiresaka amin'ny misiônera.

Amin'izay fotoana izay dia mety handeha ho azy ho an'ny misiônera, tafiditra ao anatin'izany ireo mpikambana misiônera, ny manontany hoe: "Misy fantatrao ve amin'ireo ray aman-drenin'ny ray aman-drenibenao? Fantatrao ve ny anaran'izy ireo?" Ny tombantombana dia tsy hahafantatra ny anaran'ireo ray aman-drenin'ireo ray aman-drenibeny valo rehetra ny naman'ny Fiangonana.

Aorian'izay dia afaka mandroso ity sosokevitra ity ny misiônera: "Manana namana afaka manampy aho ao amin'ny Fiangonanay. Raha afaka mahita ny anaran'ny sasany isika na mety ho ireo ray aman-drenin'ireo ray aman-drenibenao rehetra mihitsy aza, dia afaka manokana ora vitsivitsy amin'ny fotoanao ve ianao mba hamantatra hoe iza ireo ray aman-drenin'ireo ray aman-drenibenao?" Izany namana ao am-piangonana izany mazava ho azy dia ny mpanoro hevitra momba ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana.

**Rahavavy Nelson:** Raha ny hevitro dia mety hitondra fankaherezana ho an'ny misiônera ny mahafantatra fa tsy irery na oviana na oviana izy ireo rehefa mitady sy mampianatra ireo olona vonona ny handray ny fahamarinana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Ny Filoha George Q. Cannon (1827–1901), izay mpanolotsaina ny Filoha efatra tato amin'ny Fiangonana, dia nampianatra fa, amin'izao andro farany izao, ireo izay miditra ho mpikamban'ny Fiangonana dia miditra satria, raha ny tena marina, dia nivavaka ireo razambeny mba hisy olona iray amin'ny taranany hiditra ho mpikamban'ny



Fiangonana, mba hahafahan'izy ireo, ireo razambe, mandray ireo ôrdônansy ilaina amin'ny alalan'ny fisoloan-tena.[5]

### Fisandratana: raharahan'ny mpianakavy

**Filoha Nelson:** Raharahan'ny mpianakavy ny fisandratana. Amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny famonjena ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy irery ihany no hahafahana manandratra ny fianakaviana. Ny fiafarana tsara indrindra izay hiezahantsika hotratrarina dia ny hoe lasa sambatra ao anatin'ny fianakaviana isika, nahazo fanafiana masina, voafehy, ary vonona ny hahazo ny fiainana mandrakizay eo anatrehan' Andriamanitra.

**Rahavavy Nelson:** Ny kilasy tsirairay atrehantsika ao am-piangonana, ny fotoana tsirairay anompoantsika, ny fanekempihavanana tsirairay ataontsika amin' Andriamanitra, ny ôrdônansin'ny fisoronana tsirairay raisintsika, ny zavatra rehetra ataontsika ao am-piangonana dia mitarika antsika ho any amin'ny tempoly masina, dia ny tranon'ny Tompo. Misy hery lehibe afaka ho azon'ny mpivady sy ireo zanany amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny famehezana rehefa mitandrina ny fanekempihavanany izy ireo.

**Filoha Nelson:** Isan'andro isika dia mifidy ny toerana tiantsika hiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny fomba fieritreretantsika, ny zavatra tsapantsika, ny fomba firesatsika, ary ny fomba hanaovantsika zavatra. Efa nilaza ny Raintsika any An-danitra fa ny asany sy ny voninahiny dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny zanany (jereo ny Mosesy 1:39). Kanefa *tiany* isika mba hifidy ny hiverina any Aminy. Tsy hanery antsika mihitsy Izy na amin'ny fomba ahoana na ahoana. Ny fahamarinan'ny fitandremantsika ny fanekempihavanantsika dia maneho Aminy marina hoe hatraiza ny halehiben'ny

fitiavantsika ny hiverina hiara-hiaina Aminy. Ny andro tsirairay dia mitondra antsika ho akaiky kokoa na lavitra kokoa ny fahafahana be voninahitra ananantsika mba hahazo ny fiainana mandrakizay. Isika tsirairay avy dia mila mitandrina ny fanekempihavanantsika, mibebaka isan'andro, ary mikatsaka ny hitovy bebe kokoa amin'ny Mpamonjy antsika. Amin'izay fotoana izay, ary amin'izay ihany ny fianakaviana vao afaka ny hiaraka mandrakizay.

**Rahavavy Nelson:** Mijoro ho vavolombelona aho fa na tsara be toy ny ahoana aza ny fiainanareo amin'izao fotoana izao, na mety ho mahakivy sy mahavaky fo toy ny ahoana izany, dia hanatsara izany kokoa ny fandraisanareo anjara amin'ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana. Inona no ilainareo eo amin'ny fiainanareo amin'izao fotoana izao? Fitiavana bebe kokoa ve? Fifaliana bebe kokoa ve? Fahaizana mifehy tena bebe kokoa ve? Fiadanana bebe kokoa ve? Fotoana manan-danja bebe kokoa ve? Fahatsapana bebe kokoa ve fa mahavita manova zavatra ianareo? Fahafinaretana bebe kokoa ve? Valinteny betsaka kokoa ho an'ireo fanontaniana avy amin'ny fisaintsainana lalina nataonareo ve? Fifandraisana am-po bebe kokoa amin'ny hafa ve? Fahatakarana bebe kokoa momba ny zavatra vakinareo ao amin'ny soratra masina ve? Fahafahana mitia sy mamela heloka bebe kokoa ve? Fahafahana mivavaka amin-kery bebe kokoa ve? Aingampanahy sy hevi-baovao bebe kokoa ho an'ny asanareo sy ny tetikasa hafa ve? Fotoana bebe kokoa ho an'ny zavatra tena manan-danja ve?

Miangavy anareo aho mba hahafoy fotoana ho an'ny Tompo amin'ny alalan'ny fampitomboana ny fotoana hanaovanareo ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana, dia jereo avy eo ny zavatra mitranga. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mampiseho amin'ny Tompo isika fa tena vonona hanampy ireo razambentsika dia hisokatra ny lanitra ary hahazo ny zavatra rehetra ilaintsika isika.

**Filoha Nelson:** Afaka ny hitaona ny fanahintsika mandritra ny tontolo andro ireo zavatra niainan'ny hafa momba ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana. Saingy tsy maintsy manao zavatra isika mba hahatsapantsika mivantana marina ilay fifaliana. Tiako ny hanolotra fanamby amin'ny tsirairay avy amintsika mba hahafahan'ny fahatsapana mahafinaritra avy amin'ity asa ity hitohy ary hitombo mihitsy aza. Manasa anareo aho mba hieritreritra ombam-bavaka ny karazana fahafoizantena, tsara kokoa raha fahafoizana fotoana, azonareo atao mba hanaovana asa atao any amin'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana bebe kokoa amin'ity taona ity.

Mandray anjara amin'ny asan'Ilay Andriamanitra Tsitoha isika. Velona Izy. I Jesoa no Kristy. Fiangonany ity. Zanany amin'ny alalan'ny fanekempihavana isika. Afaka miantehitra amintsika Izy. ■

*Avy amin'ny famelabelarana iray natao tamin'ny fivoriambe momba ny tantaram-pianakaviana tamin'ny RootsTech 2017 tao Salt Lake City, Utah, Etazonia, tamin'ny 11 febroary 2017. Raha hijery ny horonan-tsarin'ilay famelabelarana amin'ny teny anglisy, pôrtogey, na espaniôla dia tsidiho ny lds.org/go/1017Nelson.*






**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Gordon B. Hinckley, "A Prophet's Counsel and Prayer for Youth," *Liahona,* apr. 2001, 30–41.
2. Bible Dictionary, "Elijah."
3. Russell M. Nelson, "A New Harvest Time," *Ensign,* mey 1998, 34.
4. Jereo ny "Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 100.
5. Jereo ny *Gospel Truth: Discourses and Writings of President George Q. Cannon,* natambatr'i Jerreld L. Newquist, boky 2 (1974), 2:88–89.

FANTARO MIALOHA NY HANDEHANANAO:

# Ny batisa any amin'ny tempoly

*Tsy misy tokony hiandrasana intsony. Ny mpikambana mendrika rehetra, anisan'izany ny tanora sy ireo mpikambana vaovao, dia afaka manompo ao amin'ny tempoly ankehitriny.*

**Nosoratan'i Heather J. Johnson**
Gazetibokin'ny Fiangonana

"Aoka isika mba ho olona mpandeha any amin'ny tempoly sy ho olona tia ny tempoly," hoy ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95). "Tokony hihazakazaka ho any amin'ny tempoly matetika araka izay azo atao isika . . . arakaraka ny toe-javatra iainanantsika manokana. Tokony handeha ho any isika, tsy ho an'ireo havantsika nodimandry ihany, fa mba hahazoana ny fitahiana ho an'ny tena manokana avy amin'ny fanompoam-pivavahana hatao any amin'ny tempoly sy ny fahamasinana ary ny fiarovana izay ao anatin'izany rindrina masina sy voatokana izany," ("A Temple-Motivated People," *Ensign,* Feb. 1995, 5).

Mihatra amin'ny mpikambana rehetra ato amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izany torohevitra izany, na mpikambana vao vita batisa aza ianao. Raha mbola mendrika ianao, dia tsy mila miandry mialoha ny ahafahanao mandeha any amin'ny tempoly. Raha vantany vao vita batisa sy noraisina ho mpikambana ianao dia afaka mahazo fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ampiasaina ao anatin'ny fotoana voafetra.

Io fahazoan-dalana io dia mamela anao hiditra ny tempoly mba hanao batisa sy fandraisana ho mpikambana isoloan-tena ho an'ireo razambe efa nodimandry. Rehefa manompo sy mitsaoka any amin'ny tempoly ianao dia afaka manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny filazantsara.



Mahakasika ny zavatra niainany voalohany tao amin'ny tempoly, i Natalia Lorena Figueroa avy any Argentine dia niteny hoe: "Nijery rahalahy iray natao batisa ho an'ny raibeko sy ireo dadatoako aho tao amin'ny efitrano fanaovana batisa tao amin'ny tempoly. Avy eo dia natao batisa ho an'ny renibeko sy ireo nenitoako aho. Nahatalanjona ny fifaliana tsapako. Nirotsaka ny ranomasoko, ary tsapako ho lehibe mihoatra izay efa tsapako hatrizay ilay hafanana tao an-tratrako." Misy fitahiana mitovy amin'izany miandry ireo izay mendrika ny hahazo sy mampiasa ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ampiasaina ao anatin'ny fotoana voafetra. ■

## FANONTANIANA APETRAKA MATETIKA

**Ahoana no fomba hahazoako fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ampiasaina ao anatin'ny fotoana voafetra?**

- Tsy maintsy 12 taona no ho mihoatra ianao ary mpikambana mendrika ao amin'ny Fiangonana. Tsy maintsy mandray ny Fisoronana Aharôna ny lehilahy, izay azo atao herinandro aorian'ny batisan'izy ireo.
- Mba hahazoanao fahazoan-dalana dia manao tafasiry aminao ny evekanao na ny filohan'ny sampana. Mitovy amin'ilay nataonao mialoha ny batisanao ilay tafasiry. Hiresaka momba ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny filazantsara sy ny fitandremanao ireo didy ianao.
- Manan-kery mandritra ny herintaona ilay fahazoan-dalana.

**Inona avy ireo fitahiana sasantsasany azo avy amin'ny fananana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ampiasaina ao anatin'ny fotoana voafetra?**

- Afaka manompo ireo razambenao nodimandry sy ireo hafa izay efa maty ianao amin'ny alalan'ny fanatanterahana batisa sy fandraisana ho mpikambana isoloan-tena ho azy ireo.
- Mety lasa hahatsiaro ny batisanao sy ny fandraisana anao ho mpikambana ianao ary ireo fanekempihavanana nataonao.
- Na dia tsy afaka mankany amin'ny tempoly matetika aza ianao dia afaka mitondra ny fahazoan-dalanao miaraka aminao ho fampahatsiahivana lalandava ny tempoly sy ny fanolorantenanao mba ho mendrika ny ho any.
- Ny fiainana mba ho mendrika ny hihazona fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ampiasaina ao anatin'ny fotoana voafetra dia manomana anao handray ireo ôrdônansin'ny fanafiana masina sy ny famehezana hataonao any amin'ny tempoly.

**Inona no tokony hataoko raha hanao drafitra hitsidika ny tempoly?**

- Mangataha fanampiana avy amin'ny mpitarika ny paroasy na ny sampana, toy ny mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy na ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana, amin'ny fanaovana drafitra hitsidika ny tempoly.
- Ny fandaharam-potoana hampiasana ny efitrano fanaovana batisa ao amin'ny tempoly tsirairay dia hita en ligne ao amin'ny temples.lds.org. Azonao atao ihany koa ny miantso ny tempoly hahazoana fanazavana.
- Raha vao sambany ianao no handeha any amin'ny tempoly dia afaka miantso ny tempoly mba haka fotoana. Amin'izay dia ho vonona handray anao izy ireo sy hanazava ny zavatra hataonao ao amin'ny tempoly.
- Ny akanjo tsara indrindra fanaonao rehefa alahady no ento any amin'ny tempoly.
- Mitondrà atinakanjo fotsy hisoloana. Manome atinakanjo fotsy ny tempoly sasany, fa ny sasany tsy manome. Hanome akanjo tohitena sy lamba famaohana ny tempoly.



**Inona no tokony handrasako rehefa mandeha any amin'ny tempoly aho mba hanao batisa sy fandraisana ho mpikambana isoloan-tena?**

- Rehefa miditra ny tempoly ianao dia mandeha eo amin'ny birao fandraisana fahazoan-dalana aloha. Hanamarina ny fahazoan-dalanao ny mpiasa iray ao amin'ny tempoly.
- Dia mandeha any amin'ny efitra fisoloana akanjo samy hafa ny lehilahy sy ny vehivavy. Omena toerana manokana mihidy ianao mba hisoaloanao akanjo ka hanaovana ilay akanjo tohitena nomena.
- Hitarika anao mivantana any amin'ny toerana hanatanterahana ny batisa sy fandraisana ho mpikambana isoloan-tena ireo mpiasan'ny tempoly.
- Ireo batisa sy fandraisana ho mpikambana handraisanao anjara dia hitovy amin'ny batisanao sy ny fandraisana anao ho mpikambana, saingy hanao izany eo amin'ny toeran'ny olona iray efa maty ianao.
- Rehefa vita ny fandraisanao anjara amin'ireo ôrdônansy dia hiverina ao amin'ilay efitra fisoloana akanjo ianao dia hanao ny akanjonao.
- Tsy misy tokony hampitebiteby momba ny fandehanana any amin'ny tempoly. Misy mpiasan'ny tempoly na aiza na aiza alehanao ao amin'ny tempoly. Hanampy anao izy ireo.

# Mamaha ny fifandirana

## ao anatin'ny fanambadianareo



**Nosoratan'i S. Brent Scharman**

Mpanolo-tsaina misotro ronona, Sampan-draharaha misahana ny Fianakaviana OAF (LDS Family Services)

Namono ny vatafahitalavitra i Matt sy i Margaret (novaina daho-lo ireo anarana) taorian'ny fivoa-riana farany tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Nitaona fanahy ireo hafatra, ary nankafizin'izy ireo ny tontolo najakan'ny eritreritra tsara izay nameno ny tokantranon'izy ireo tamin'izany faran'ny herinandro izany.

Tsy mbola nisy olona mety ho kivy kokoa noho i Matt sy Marga-ret rehefa nifamaly mafy izy ireo, 24 ora latsaka kely taty aoriana, raha toa ka tokony hotehirizina ny vola amboniny tsy nampoizina azon'i Matt tany am-piasana na hividianana akanjo entina mianatra ho an'ireo ankizy lehibe kokoa. Tsy voavaha ilay adihevitra, ary samy nandeha nanao zavatra hafa i Matt sy Margaret, sady nahatsapa ho tsy nifankahazo resaka.

*Fitahiana maro mahafinaritra no mitosaka avy amin'ny famahana ireo fifandirana ao anatin'ny tontolo hahatsapana fitiavana.*

Mba hanorenana fanambadiana maharitra sy feno fifaliana, ny mpivady dia tsy maintsy mianatra ny fomba hamahana ny fifandirana mba hahatsapan'ny tsirairay fa mahazo izay tiany holazaina ilay iray hafa izy ary ireo fanapahan-kevitra dia noraisina miaraka amin'ny marimaritra iraisana azo ekena.

**Fampitandremana sy fitarihana ara-panahy**

Ireo soratra masina sy ny tenin'ny mpaminany sy apôstôly dia manolotra fampitandremana maro be momba ny fifandirana. Mamaky isika ao amin'ny 3 Nefia hoe: "Izay manana ny fanahin'ny fifandirana dia tsy Ahy fa an'ny devoly kosa, izay rain'ny fifandirana" (3 Nefia 11:29). Ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa i Satana dia "miezaka ny hiterahan'ny fisarahana sy tsy fitovian-kevitra eo amin'ny ray sy ny reny. Misarika ny zanaka tsy hankatò ny ray aman-dreniny izy. . . . Fantatr'i Satana fa ny fomba azo antoka sy mahomby indrindra hampitsaharana ny asan'ny Tompo dia ny mampihena ny fahombiazan'ny fianakaviana sy ny fahamasinan'ny tokantrano."[1]

Ny tsy fitovian-kevitra, ny fahazarana, na ny toe-javatra niainana teo aloha dia tsy azo ialana,

SARY NATAON'I

saingy manana loharano maro be isika mba hanampiana antsika hahafantatra ny fomba hamahana izany. Ny fotopampianarana sy ny torolalana nampianarina nandritra ny fitsaohana ny Alahady sy ireo boky navoakan'ny Fiangonana dia afaka manampy ary azo hamafisina amin'ny fampahalalana tsara kalitao avy amin'ny matihanina raha ilaina. Afaka mianatra fomba hamahana fifandirana ny mpivady. Ny fitaomam-panahy dia afaka mitarika amin'ny fahalefahan'ny fo ka mahatonga ny mpivady hiova hatrany anaty.

Nampitandrina ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ny sasany amin'ireo fotoana lehibe indrindra hahafahantsika mampiseho ny fitiavantsika dia ao anivon'ny tokantranontsika. Ny fitiavana no tokony ho ampahany manan-danja indrindra eo amin'ny fiainam-pianakaviana, kanefa indraindray dia tsy izany no zava-misy. Mety hisy tsy faharetana diso tafahoatra ao, ady hevitra be loatra, fifandirana be loatra ary ranomaso be loatra."[2]

Rehefa mijanona maharitra ny olana ka manjary manimba ny fiainam-pianakaviana, dia mety misy antony goavana kokoa mahatonga ny fifandirana, ka anisan'izany ny tsy fahamatorana, ny fitiavantena, ny faniriana hanana fahefana hanjakazakana, ary ny avonavona. Nampianatra ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) hoe: "Efa ela no nahatsapako fa ny singa lehibe indrindra mahatonga ny fanambadiana iray ho feno fifaliana dia ny fieritreretana mafy izay hahasoa sy hahatsara ilay vadinao. Amin'ny ankamaroan'ny

**Anton'ny fifandirana**

Maro ireo anton'ny fifandirana, manomboka amin'ny hevi-dravina an'ny tena manokana mankany amin'ny fomba fifandraisana

| | | | |
|---|---|---|---|
| Mpivady vao mianatra mizatra miaina ny fombafomban'ny tsirairay | Tsy fitoviana voajanahary eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy | Fahasorenana vokatry ny harerehana | Tsy fitovian-kevitra mikasika ny fomba tsara indrindra hanabeazana ny zanaka, na hitantanana ny vola |
| Zanaka mianatra mampiasa ny fahafahana misafidy | Tsy fitovian'ny zavatra tiana sy tsy tiana | Misendoatra noho ny fikorontanan-tsaina | Tsy fahampian'ny fahatakarana na ny fahaiza-manao amin'ny famahana fifandirana |



**Fampitandremana momba ny fahatezerana**

Maro ireo fifandirana mipoitra eo amin'ny mpivady na ny fianakaviana noho ny fahatezerana tsy voafehy. Raha toa ka tsy mitandrina isika dia mety hieritreritra foana mikasika ny fomba nanaovan'ny vadintsika ratsy tamintsika aorian'ny zava-nitranga iray izay nahatezitra antsika taminy. Arakaraka ny hifantohantsika ela amin'izany no maha-betsaka ny anton-javatra azontsika hoforonina mba hanamarinana ny fomba fijerintsika. Izany fieritreretana zavatra ratsy tsy an-kiato izany dia misakana antsika tsy hitony, ary rehefa mipoitra ny onjam-pahatezerana faharoa kanefa tsy mbola voavaha ilay voalohany, dia mety hitarika amin'ny fahatezerana mafy dia mafy kokoa ny eritreritra na fahatsapana atosiky ny tsiry mpanentana.



Ohatra, nandritra ny fivoriana fakan-kevitra iray dia nofaripariitan'i Marilyn fa nahasorena tokoa ny nandry teo am-pandriana rehefa avy nifampikitakita izy sy ny vadiny. "Fantatro fa nanana ny rariny aho," hoy izy. "Fantatro fa handeha handrehitra jiro izy dia hialatsiny, kanefa tsy nataony mihitsy izany. Arakaraka ny nieritreretako an'izany no vao mainka nahatezitra ahy. Rehefa henoko nanomboka niesona izy dia tsy tantiko izany—nitsambikina niala teo am-pandriana aho dia nikitakita bebe kokoa azy ary avy eo dia nidina tany ambany. Dia inona hoy ianareo no teo fa tsy mbola niala tsiny ihany izy?" Ny zavatra niainan'i Marylin dia ohatra tsara amin'ny fomba tsy tokony hoentina mamaha ny fahatsapana fahatezerana.


**Fakafakao haingana ireo eritreritrao.** Ao amin'ny ohatra hitantsika teo, i Marylin dia afaka niteny tamin'ny tenany hoe: "Toy ny hoe manana ny rariny aho, kanefa misendaotra aho. Manan-danja bebe kokoa amiko noho ny zavatra hifandiranay ny fifandraisako amin'ny vadiko."



**Avoahy amin'ny fomba ahitam-bokatsoa ny fihetseham-ponao.** Ny fivazavazana momba izay zavatra tsapanao dia tsy hanampy anao "hanaisotra izany ao anatinao." Arakaraka ny hanehoanao ny fiontanam-ponao amim-pahatezerana no hahatonga ireo zavatra tsapanao ho mahery vaika kokoa.



**Avereno hatrany amin'ny voalohany indray.** Mijanona raha vao manomboka misy tsy fitovian-kevitra. Ny fikarohana dia nampiseho fa ny telo ka hatramin'ny dimy minitra voalohany amin'ny fifanakalozan-kevitra no ifotoran'izay mety hiseho manaraka eo. Mitenena hoe: "Mandeha any amin'ny tsy izy izy izany. Ndeha haverina hatrany amin'ny voalohany indray."






**Mitadiava zavatra mampiala voly.** Misafidiana hieritreritra zavatra hafa na manaova dia an-tongotra.



**Avelao hitony ny fihetsehem-ponao** mialoha ny hiezahanao mandresy olana iray. Andraso izay fisehoan-javatra ara-tsimika mety hitranga.



**Mihainoa hira mampitony** na mamakia boky mankahery.



**Soraty ny eritreritrao.** Ho an'ny olona sasany dia manampy mba hampitombo ny fahatsiarovan-tena izany.

**Dingana hamahana ny fifandirana**

Ny *Strengthening Marriage (Fanamafisana orina ny fanambadiana),* boky torolalana an'ny LDS Family Services (Sampan-draharaha misahana ny fianakaviana an'ny OAF),

| 1. FANEHOANA HEVITRA | 2. MAMAKAFAKA IREO OLANA | 3. FISAFIDIANANA VAHAOLANA MAHAFA-PO NY ROA TONTA |
|---|---|---|
| Mizara ny heviny amim-pahitsina kanefa tsy mivatravatra ny tsirairay. Indraindray dia mamaha ilay olana ny fisaintsaina am-pitandremana ny zavatra lazain'ny iray satria manjary mazava fa ilay tsy fitovian-kevitra dia tsy fahatakarana kely fotsiny ny zavatra tiany holazaina. Ohatra, ny vehivavy iray izay mihevitra fa ny vadiny dia mikiry amim-pitiavan-tena ny mba hanatrehany lalao baolina basiketin'ny sekoly ambaratonga faharoa miaraka aminy fa tsy hampiaraka hiara-hisakafo hariva, dia mety hanjary hahatakatra fa tsy liana loatra amin'ny lalao baolina basikety ny vadiny fa te haneho amin'ny mpilalao iray izay nitsahatra nanatrika ny kilasy Sekoly Alahady fa mieritreritra momba azy izy. | Mamakafaka lalina ireo olana ny mpivady. Ny zavatra hifantohana dia ny fahatakarana sy ny fanekena ny olan'ny tsirairay. Raha tohizana ilay ohatra momba ny baolina basikety, rehefa mahatakatra ny ahiahin'ilay vadiny ny amin'ilay mpianatra ilay vehivavy dia mety hino izy fa ilay vadiny dia miezaka ny hahay hametraka lamina mba hametraka ny zavatra ilain'ny hafa mialoha ny zavatra ilaina ao amin'ilay fanambadiana. Eto dia tsy maintsy atao izay hisian'ny fifampiresahana amim-pieritreretana tsara, ka ao anatin'izany, ny tsirairay dia hilaza ny zavatra tsapany amin'ny fomba feno fitandremana ary ny fifanoheran'izy ireo dia hanjary lasa fiaraha-miasa. | Ny mpivady dia miara-mieritreritra izay vahaolana azo heverina ary manapa-kevitra ny amin'ireo vahaolana mahafa-po ny roa tonta. Izany dia miompana amin'ny zavatra izay azon'ny tsirairay atao mba hamahana ireo olana fa tsy amin'ny zavatra azon'ny vadiny atao. Ny fifanarahana toy izany dia mety hizaha toetra ny fahamatorana sy ny faharetana, saingy, rehefa mandeha ny fotoana, izany dia hitarika amin'ny finoana fa misy fiarovana ao amin'ny filazana ny zavatra tsapa sy ny fahatokisana fa horesahina mandritra izany ny fanirian'ny olona tsirairay. Ireo mpivady ao amin'ilay ohatra dia afaka mifanaiky ny hanokana zoma alina iray hiarahana mijery lalao baolina basikety, zoma alina iray izay hanatrehan'ilay lehilahy samirery ilay lalao, ary zoma alina roa hanaovana fiaraha-mientana ho an'ny mpivady. Tsy manan-danja loatra ny fomba nifidianan'ilay mpivady ny handaniany ny zoma alina noho ny hoe mahafa-po azy roa ny hatsaran'ny dingana narahana teo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. |



fotoana dia ny fitiavan-tena no antony lehibe izay mahatonga ny adihevitra, ny fisarahan-toerana, ny fisaraham-panambadiana, ary ny alahelo lehibe."[3]

Ny Loholona Marvin J. Ashton (1915–94) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanao fanamarihana ihany koa hoe: "Rehefa mieritreritrany fahatsapana ratsy sy ny tsy fahazoana aina nateraky ny fifandirana n olona iray, dia tsara ny manontany hoe: -Nahoana aho no mandray anjara?- . . .

". . . Zava-dehibe ny miaiky fa isika no misafidy ny fitondrantenantsika. Loharanon'izany olana izany ilay olana nisy foana hatrizay dia ny avonavona."[4]

Na inona na inona antony dia mila mianatra fahaizamanao vaovao isika ary mampalefaka ny fontsika rehefa mitoetra maharitra ny olana.

### Fitsipika ho an'ny fifampiresahana momba ireo olana

Ireto voatanisa eto ambany ireto misy hevitra vitsivitsy izay mampitombo ny fahafahana mamaha olana amin'ny fomba mahomby:

•

Mikatsaha fanampiana ara-panahy.

•

Manapaha hevitra ny amin'ny fotoana sy ny toerana hiresahana raha toa ka misy olana goavana be.

### Vokatry ny famahana ny fifandirana

Fitahiana maro mahafinaritra no mitosaka avy amin'ny famahana ireo fifandirana ao anatin'ny tontolo hahatsapana fitiavana. Izany dia ahitana ny fiarovana; fivoaran'ny tena manokana, izay mitarika amin'ny fiadanana ao anaty; finoana mitombo; toetra mihatsara; ary fahamarinan-toetra an'ny tena manokana.

Rehefa voavaha ny fifandirana, dia afaka maka ny toeran'izany ireo lamina vaovao. Dia misokatra ho an'ireo mpivady ny varavarana mba hilazan'izy ireo ny eritreritra tsara ananany sy hampisehoana fanohanana. Rahavavy Jean B. Bingham, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany dia nilaza hoe: "Manana hery mahavariana ny teny. Sady afaka manamafy orina izany no afaka mampilofika. Isika rehetra angamba dia afaka mahatsiaro teny mandratra izay nampilofika antsika ary teny hafa nambara tamimpitiavana izay namelombelona ny fanahintsika. Ny fisafidianana ny tsy hiteny afa-tsy zavatra tsara mikasika ny hafa, sy tsy hiteny afa-tsy zavatra mahasoa amin'ny hafa, dia mampitraka sy mampatanjaka an'ireo olona manodidina antsika ary manampy ny hafa mba hanaraka araka ny fomban'ny Mpamonjy."[6]



Ireo mpivady izay nanao ezaka mba hivoatra tao anatin'ny fotoana maharitra tamin'ny famahana ny fifandirana dia mioty valisoa tena tsara. Ny lehilahy manambady iray izay niaina tao anatin'ny fifandraisana nikorontana teo aloha dia niteny hoe: "Sarotra ho ahy ny manao jery todika ny toetoetran'izany fifandraisana izany teo aloha sy ny hino fa tena nisy izany. Fa dia nahoana aho



# Nitady fanampiana
## taorian'ny nahafatesan'i Nancy

*Inona no nilaina nataoko mba hamelana ny hery manasitran'i Jesoa Kristy hiasa teo amin'ny fiainako?*

**Nosoratan'i Darren Wilcox**

Tamin'ny febroary 2016 dia nodimandry i Nancy vadiko rehefa avy niady mafy tamin'ny homamiadan'ny nono nandritra ny 11 taona. Tsy azo heverina ny hahafahana manazava ilay alahelo nitambesatra izay tsapako tao anatin'ireo volana vitsivitsy voalohany taorian'ny nahafatesany amin'ny olona iray izay tsy niaina io karazana famoizana olon-tiana io. Alahelo, fijaliana mafy, fahoriana, fanaintainana, tsy nisy ampy nilazana ny alaheloko ireo teny ireo. Tsy hay nozakaina izany.

### Ny hery manasitran'ny Mpamonjy

Efa ela aho no nahatakatra fa i Jesoa Kristy dia "[nidina] . . . ho ambanin'ny zava-drehetra" (F&F 88:6) mba hahafahany "[manampy] ny vahoakany arakaraka ny rofiny" (Almà 7:12). Izany dia midika fa ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia ahitana zavatra hafa ankoatra ny fanomezana ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny fanavotana amin'ny fahotana. Amin'ny alalan'io hery io dia afaka manasitrana antsika ihany koa Izy ao anatin'ny fotoana hijaliantsika sy mahasahirana antsika. Tao anatin'ny alaheloko dia niezaka haingana be aho, efa ho romotra mihitsy, nianatra ny zavatra nilaiko natao mba hamelana io lafin-javatra amin'ny herin'ny Mpamonjy io hiasa teo amin'ny fiainako. Nanadihady ny soratra masina sy ireo lahateny nataon'ny Manampahefana Ambony ao amin'ny Fiangonana nandritra ny herinandro maro aho. Nino tamin-kitsim-po aho fa, nahafantatra ny fanaintainana tsapako ny Mpamonjy tamin'ny alalan'ny fiaretany fanaintainana lehibe sy nanaovany sorona ny tenany. Fa manampy ahy amin'ny fomba ahoana anefa ny fahafantarany izany? Noho Izy nizaka izany *ho* ahy dia inona no nilaiko natao mba handraisana ny fanampiana izay efa fantany tamin'ny alalan'ny fijaliany ny fomba hanomezana azy?

Taorian'ny fanadihadiana lalina, fandalinana, vavaka ary fitsaohana tany amin'ny tempoly dia nanomboka nahatakatra aho. Voalohany indrindra, nanomboka nahita mazava kokoa aho fa efa nanampy, nampionona, ary nanohana ny fianakavianay ny Tompo, indrindra fa tao anatin'ireo herinandro vitsy nialoha ny nahafatesan'i Nancy. Nisy traikefa ara-panahy mahatalanjona tamin'izany izay fantatro ankehitriny fa fitahiana avy amin'ny hery manasitrana sy mampatanjaka afaka ny ho azonay noho ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Ary ny fahafantarana fotsiny fa efa nikarakara anay tamin'ny fomba tena nitsinjovana ny tsirairay ny Mpamonjy, dia efa tena nampahery tokoa. Tahaka an'i Sadraka sy i Mesaka ary i Abednego fahiny, dia niaraka taminay Izy tao amin'ny "lafaoro misy afo mirehi[try]" (Daniela 3:17) ny fahorianay.

### Matoky ny Tompo

Nianatra ihany koa aho fa misy zavatra sasany takina amintsika mba hahazoana ny fampiononana sy ny fanasitranan'ny Tompo. Ny tena manan-danja indrindra dia tokony hatoky Azy isika. Mety ho zavatra sarotra atao izany. Nahoana aho no tokony hatoky an' Andriamanitra raha toa ka tokony ho afaka ny nanakana ny fahafatesan'i Nancy Izy mialoha ny nitrangan'izany? Ho valin'io fanontaniana io dia nanohy nisaintsaina zavatra iray izay nolazain'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith aho:

"Tsy hainareo jerena amin'ny masonareo voajanahary amin'izao fotoana izao ny fikasan' Andriamanitrareo momba ireo zavatra izay ho avy rahatrizay ireo, ary ny voninahitra izay hanaraka aorian'ny fahoriana be" (F&F 58:3).

Nomena mari-pamantarana maro izahay fa araka ny sitrapon'ny Tompo ny fomba sy ny fotoana nahafatesan'i Nancy. Lasa nahatakatra aho fa ny Ray izay mahalala ny zavatra rehetra sy be fitiavana dia namela anay hiaritra ireo zavatra ireo satria ilaina ihany io fahoriana io ao anatin'ny drafitra lavorary nataony ho an'ny fisandratan'ny

SARY NATAON'I IKER AYERSTARAN



SARY MANEHO NY TEMPOLIN'I ATLANTA GÉORGIE.

fianakavianay. Noho ny fahafantarako izany dia takatro fa ny anjarako ao anatin'ny drafiny dia tsy ny hiaritra izany fotsiny fa ny "[hiaritra] tsara izany" (F&F 121:8). Raha toa aho ka afaka manokana io fahoriana io Aminy dia tsy hahazo fanampiana fotsiny aho fa hohamasinina ihany koa. Efa niainako tamin'ny fomba maro izany.

Nanoro hevitra ireo zanakay aho mba hanao ny zavatra nianarako manokana araka izao dingana izao:

- Avelao ny fanaintainana avy amin'ny zava-tsarotra niainana handrisika anareo ho lasa mpianatra bebe kokoa.
- Aboraho ao anatin'ny vavaka izay ao am-ponareo.
- Raha mahatsapa ho tezitra amin' Andriamanitra ianareo noho ny namelany ireo loza hitranga dia mitalahoa Aminy mba hanoloany an'izany hatezerana izany amin'ny finoana sy fankatoavana.
- Manaova fanekempihavanana fa hitia Azy sy hatoky hatramin'ny farany ianareo.
- Mivokisa tsy tapaka amin'ny tenin'Andriamanitra, avy amin'ny soratra masina sy ireo lahateny ary asasoratr'ireo mpaminany maoderina sy ireo mpampianatra nentanim-panahy.
- Mankanesa any amin'ny tempoly miaraka amin'ny hetaheta mba ho ampianarina ireo zavatra mikasika ny mandrakizay.
- Mitadiava olona izay miaina zavatra mampivarahontsana ka mitarika azy hiahiahy ny finoany, ary ampatanjaho amin'ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ireo fotopampianarana ireo izy ireo.

**Fijoroana ho vavolombelona nataon'ny Apôstôly**

Tokotokony ho iray volana taorian'ny nahafatesan'i Nancy dia nisy alina iray izay nahatsapako fa tena nanorotoro ahy tanteraka ilay alahelo tsapako. Tao anatin'ny fanaintainana sy alahelo lalina aho nandritra io andro iray manontolo io. Tadidiko ny nampianaran'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa "ny lalan'ny famonjena dia nitarika mandrakariva . . . handalo ao Getsemane."[1] Na dia tsy azo ampitahaina amin'ny an'ny Mpamonjy aza ny fijaliako dia tao anatin'ny "fotoana maizina sy mangidy" niainan'ny tenako manokana aho tamin'io alina io.[2]

Rehefa avy niaina izany elaela aho ary nivavaka mba hangataka fanampiana dia tonga tao an-tsaiko ny zavatra iray izay efa novakiko sy notehiriziko tao amin'ny solosainako taona maro tany aloha. Notadiaviko ilay fichier dia nojereko tao ambanimbany tao ilay zavatra notadiaviko. Tafasiry natao niaraka tamin'ny Loholona Richard G. Scott (1928–2015) ilay izy, izay nanontaniana azy mikasika ny namoizany an'i Jeanene vadiny noho ny homamiadana tamin'ny 1995. Namaly ny Loholona Scott hoe: "Tiako hazavaina tsara aloha fa, . . . tsy namoy azy aho. Any ampitan'ny voaly izy. Nofehezina tamin'ny alalan'ilay ôrdônansy masin'ny tempoly izahay, dia hiaraka mandrakizay izahay."[3]

Tamin'izay alina izay dia tonga tamin-kery izay tsy mbola tsapako hatrizay ireo teny ireo. Tahaka ny jiro be amin'ny tilikambo izay narehitra tao anatin'ny alina maizina izany. Tsy mbola namaky zavatra nanana fiantraikany tampoka sy lalina tahaka izany aho. Nisinda ilay haizina sy ilay fanaintainana. Mitovy amin'ny nitranga tamin'i Almà izany rehefa

"tsy nety nahatsiaro intsony ny fanaintaina[ny]" (Almà 36:19) izy. Io fijoroana ho vavolombelona nataon'ny Apôstôly io dia nisy fiantraikany lalina tamiko. Talanjona aho hoe ny hevitra iray izay efa takatro hatramin'ny fahazazako dia afaka ny ho lasa toa mahagaga be toy izany tampoka teo. Lasa nanontany tena aho hoe ahoana no nahafahan'ny Loholona Scott nahafantatra zavatra toy izany. Ary tamin'izay fotoana izay dia tsapako fa fantatro ihany koa ilay izy. Raha mahatoky aho dia afaka hanana ny fanantenana rehetra izay nananan'ny Loholona Scott. Na dia azo antoka aza fa nisy alahelo sy fisaonana hatramin'izay fotoana izay dia tsy niverina na oviana na oviana nahatsapa indray ny halalin'ny fanaintainana sy ny alahelo tsapako tamin'izay alina izay aho.

Io ilay hery omen'ny Mpamonjy antsika mba hanampy antsika ao anatin'ny fisedrana lalovantsika. Fantatro fa ny alahelon'ny fianakaviantsika dia tsy hanjavona tanteraka, fa lasa voatelina ao amin'ilay nantsoina hoe ny fitahiana "mampatanjaka" sy "mandavorarin'ny" Sorompanavotan'ny Mpamonjy.[4] Nosintonina hanakaiky kokoa ny Mpamonjy izahay, nahatsapa ny fanomezan-tokiny, ary notohanan'ny fototra azo antoky ny fanekempihavananay. ■


*Ny mpanoratra dia monina any Georgie, Etazonia.*

**FANAMARIHANA**

1. Jeffrey R. Holland, "Lessons from Liberty Jail" (Fampaherezam-panahy an'ny Brigham Young University, 07 sept. 2008), 6, speeches.byu.edu.
2. Dieter F. Uchtdorf, "Encircled in His Gentle Arms," *Liahona,* mar. 2015, 5.
3. "A Sure Witness of Jesus Christ: Elder Richard G. Scott," lds.org/prophets-and-apostles.
4. Jereo ny Bruce C. Hafen sy Marie K. Hafen, *The Contrite Spirit: How the Temple Helps Us Apply Christ's Atonement* (2015), 34–52.



***Taorian'ny fiadiana tamin'ny homamiadan'ny nono nandritra ny 11 taona dia nodimandry i Nancy Jean Newton Wilcox tamin'ny 2016.***



### ANKAHEREZIN'I JESOA KRISTY

"Nampianatra i Isaia fa ny Mesia dia hitondra ny —aretintsika—sy ny —fahoriantsika—(Isaia 53:4). Nampianatra mikasika ny fankaherezany antsika ihany koa i Isaia:—Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana; fa Izaho no Andriamanitrao; Mampahery anao Aho sady mamonjy anao—(Isaia 41:10). . . .

"Koa mahita isika fa noho ny Sorompanavotany dia manana hery mba hanamaivanana, mba hanampiana, ny fanaintainana sy fahoriana arabatana tsirairay ny Mpamonjy. Indraindray ny herin y dia manasitrana rofy iray, fa ny soratra masina sy ny traikefantsika anefa dia mampianatra fa indraindray dia manamaivana na manampy amin'ny alalan'ny fanomezana hery na faharetana mba hahafahantsika maharitra ny rofintsika Izy. . . .

". . . Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjintsika dia mitondra zavatra hafa ankoatra ny fanomezana toky antsika ny amin'ny tsy fahafatesana amin'ny alalan'ny fitsanganana amin'ny maty ho an'ny rehetra sy amin'ny fanomezana antsika fahafahana ho voadio amin'ny fahotana amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny batisa. Ny Sorompanavotany ihany koa no manome antsika fahafahana hiantso Azy, Izy izay nizaka ny rofintsika rehetra, mba hanasitranany antsika sy hanomezany antsika ny hery hizakana ireo enta-mavesatry ny fiainana an-tany. Mahafantatra ny fahoriantsika Izy ary afaka manampy antsika Izy. Tahaka ilay Samaritana tsara fanahy dia hamehy ny ferintsika Izy ary hikarakara antsika rehefa mahita antsika maratra eo an-tsisin-dalana (jereo ny Lioka 10:34). Ny hery manasitrana sy mankaherin'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany dia natokana ho antsika rehetra izay hangataka izany. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho ary mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjintsika, izay mahatonga izany rehetra izany ho azo tanterahina."

**Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ankaherezin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," *Liahona,* nôv. 2015, 62, 64.**

# “AOKA ISIKA **HIZAKA TENA** SY HAHALEO TENA”

*Rehefa manaiky sy manaraka ny fitsipika sy ny fotopampianarana miompana amin’ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena izay ataon’ny Fiangonana ny Olomasin’ny Andro Farany dia mijinja ny fanomezana ny “fanantenana, fiadanana, ary fivoarana lehibe kokoa izy ireo.”*



Talohan’ny nahalasa azy ho mpikamban’ny Fiangonana dia nandany ny ankamaroan’ny fiainany amin’ny maha-olon-dehibe azy tamin’ny fikatsahana fahombiazana teo amin’ny ara-bola i Peter Uglow. Raha ny endriny ivelany no jerena dia toy ny hoe azony ilay izy. Ho porofon’izany dia efa nanana sy nitantana raharahambarotra maromaro izy.

Rehefa nangataka an’i Peter ny mpitarika iray ao amin’ny Fiangonana eo an-toerana, ao Midlands andrefana ao Angletera, mba hanatrika fampianarana iray momba ny fitantanana ny volan’ny tena manokana izay atolotra amin’ny alalan’ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena izay ataon’ny Fiangonana, dia niahiahy izy sao tsy afaka hampianatra na inona na inona azy ilay lesona. Raha vao nanomboka nanatrika ilay fampianarana anefa i Peter dia tonga dia tsapany vetivety teo fa mbola betsaka ny zavatra tokony hianarany.


“Tsy momba ny fitantanam-bola fotsiny ilay lesona. Ampahany amin’ilay lesona fotsiny izany,” hoy izy. “Ny zavatra nanan-danja indrindra ho ahy dia ny nianatra nanam-pinoana ny Ray any An-danitra, ny fomba hanomezany antsika rehetra fitahiana ara-nofo sy hanokafany ny varavarana mba hananana fizakan-tena marina raha manaraka ny fitarihany ara-panahy isika.”

Noho ny maha-mpikambana azy ao amin’ny kilasy iray fianarana momba ny fitantanana ny volan’ny tena manokana dia nianatra fahaiza-manao azo ampiharina isan’andro izy toy ny fandraisana an-tsoratra sy ny fanombantombanana ny fandanian’ny mpianakavy, ny famoronana teti-bola sy ny fiainana mifanaraka amin’izany, ny fampihenana ny trosa, ary ny fanaovana tahirim-bola ho an’ny ho avy. Rehefa nampiasa ireo fahaiza-manao ireo niaraka tamin’ny fampiharana finoana an’i Jesoa Kristy ary ny fiasana mafy i Peter sy ny vadiny dia afaka nanefa trosa be dia be.

“Mahatsapa ho maivamaivana sy malalaka kokoa aho sady tsy nanana tahotra noho ny trosa sy ny fikorontanana eo amin’ny fitantanam-bola,” hoy izy. “Mahatsapa ny fitahiana be dia be avy amin’ny Ray any An-danitra amin’ny fomba izay tsy mbola tsapako mihitsy hatrizay aho. Nianatra nangataka fanampiana avy Aminy aho sy nihaino ny valinteniny rehefa nila fanampiana tamin’ny raharaha ara-nofo nosahaniko.”

### Ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena

Ny fizakan-tena dia mihoatra lavitra ny fananana asa, tahirin-tsakafo, na vola any amin’ny banky. Ny fizakan-tena



kosa dia "ny fahafahana sy ny fanoloran-tena ary ny fiezahana hanome ireo zavatra ilaina ara-panahy sy ara-batana eo amin'ny fiainana ho an'ny tena manokana sy ny ankohonana. Rehefa lasa mizaka tena ireo mpikamba[n'ny Fiangonana], dia lasa afaka manompo sy mikarakara ny hafa bebe kokoa ihany koa"[1] rehefa mametraka ny asa ho toy ny fitsipika mitarika ny fiainany izy ireo.

Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ny *fizakan-tena* dia vokatry ny asa nataontsika ary manamafy orina ireo asa fanampiana hafa rehetra. Zavatra iray manan-danja eo amin'ny lafin-javatra mahasoa antsika ara-panahy ary koa ara-batana izany. . . . —Aoka isika hiasa hahazoana izay zavatra ilaintsika. Aoka isika hizaka tena sy hahaleo tena. Tsy misy fitsipika hafa ankoatra izany hahazoana ny famonjena. Raharahan'ny tena manokana ny famonjena, ary tsy maintsy miasa isika hahatanteraka ny famonjena antsika eo amin'ny lafin-javatra mahakasika ny ara-nofo sy ara-panahy.—"[2]

Teo ambany fitarihan'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana eo an-toerana dia Olomasin'ny Andro Farany 500.000 mahery ao amin'ny firenena 100 mahery no nandray anjara tamin'ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena ho an'ny taona 2014. Ankehitriny ny Fiangonana dia mampiditra ilay ezaka voarindra manerana an'i Amerika Avaratra.

Ilay ezaka voarindra dia ahitana lesona sy loharanompitaovana "hanampiana ny mpikamban'ny Fiangonana mba hianatra sy hampihatra ny fitsipiky ny finoana, ny fanabeazana, ny asa mafy ary ny fahatokiana ny Tompo. Ny fanekena sy ny fiainana ireo fitsipika ireo," hoy ny Fiadidiana Voalohany, "dia hamela [antsika] handray ireo fitahiana ara-nofo nampanantenain'ny Tompo."[3]

### Faly sy feno fanantenana

Tsy nanana fanantenana intsony i Maria Edilene Romão. Tsy nety nahita asa izy, reny tokan-tena izy, ary nanan-janaka maro velomina.

Tamin'izay izy no nasain'ny mpikambana roa avy ao amin'ny paroasiny ao Santa Catarina, Brésil hanatrika fampaherezam-panahy iray momba ny fizakan-tena. Rehefa tapitra ilay fampaherezam-panahy dia niditra tao amin'ny vondrona iray i Maria mba hanampy azy hitady asa.

"Izay no fotoana voalohany teo amin'ny fiainako ninoako ny hoavy iray izay ahafahako mikarakara ny fianakaviako," hoy izy nahatsiaro. "Nino aho fa hanampy ahy hanova ny fiainako ilay kilasy fianarana momba ny fizakan-tena."

## ASAINA IANAO

Ny lalana mankany amin'ny fizakan-tena bebe kokoa dia miainga amin'ny fampaherezam-panahy mitondra ny lohateny hoe My Path to Self-Reliance (Ny lalako mankany amin'ny fizakan-tena). Mandritra ilay fampaherezam-panahy dia amporisihina ianao mba hanombantombana ny toe-javatra iainanao amin'izao fotoana izao, hanao drafitra hivoarana, ary avy eo dia hitondra izay drafitra nataonao izay eo anatrehan'ny Tompo. Rehefa tapitra ilay fampaherezam-panahy dia ho asaina ianao hifidy kilasy iray fianarana momba ny fizakan-tena izay afaka hanampy anao:

- Hitady asa na hanatsara ny toe-javatra iainanao eo amin'ny lafin'ny asa.
- Hitantana amin'ny fomba tsaratsara kokoa ny volanao manokana sy ny an'ny fianakavianao.
- Hifidy lalam-piofanana amin'ny fianarana dia hahomby amin'ny fianarana.
- Hanomboka na hampivoatra ny raharaham-barotra kely ataonao.

Ao amin'ny kilasy fianarana fizakan-tena izay hatrehanao ianao dia:

- Hanatrika fivorian'ny kilasy mandritra ny adiny roa isan-kerinandro mandritra ny telo volana.
- Hampitombo ny fanolorantena sy hanao asa mahakasika izany mba hanatratrarana ireo tanjona amin'ny fizakan-tena.
- Hianatra avy amin'ireo olona hafa ao amin'ilay vondrona sy hiara-hikaon-doha amin'izy ireo ary hanohana azy ireo.
- Hahazo finoana bebe kokoa an'i Jesoa Kristy sy ny heriny mba hanampy anao hanampy ny tenanao ho lasa mizaka tena.

Ny kilasy iray fianarana momba ny fizakan-tena dia miasa toy ny filankevitra iray. Mifanampy ireo mpandray anjara ary mifanome tatitra. Ny mpanentana ny kilasy dia manasa mba hifanerasera, mamporisika ny fandraisana anjara, mandefa horonan-tsary fampiofanana, ary manampy ny kilasy fianarana momba ny fizakan-tena mba hanaraka ireo dingana araka izay voatanisa ao amin'ny lesona mifandray amin'izany.

Ny mpikambana dia afaka mahita ireo horonan-tsary sy lesona ampiasaina amin'ny fanofanana momba ny fizakan-tena ao amin'ny srs.lds.org na ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile ho an'ny finday.



Tena nanampy tokoa ilay izy.

Nandritra ireo 12 herinandro manaraka dia nanoka-tena ho an'ny vondrona nisy azy, ny fianarany, ary ny fanolorantenany i Maria. Nanatratra ny tanjony tamin'ny hery nohavaozina izy. Nizatra ny fomba fiatrehana dinidinika fitadiavana asa izy. Tao anatin'ny roa herinandro dia nanao dinidinika fitadiavana asa iray izy ka nahavita izany tsara. Nahazo asa izy taorian'izany dinidinika izany.

"Niova mandrakizay ny fiainako," hoy i Maria, izay tsy sahirana mafy intsony tamin'ny famelomana ny fianakaviany. "Ankehitriny aho dia faly, feno fientanentanana, manampaharetana ary feno fanantenana. Mino aho fa velona sy tia ahy ny Ray any An-danitra. Fantatro fa rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy aho dia tahina."

### "Ny fitaovana tsara indrindra"

Ny fizakan-tena dia fomba iray hanatontosana zavatra iray manan-danja kokoa hoy ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Ny tanjontsika faratampony dia ny ho lasa tahaka ny Mpamonjy ary izany tanjona izany dia hatsarain'ny fanompoana tsy misy fitiavantena ataontsika ho an'ny hafa. Arakaraka ny halehiben'ny fizakan-tenantsika no hitomboan'ny fahafahantsika manompo na hihenany."

Nanampy ny Loholona Hales fa rehefa mizaka tena ihany isika "vao tena afaka manaraka marina ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy teo amin'ny fanompoana sy fitahiana ny hafa."[4]

Nianatra izany fahamarinana izany ho an'ny tenany i Sergio Galbuchi rehefa nanomboka ny raharaham-barotra azy manokana izy taoriana kelin'ny niantsoan'ny fiadidian'ny tsatòka azy ho manam-pahaizana manokana momba ny fizakan-tena ao amin'ny tsatòka. Rehefa vonona tsara niaraka tamin'ny finoana sy ny fahaiza-manao ary ny fahalalana azony tamin'ny naha-mpikambana azy tao amin'ilay kaomity i Sergio dia nanokatra tranom-barotra tao Buenos Aires, izay nivarotana "taozavatra sy sakafo" avy ao Argentine, izy sy i Silvia vadiny.

"Raha ny hevitro dia fomba iray hampiharana finoana ny fahatongavana ho mizaka tena," hoy i Sergio. Tany am-piandohana dia tsy niaina ilay fahombiazana nantenain'izy ireo izy sy i Silvia, ka dia nijanona ho fototra niorenan'ny ezaka nataon'izy ireo ny finoana. Kanefa teo am-piandrasany ny handray ny tombom-barotra avy amin'ny asany dia niasa mafy sy nanome tombony an'ireo mpanjifa tamin'ny vokatra namidiny *sy* ny asa fitoriana ny filazantsara izay nataony izy ireo.

"Lasa nahafantatra olona maro be izahay," hoy i Sergio. "Ary nanana fahafahana nizara Bokin'i Môrmôna maromaro izahay."

Tamin'ny voalohany dia mpikambana 10 tao amin'ny tsatòka misy an'i Sergio izay nila fanampiana tamin'ny fizakan-tena no hitan'ny kaomity misahana ny fizakan-tena ao amin'ny tsatòka. Fa niditra an-tsehatra avy eo ireo eveka.

"Ankehitriny dia mahafantatra olona 35 mila fanampiana izahay," hoy i Sergio rehefa nitombo ny ezaka natao.





## FANAMBARANA SY FIZAKAN-TENA

Ny fiadidian'ny tsatòka sy ny distrika no manatanteraka, miahy, ary mitarika ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena ao amin'ny Fiangonana. Manao izany izy ireo amin'ny alalan'ny fiarahana miasa akaiky amin'ny Fikambanana Ifanampiana sy amin'ny alalan'ny fananganana kaomity misahana ny fizakan-tena.

Izany kaomity izany dia ahitana mpikambana iray ao amin'ny filankevitra avo, mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana ao amin'ny tsatòka, ny filohan'ny filankevitry ny fifanampiana an'ny eveka, ary ireo manam-pahaizana manokana momba ny fizakan-tena ao amin'ny tsatòka. Ilay kaomity dia manofana sy mamporisika ny filankevitry ny paroasy mba hivavaka sy hanasa ny mpikambana handray anjara amin'ilay ezaka voarindra. Manangana kilasy fianarana momba ny fizakan-tena izy ireo ary miara-miasa amin'ny talen'ny departemantan'ny fizakan-tena eo an-toerana mba hanangona sy hizara ireo loharanom-pitaovana misy eo an-toerana.

Ny tanjon'ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena ao amin'ny Fiangonana dia ny hanampy ny isam-batan'olona hahazo fanambarana ho an'ny tena manokana amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo fitsipika manan-danja ao amin'ny filazantsara. "Antsoina ireo mpanentana mba hamorona tontolo [amin'ny alalan'ny fifampiresahana] izay ahafahan'ny Fanahy Masina mampianatra ireo mpandray anjara—ny zavatra rehetra izay tokony hataon'[izy ireo]— (2 Nefia 32:5; jereo koa ny 2 Nefia 32:3)."[5]

Mba hahitana fampahalalana bebe kokoa dia jereo ny srs.lds.org.

"Nanasa azy ireo tsirairay ny eveka mba handray anjara ao amin'ireo kilasy."

Nitombo ny finoan'izy ireo, nanao ny fanovana nilaina izy ireo, ary nampiasa fahaiza-manao vaovao.

"Isaky ny miresaka amin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana aho dia miezaka milaza amin'izy ireo fa io no fitaovana tsara indrindra noraisintsika avy amin'ny Fiadidiana Voalohany," hoy i Sergio nanampy izany. "Tsara kokoa noho izay mety ho vola azo nomena mba hanampiana olona izany, ary ny fampianarana omeny dia mazava kokoa noho ny ankamaroan'ireo lesona nianarako fony aho tany amin'ny oniversite."

Ny tena manan-danja indrindra dia izao, ireo izay mahavita ireo lesona momba ny fizakan-tena mandritra ny 12 herinandro dia lasa mpianatr'i Jesoa Kristy tsaratsara kokoa ary mianatra ny fomba hampiasana ny fahaiza-manaon'izy ireo mba hananganana ny fanjakan' Andriamanitra.

"Io kilasy fianarana momba ny [fizakan-tena] io dia tsy mifantoka fotsiny ihany amin'ny fandraharahana ataontsika.



## MIZAKA TENA SY MAHALEO TENA

"Ny Fiangonana sy ireo mpikambana ao aminy dia nodidian'ny Tompo mba hizaka tena sy tsy hiankindoha amin'ny hafa. (Jereo ny F&F 78:13–14.)

"Ny andraikitra mba hitsinjovana izay mahasoa ny olona tsirairay ara-piarahamonina, ara-pihetseham-po, ara-panahy, ara-batana na ara-toekarena dia miankina amin'ny tenany ihany aloha voalohany indrindra, ny faharoa dia amin'ny fianakaviany, ary ny fahatelo dia amin'ny Fiangonana raha toa ka mpikambana mahatoky ao am-piangonana izy."

***Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball*** **(2006), 116.**



Izy io dia mifantoka ihany koa amin'ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra sy ny hafa," hoy i Sergio. "Lasa mpianatr'i Jesoa Kristy tsaratsara kokoa isika mandritra ireo telo volana laniantsika ao amin'io kilasy io. Marina tokoa fa mety hanampy antsika ho lasa mahavita mizaka tena bebe kokoa ny raharaham-barotra iray, fa ny tanjona faratampony dia ny hanompo."

**Fitomboana sy fanaovana asa**

"Efa fampianarana fototra hatramin'izay ho an'ny Olomasin'ny andro Farany," hoy ny Filoha Joseph F. Smith (1838–1918), "ny hoe ny fivavahana iray izay tsy manana hery hamonjena ny olona ara-batana sy tsy mampiroborobo azy ireo ary tsy mahatonga azy ireo ho faly eto amin'ny fiainana an-tany dia tsy azo ianteherana mba hamonjy azy ireo ara-panahy, mba hampisandratra azy ireo amin'ny ho avy."[6]

Tsy tokony ho gaga isika izany fa rehefa mampatanjaka ny olona iray eo amin'ny ara-nofo isika dia mampatanjaka azy ara-panahy ihany koa. Ny Loholona David sy Rahavavy Theresa Nish, izay misiônera misahana ny fizakan-tena ao amin'ny Nosy Salomon, dia nahita mivantana io fifandraisan'ny ara-nofo sy ara-panahy io teo anivon'ireo mpikamban'ny Fiangonana any an-toerana.

"Ny fivoarana ara-panahy sy ny fankanesana any amin'ny tempoly dia fantatra mazava tsara fa avy amin'ireo fitsipika sy fahaiza-manao ary fahazarana ampianarina ao amin'ny *My Foundation (Ny fototra iorenako)* sy ilay fanazavana feno ao amin'ny *My Path to Self-Reliance (Ny lalako mankany amin'ny fizakan-tena),*" hoy izy ireo mikasika ireo kiboky mirakitra ilay ezaka voarindra. "[Ireo kiboky ireo] dia manampy ny olona hivoatra ara-panahy sy ara-nofo, izay mitondra mankany amin'ny fizakan-tena ara-panahy sy ara-nofo."

I Cheryl Redd, izay mpanentana momba ny fizakan-tena ao Utah, Etazonia, dia nanazava ny fomba nanampian'ireo fitsipika ara-panahy ao amin'ilay ezaka voarindra azy hivoatra teo amin'ny ara-nofo: "Tsapako fa ireo fitsipika sy hevitra fototra ireo dia azo ampiharina amin'ny lafin-javatra rehetra amin'ny fiainantsika. Nanampy ahy hifantoka bebe kokoa amin'ny andraikitro amin'ny maha-vady sy reny ahy ireo atrik'asa ireo. Amin'izao fotoana izao aho dia manana ireo fitaovana hananana fahatakarana tsaratsara kokoa momba ny fitantanana ny volan'ny fianakaviana. Hitako ny maha-toy ny fandraharahana ny fiaraha-miasa amin'ny vadintsika mba hitantanana ny vola. Mila ireo fitaovana ireo ho an'ny fianakaviantsika isika mba hahomby."

Manerana ny Fiangonana, io fahatakarana bebe kokoa io dia lasa fahatokiana bebe kokoa sy tanjaka ara-panahy. Vokatr'izany dia nampitomboin'ny mpikambana ny fanolorantenan'izy ireo mba hankany am-piangonana, handoa fahafolonkarena, ary hijanona ho mendrika ny ho any amin'ny tempoly.

"Nanintona ny saiko izany," hoy i George Echevarría izay mpikambana vaovao ao amin'ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena. I George, izay mpitondra taxi ao Pérou, dia nilaza fa nanampy azy hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara ilay ezaka voarindra rehefa nameno faniriana tao anatiny mba hampivoatra ny tenany. Amin'izao izy dia manantena ny ho lasa manampahaizana momba ny herinaratra, mba hanamboatra ilay moto-taxi izay nentiny nandritra ny taona maro.

"Tsy tokony hijanona amin'izao fotsiny isika dia hiandry izay hitranga amintsika eo," hoy izy. "Tokony hihetsika hanao asa isika."

**"Hotahina ny fiainanareo"**

Mijinja ny fampanantenana nomen'ny Tompo ireo Olomasin'ny andro Farany manerana izao tontolo izao rehefa mianatra sy miaina ary mampihatra amim-pahazotoana ireo fitsipiky ny fizakan-tena ara-panahy sy ara-nofo izy ireo. Na dia afaka mahazo tombontsoa avy amin'ilay ezaka voarindra avokoa aza ny rehetra dia nitahy, indrindra indrindra, ireo izay, na tsy nanana, na nila fampatanjahana tamin'ny fizakan-tena ara-nofo sy ara-panahy izany. Ny Kitapom-bola maharitra ho an'ny fianarana dia manohana ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena amin'ny alalan'ny fanampiana ireo izay manana drafitra hahazo fiofanana ara-panabeazana mba ho afaka hampiasa ireo loharanompitaovana ilaina.

Ny soratra masina dia mampanantena ny fanampian'ny Tompo rehefa miezaka manatratra ny fizakan-tena isika. Hoy Izy hoe: "Ary ny tanjoko dia ny hamatsy ny olomasiko" (F&F 104:15).

Rehefa nanao fanamarihana momba izany tanjona izany ny Fiadidiana Voalohany dia nanambara hoe: "Io fanambarana io dia fampanantenana avy amin'ny Tompo fa hanome antsika fitahiana ara-nofo Izy ary hanokatra ny varavarana mba hananana fizakan-tena, izay fahafahana ho antsika mba hamatsy ny zavatra ilaina eo amin'ny fiainana ho an'ny tenantsika sy ho an'ny olona ao amin'ny fianakaviantsika."

Rehefa mandalina, mampihatra ary mampianatra ireo fitsipika ireo amin'ny olona ao amin'ny fianakaviana isika dia mampanantena ny Fiadidiana Voalohany hoe "hotahina ny fiainanareo. Hianatra ny zavatra tokony hatao eo amin'ny lalana mitondra anareo mankany amin'ny fizakan-tena bebe kokoa ianareo. Homena fanantenana sy fiadanana ary fivoarana bebe kokoa ianareo."[7] ■



**NY HANITRY NY FIVAVAHANTSIKA**

Tahaka ny lafiny roa amin'ny vola madinika, ny ara-nofo sy ny ara-panahy dia tsy afa-misaraka. . . .

"Ity asa fanomezana araka ny fomban'ny Tompo ity dia tsy hoe lafinjavatra iray ao anatin'ny fandaharan'asan'ny Fiangonana fotsiny. Tsy azo atao tsinontsinona na atao an-jorombala izany. Ivon'ny fotopampianarantsika izany; ary tena hanitry ny fivavahantsika."

**Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Manome araka ny fomban'ny Tompo," *Liahona,* nôv. 2011, 53, 55–56.**


**FANAMARIHANA**

1. *Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 6.1.1.
2. Thomas S. Monson, "Guiding Principles of Personal and Family Welfare," *Ensign,* sept. 1986, 3; jereo koa ny Marion D. Romney, ao amin'ny Welfare Services Meeting Report, 2 ôkt. 1976, 13.
3. Ny Fiadidiana Voalohany ao amin'ny *My Foundation: Principles, Skills, Habits* (kiboky, 2015), 2.
4. Robert D. Hales, "A Gospel Vision of Welfare: Faith in Action," ao amin'ny *Basic Principles of Welfare and Self-Reliance* (kiboky, 2009), 2.
5. *You're Invited: A Leader's Guide to the Self-Reliance Initiative* (kiboky, 2016), 9.
6. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 164.
7. Ny Fiadidiana Voalohany, ao amin'ny *My Foundation,* 2.




*Tsy mety amin'ny fotoantsika foana ny asa fanompoana, kanefa amin'ny maha-ray sy eveka azy dia niezaka nampiseho tamin'ny zanany i Ilir Dodaj fa mendrika ny hatao izany.*

**CODY BELL, MPAKA SARY**

# Ilir Dodaj

*Durrës, Albanie*



Nisy fivontosana tao amin'ny vavonin'ny vehivavy zokiolona iray tao amin'ny paroasy ary nila fanampiana isan'andro izy satria tsy afaka nihetsika teo amin'ny fandriany. Nony farany dia nanontany izy raha mba afaka mankany fotsiny aho, tsy olona hafa mpihazona ny fisoronana na izay mety ho olona hafa, satria narary mafy izy ary efa ho faty. Nahazo aina izy fa nanampy azy ny evekany.

Indray andro dia nodidiana ny foko ka tsy afaka namangy azy nandritra ny fotoana fohy aho. Rehefa niverina nijery azy aho dia hoy izy hoe: "Eveka a! fa nahoana ianao no mbola tonga manampy ahy kanefa vao avy nodidiana?"

Hoy aho taminy hoe: "Hanompo ny hafa no antsoko."

Raha hijery ny sarin'i Eveka Dodaj sy ny fianakaviany bebe kokoa dia jereo ao amin'ny **lds.org/go/101738**.

Raha te hahafantatra bebe kokoa momba ny asan'ny eveka dia tsidiho ny **lds.org/go/101739**.



# MIRAHARAHA NY RAHARAHAM-BAROTRA ATAOKO NY RAY ANY AN-DANITRA

Amin'ny maha-reny tokan-tena manan-janaka dimy ahy dia tsapako ny andraikitra mavesatra amin'ny famelomana ny fianakaviako. Mpanampy an-trano aho, saingy tsy ampy hamelomana ny fianakaviako ny asako. Niditra tao anatin'ny kilasy iray fianarana momba ny fizakan-tena aho mba hahafahako mianatra ny fomba hanatsarana ny toe-javatra niainako.

Nanintona ahy ny kilasy "Manomboka sy mampitombo ny raharaham-barotro" dia nanapa-kevitra aho fa afaka manjaitra sy mivarotra harona mihidy ampiasaina amin'ny vilany fandrahoan-tsakafo izay miadam-piasa. Nanjaitra ireo harona aho tamin'ny alim-be rehefa nody avy tany amin'ny asako tamin'ny antoandro.

Teo am-piasana alim-be aho indray alina namita zaitra be dia be izay haterina ny ampitso maraina no tsy nety nandeha intsony ny milina fanjairako. Sasakalina tamin'izay, ka noho izany dia tsy ho nisy mekanisiana afaka hanampy mihitsy. Niaraka tamin'ny amboaram-pitaovana kely fikirakirana ilay milina, kanefa tsy mbola nanamboatra milina fanjairana na oviana na oviana aho taloha. Tsy fantatro hoe atomboka amin'ny inona izany.

Dia tonga tao an-tsaiko ilay lesona ao amin'ny boky torolalana *Ma fondation* mitondra ny lohateny hoe "Mampiasa finoana an'i Jesoa Kristy". Tamin'izay fotoana izay dia fantatro fa nila nametraka ny fitokiako tamin'ny Tompo aho. Nitolefika nandohalika aho ary nitalaho hoe: "Ray any Andanitra, ampio aho hanamboatra ity milina ity mba hahafahako mamita ny fangatahan'ilay mpanjifa izay halainy ny ampitso maraina. Ry Ray any Andanitra, ampio aho!"

Dia nahare bitsika mazava aho mba haka ny tournevis avy tao amin'ilay amboaram-pitaovana fikirakirana ary nampiasa izany mba hanindriana teo amin'ny faritra iray manokana teo amin'ilay milina fanjairana. Nataoko izany, niantehitra tanteraka tamin'ny finoako aho. Nitebiteby aho rehefa namerina nandefa ilay milina. Nandeha ilay izy!

Afaka nanatratra ny fe-potoana namitana ilay zaitra aho. Nanjary fantatro hoe manao ahoana izany manana ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ho mpiara-miombon'antoka ao amin'ny raharaham-barotra izany. Fantatro fa ho voatahy hatrany aho rehefa mikatsaka fahafahana hampihatra ny zavatra nianarako tao amin'ny kilasy fianarana momba ny fizakan-tena. ■

Buyisile Zuma, KwaZulu-Natal, Afrika Atsimo

Teo am-piasana alim-be aho indray alina namita zaitra be dia be izay haterina ny ampitso maraina no tsy nety nandeha intsony ny milina fanjairako.



SARY NATAON'I ALLEN GARNS

# VALINTENY AVY AMIN'NY FITAOMAM-PANAHY NANDRITRA NY DINIDINIKA ARAK'ASA IRAY

Taorian'ny nanendrena ahy hitarika kaomity misahana ny fizakan-tena iray ao amin'ny tsatòka dia tonga saina aho fa hay ny tenako dia manao asa ambany kokoa noho izay sahaza ahy. Noho io fahatongavan-tsaina io dia naniry zavatra bebe kokoa avy amin'ny fiainako arak'asa aho.

Nahatsapa faniriana vaovao aho ny hitady asa tsaratsara kokoa sy hangataka fanampiana mba hanoratana curriculum vitae matihanina. Nalefako tany amin'ny orinasa maromaro ny curriculum vitae vaovao nataoko ary vetivety aho dia voantso hanao dinidinika.



Indray mijery fotsiny dia nanondro fehezan-teny iray tao amin'ilay curriculum izay miresaka ny asa nataoko tamin'ny naha-mpanolotsaina ahy tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka ilay mpitarika ny dinidinika dia nanontany hoe: "Azonao lazaina amiko ao anatin'ny dimy segaondra ve ny dikan'ity asa fanompoana ao amin'ny fiangonana ity?"

Nilaza aho fa anisan'ny mpitarika tao amin'ny fikambanana iray miandraikitra ny fitarihana sy ny fanampiana olona 2.500 mahery aho. Lasa liana ilay mpitarika ny dinidinika dia niteny hoe: "Manana iray minitra ianao hanapahana hevitra amin'ny fomba hanomezanao ahy valinteny dimy segaondra ho an'ity fanontaniana ity: ahoana no hitarihanao an'ireo olona 2.500 ireo?"

Fantatro fa izay no ho fotoana manan-danja indrindra tamin'ilay dinidinika. Nivavaka aho dia nangataka fanampiana tamin'ny Raiko any An-danitra, ary vetivety teo dia nahatsiaro ireo lesona nianarako tao amin'ny kilasy fianarana momba ny fizakan-tena. Tsapako ho nitombo be ny fahatokian-tenako.

Rehefa dila ny iray minitra dia nanontany ilay mpitarika dinidinika hoe: "Ahoana no hitarihanao an'ireo olona 2.500 ireo?"

"Manampy azy ireo hametraka tanjona izahay," hoy aho namaly.

Nitsangana ilay mpitarika dinidinika, noraisiny ny tanako, dia hoy izy hoe: "Voaray ianao."


Mahatalanjona ny fomba nanampian' Andriamanitra ahy sy namaliany ny vavako. Feno fankasitrahana ny Mpamonjy ahy aho noho ny fitarihany ireo mpitarika antsika hamorona ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena. Efa notahian'izany manokana aho ary efa nahita ilay dingana tsotra sy nentanim-panahin'ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena nitahy olona maro tao amin'ny tsatòkanay.

Resy lahatra tokoa aho ny amin'ny fahafahan'ireo fitsipiky ny fizakan-tena hanondrotra ny fiainana, ka rehefa lasa mpitarika olona 15 mahery tao amin'ny asako vaovao aho dia nanomboka nampianatra azy ireo ny fitsipiky ny fizakan-tena.

Nivoatra aho ary afaka manao zavatra bebe kokoa mihoatra izay noheveriko fa azoko atao. Mandray karama mahavelona tsara ahy sy ny fianakaviako aho izao. Io ezaka voarindra io dia manampy antsika hivoatra isan'andro amin'ny alalan'ny fanampiana antsika hanana fizakan-tena bebe kokoa. ■

**Gibrair Padilha Dos Santos, São Paulo, Brésil**

Fantatro fa ireo dimy segaondra ireo no ho fotoana manan-danja indrindra tamin'ilay dinidinika. Nivavaka aho dia nangataka fanampiana tamin'ny Raiko any An-danitra.



SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

# MAMPITOMBO NY RAHARAHAM-BAROTRO AMIN'NY FIVAROTANA MOFOMAMY VITA AMIN'NY VARY

Naniry ny handefa ny zanako lahy hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno aho kanefa tsy ampy hanohanana azy mba handehanany hanao izany ny fivarotana *bibingka* (mofomamy vita amin'ny vary) iray kilao isan-kerinandro.

Nanampy ara-bola ny fianakaviana ny zanako lahy ary niahiahy be momba ny toe-bolanay izy ka sadaikatra ny handao anay. Olana tsy tapaka ho an'ny fianakavianay ny mitady vola. Nirehareha ny amin'ny zanako lahy 25 taona aho noho ny faniriana marina nananany mba hanompo ny Tompo, saingy fantatro fa mila karazana fahagagana izahay hanatontosana ny nofinofiny hanao asa fitoriana.

Niditra tao anatin'ny kilasy iray fianarana momba ny fizakan-tena aho. Fantatro tamin'ny alalan'ny fikatsahana hanao zavatra tsy tapaka sy fampiasana finoana fa ho voatahy ny fianakaviako. Nandritra ny fivoriana iray dia notaomim-panahy handeha any amin'ny tsenabe iray aho. Tany no nahitako vehivavy maro nivarotra tsakitsaky vita teo an-toerana. Nanao fifanekena ara-barotra tamin'ny vehivavy iray aho. Nolazaiko azy fa hametraka ny entako aho ny maraina mba hamidiny ary haka ny tombombarotra rehefa mifarana ny andro. Samy nahazo tombontsoa avy amin'ilay fifanarahana izahay. Vetivety aho dia nahita mpivarotra betsaka kokoa. Nitombo ka lasa nisy mpivarotra 10 tao amin'ny raharaham-barotro nandritra ny fotoana naha-tao amin'ny kilasy fianarana momba ny fizakan-tena ahy.

Nianatra nampisaraka ny volako manokana tamin'ny vola avy amin'ny varotra nataoko aho ary nandoa karama ho an'ny tenako. Nianatra nanatsahatra ny fandaniam-potoana nanamboarana entana tsy azo namidy aho ary nifantoka kosa tamin'izay nahazoana tombony. Nianatra momba ny fanaovana raharaham-barotra amin'ny fampiasana ny tambazotra ifaneraserana ihany koa aho. Ny mpiara-miasa amiko tamin'ny fanatanterahan-javatra tao amin'ilay kilasy fianarana momba ny fizakantena dia nanampy ahy hanokatra kaonty Facebook. Nanomboka teo dia nianatra momba ny fananganana laza tsara ho an'ny raharaham-barotra sy ny famonosan'entana izahay. Taty aoriana dia nitombo ny raharaham-barotro ka



afaka niala tamin'ny asany izay tena nandrera-batana ny vadiko ary niaraniasa tamiko.

Vao haingana ny olona iray no nanontany ahy hoe manao ahoana ny varotro. Tamim-pifaliana no nilazako taminy fa mivarotra mofomamy vita amin'ny vary 12 kilao aho izao.

"Tena tsara izany 12 kilao isankerinandro izany!" hoy izy.

"Tsia, ranadahy," hoy aho. "Mivarotra 12 kilao *isan'andro* aho."

Nilaza tamiko ny zanako lahy taty aoriana fa faly izy fa afaka mamelona anay ankehitriny ny raharaham-barotro.

"Toa afaka manao asa fitoriana amin'ny fotoana feno amin'izay aho izao," hoy izy.

Manompo ao amin'ny misiônan'i Philippines San Pablo izy ankehitriny. Feno fankasitrahana aho amin'ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena. Tena tamin'ny fo tokoa no nilazan'ny Tompo hoe: "Ary ny tanjoko dia ny hamatsy ny olomasiko" (F&F 104:15). ■

Lordita Yagomyom, Misamis Occidental, Philippines

Nandritra ny fivorian'ny vondrona mianatra ny fizakan-tena iray dia notaomim-panahy handeha any amin'ny tsenabe iray aho. Nanao fifanekena arabarotra tamin'ny vehivavy iray aho.

# LASA MAHATSIARO HO MANANA NY MAHA-IZY AZY AMIN'NY ALALAN'NY FIZAKAN-TENA

Nanambady aho, nanan-janaka telo, ary tsy niasa. Ny tsy fisian'ny asa dia nahatonga ahy ho tsy manampanantenana. Niahiahy ny amin'ny fitandrovana ny ain'ny fianakaviako aho, ary tsy nino intsony fa mbola hahavita zavatra ny tenako.

I Carla vadiko dia namporisika ahy hanatrika ny kilasy fianarana momba ny fizakan-tena. Nahamenatra ahy ny nanaiky fa tsy nanana asa aho, kanefa namporisika ahy hanatrika ilay kilasy izy mba hahafahako mikarakara ny fianakavianay.

Nanandrana izany aho na dia tsy tena avy amin'ny fo aza. Rehefa nanatrika ilay kilasy aho dia nahafantatra fa mety ho fepetra tadiavin'ny mpampiasa ao amin'ny mpiasa iray ny fahaizako teny anglisy. Nianatra teny anglisy aho rehefa nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno, saingy ny firesahana momba ny fivavahana ihany no haiko. Nisoratra anarana tamin'ireo kilasy fampianarana teny anglisy natolotry ny Fiangonana aho mba hanatsarana ny voambolako. Rehefa nody avy tany amin'ny kilasy iray fampianarana teny anglisy aho indray andro dia natolotr'i Carla ahy ny telefaonina.

"Iza izany?" Hoy aho nanontany.

"Tsy fantatro," hoy izy. "Miteny anglisy izy ireo."


Solontenan'ny sampana mpiandraikitra ny mpiasa avy tamin'ny iray amin'ireo orinasa lehibe indrindra tao Costa Rica izany, izay nangataka ny hanao dinidinika amiko. Gaga aho, kanefa nandeha tsara mihitsy ilay dinidinika. Fantatro taty aoriana fa i Carla no nanao izay hisian'ilay dinidinika.

Azoko ilay asa, ary tsaroako ny fomba nanampian'ny kilasy fianarana momba ny fizakan-tena ahy. Dia neritreretiko avy eo ny fomba hahafahako mampihatra tsara kokoa ny zavatra nianarako. Nanomboka nitady asa tsara kokoa aza aho dia nahazo iray. Dia nanao izay hanombohako hanangana ny orinasako manokana izay fanorenana fotodrafitrasa aho.

Tsy azo alaina sary an-tsaina hoe mety ho taiza ho aiza no nisy ny fianakaviako sy ny tenako raha tsy nisy ilay tosika avy tamin'ny ezaka voarindra hanatratrarana ny fizakan-tena. Nianatra nanetry tena sy nangataka fanampiana tamin'ny Tompo aho. Nianarako ihany koa ny namela ireo izay te hanampy ahy mba hitondra fitahiana teo amin'ny fiainako. Manana fitahiana marobe izahay. Mahatsapa ho manana ny maha-izy ny tenako aho ankehitriny, ary afaka mitahy ny fianakaviako amin'ny vola izay azoko. Fantatro fa mitahy antsika ny Fanahy rehefa manetry tena isika. ■

José Alberto Navas (araka ny nitantarana izany tamin'i Miriam Sweeney), San José, Costa Rica


SARY NATAON'I CAROLYN VIBBERT



# Lesona dimy ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony avy amin'ireo Apôstôly tanora

**Nosoratan'i Matthew C. Godfrey**
Departemantan'ny tantaran'ny Fiangonana

Teo anelanelan'ny 23 sy 25 taona izy ireo, kanefa nanampy tamin'ny fanovana an'izao tontolo izao. Tanora ireo Apôstôly voalohany tao amin'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny. Nahatsapa ho tsy ampy fahaizana ny sasany. Nanao fahadisoana ny sasany. Kanefa nitondra fiovana avokoa izy rehetra. Ireto misy lesona dimy azontsika ianarana avy amin'ny zavatra niainan'izy ireo.



### 1. Tsy voatery hahatsapa ho mahay ianao vao hahay

Nahatsapa ho tsy ampy fahaizana i Heber C. Kimball rehefa nandray ny antsony ho ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny febroary 1835. Telo taona latsaka no naha-mpikambana azy ary vao 33 taona izy.

"Zavatra tena tsy nandrasako mihitsy izany," hoy i Heber nitantara taty aoriana.[1] Kanefa vonona hanaiky ilay antsony izy, ary tao anatin'ny tsodrano fanokanana azy dia nolazaina taminy fa "an-tapitrisany maro" no "hiova fo avy amin'ny alalany."[2]

**Inona no zavatra azontsika ianarana amin'izao fotoana izao avy amin'ny zavatra niainan'ireo Apôstôly voalohany ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny?**

Fony izy Apôstôly dia nanao asa fitoriana roa nahomby tokoa tany Angletera izy. Nampiditra ho mpikambana andian'olona maro izy izay izay mety ho tafakatra any amin'ny an-tapitrisany ny taranak'izy ireo ankehitriny. Ho an'i Heber, ny fanekena ny antsony na dia tamin'ny fotoana nahatsapany aza fa kely fotsiny no azony natolotra dia nitahy azy sy ny maro hafa.



SARY NATAON'I ELIZABETH THAYER

**2. Ny fanapahan-kevitsika no mamaritra antsika, fa tsy ny toe-javatra iainantsika**

Nitsoaka niala ny tranony tany New Hampshire i Thomas B. Marsh fony izy 14 taona. Niasa tao amin'ny toeram-piompiana sy fambolena tao Vermont izy; mpandroso sakafo tao Albany New York; mpandroso sakafo tao amin'ny toerana fivahinianana iray tao New York City; ary avy eo dia mpiasa an-trano tany Long Island. Niovaova ny toe-javatra niainany mandra-pihaonany tamin'i Elizabeth Godkin sy nanambadiany azy.

Taty aoriana dia notarihin'ny Fanahy izy sy i Elizabeth mba ho any New York andrefana. Tany no nandrenesan'izy ireo momba ny Bokin' i Môrmôna. Nahita ireo tahadikan'ny pejy 16 voalohany i Thomas rehefa voatonta izany, ka namela azy hamaky ireo pejy efa nandalo fanitsiana ilay mpanonta printy. Nisafidy ny hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana i Thomas rehefa nino fa boky avy amin'Andriamanitra izany. Natao batisa tamin'ny 3 septambra 1830 izy.[3]

Nitory ny filazantsara tany amin'ny faritra maro i Thomas. Niaritra fahoriana izy rehefa voaroaka avy tao amin'ny Jackson County, Missouri, ny Olomasina tamin'ny nôvambra 1833. Mpikambana voalohany tao amin'ny filankevitra avo tao Missouri izy rehefa natsangana izany tamin'ny jolay 1834. Rehefa avy nantsoina ho Apôstôly izy fony 34 taona, dia Filohan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy izy. Na dia niaro fatratra an'i Joseph Smith tamin'ireo olona tsy niombon-kevitra tamin'izy ireo tany aloha aza izy dia lasa nahatsapa ho voafitaka koa i Thomas taty aoriana. Nisafidy ny handao ny Fiangonana izy tamin'ny 1838.[4]


Afaka mianatra isika avy amin'i Thomas Marsh fa ny toe-javatra iainana izay miovaova dia tsy voatery manakana antsika tsy hahazo ireo fitahian'ny filazantsara—na hitahy ny fiainan'ny hafa.

**3. Mitandrema: Tsy misy izany hoe tsara loatra ka tsy hianjera**

I Lyman Johnson no tanora indrindra tamin'ireo nantsoina. 23 taona sy efa-bolana izy tamin'izay fotoana izay. Voatendry ho mpisorona avo izy andro vitsivitsy monja taorian'ny nahafeno 20 taona azy tamin'ny 1831 ary efa nanao asa fitoriana maromaro ho an'ny Fiangonana. Nandritra ny fotoana nanompoany tany amin'ny iray amin'ireo asa fitoriana ireo dia nanao lahateny iray izy izay tsaroan'ny olona fa "iray amin'ireo fijoroana ho vavolombelona mahery vaika indrindra mikasika ny asa nanirahana an'i Joseph Smith, sy ilay asa lehibe amin'ny andro farany."[5]

Indrisy anefa fa tsy naharitra ela ny fanompoan'i Lyman tamin'ny naha-Apôstôly azy. Nandritra ny korontana ara-toekarena tao Kirtland, Ohio, tamin'ny 1837, dia nivadika tamin'i Joseph Smith izy. Nesorina tsy ho mpikamban'ny Fiangonana i Lyman tamin'ny 1838.

Na tsara toy ny ahoana aza ny fahaizany mitory, na inona na inona anjara fanompoana nohazoniny tato amin'ny Fiangonana, dia mbola lavo ihany i Lyman. Nilaza i Brigham Young fa taty aoriana i Lyman dia niaiky fa naniry ny mba ho afaka ny mbola hino ny filazantsara izy: "Feno fifaliana sy haravoana aho. . . . Faly aho na andro na alina. . . . Kanefa ankehitriny dia haizina, fijaliana, alahelo ary fahoriana lalina no tsapa."[6]





### 4. Ny fankatoavana dia tsy miantoka ny hananana fiainana tsy misy fitsapana, kanefa mendrika ny iainana izany

Rehefa avy notokanana ho Apôstôly i Parley P. Pratt, dia nanome andraikitra miavaka ho an'i Parley i Oliver Cowdery, izay isan'ireo voatondro hanampy hisafidy ny Apôstôly, ka nilaza fa izy dia "hiatrika ireo zava-tsarotra mitovy amin'izay nolalovan'ireo Apôstôly fahiny eo amin'ny fanatontosana ity asa fanompoana ity." Nilaza izy fa i Parley dia ho voahidy anaty "fonja be mimanda sy tranomaizina," saingy tsy tokony hampatahotra azy izany satria ireo fisedrana ireo dia hahatonga azy "handray ny voninahitra" izay notehirizin'ny Tompo ho azy.[7]

Nanaraka izany lamina izany ny fiainan'i Parley. Nisy fotoana izy niaina tao anaty fahantrana lalina. Niaritra fandrabirabiana izy rehefa nitory ny filazantsara. Naiditra am-ponja izy tamin'ny 1838 sy 1839 noho ny fiampangana vokatry ny fahasahiranana niainan'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Missouri. Na izany aza dia nahazo ireo fitahiana nampanantenain'i Oliver ihany koa i Parley. Tsy ela akory taorian'ny nanafahana azy tao am-ponja dia nanoratra izy hoe: "Salama izahay, ary miroborobo tokoa ao amin'ny Tompo, taorian'ny fahorianay rehetra."[8]

## 5. Tsy manan-danja noho ny finoana ny taona

I Orson Pratt, rahalahin'i Parley no Apôstôly tanora indrindra faharoa. Notokanana teo amin'ny faha-23 taonany izy ary zokin'i Lyman Johnson herinandro vitsivitsy monja. Ny asa fanompoana efa nataon'i Orson ho an'ny Fiangonana dia manolotra ohatra tena tsara tokoa ny amin'ny fomba ahafahan'ny tanora ho tonga fitaomana mahery vaika mba hitrangan'ny zavatra tsara.

Natao batisa tamin'ny 19 septambra 1830, izay tsingerintaona naha-feno 19 taona azy i Orson. Fotoana fohy taorian'izay dia nahazo fanambarana ho azy i Joseph Smith izay nilaza fa zanak'Andriamanitra i Orson, ary voatahy izy satria nino, ary ny andraikiny dia ny hitory ny filazantsara (jereo F&F 34:3–6). Araka izany dia nanao asa fitoriana maro i Orson, anisan'izany ny iray niaraka tamin'i Lyman Johnson tamin'ny 1832 izay nanaovan'izy ireo batisa olona efa ho 100 isa sy nanokanany loholona maro.

Rehefa nantsoina ho Apôstôly i Orson dia tsy tao Kirtland izy. Tamin'ny 23 aprily 1835, tao amin'ny tanàn'i Columbus, no nahafantarany fa notakina ny fanatrehany ny fivoriana iray tany Kirtland izay natao ny 26 aprily.

Nandeha tany avy hatrany izy, tsy nahafantatra ny tanjon'ilay fivoriana. Tsy nahafantatra izy hoe nantsoina ho Apôstôly ny tenany. Niditra ilay efitra izy raha iny "nivavaka sy naniry ny fahatongavany" iny ny mpanatrika ilay fivoriana.[9] Nanaiky ny antsony i Orson rehefa nahatsapa ny fanohanan'ny Olomasina.

Amin'ny maha-Apôstôly azy dia nanomana kiboky izay nirakitra ireo tantara momba ny Fahitana Voalohany hitan'i Joseph Smith izy izay natonta voalohany indrindra. Amin'ny mahampamaky lay azy tamin'ny 1847, dia nitazona rakitsoratra amin'ny antsipiriany momba ilay dia natao nankany andrefana izy. Nanoratra kiboky maro ho an'ny misiônera ihany koa izy ary mpiaro mafy ny Bokin'i Môrmôna.

## Hafa mihitsy ny ankehitriny . . . sa mitovy?

Samy hafa amin'ny fomba maro ny tanora ankehitriny raha ampitahaina amin'ny tamin'ny 1835. Kanefa ireo lesona ireo dia mbola afaka manampy ny tanora ankehitriny amin'ny ezaka ataon'izy ireo mba hanatratra ny fahaiza-manaony lehibe indrindra mba hahazoana fahombiazana. Indro misy famintinana:

- Raha toa ka mahatsapa ho tsy ampy fahaizana ianareo dia mandrosoa ihany.
- Manana olana avokoa ny olondrehetra. Afaka mandresy ny anareo ianareo.
- Ho faly kokoa ianareo raha toa ka mijanona ho mazoto ato amin'ny Fiangonana.
- Manolora tena hatrany. Aoka ianareo ho mpankatò sy ho mahatoky. Ho avy ireo fitahiana.
- Manana zavatra manan-danja omena ianareo. Miantehitra aminareo ny Tompo. ■



**FANAMARIHANA**


1. "Extracts from H. C. Kimball's Journal," *Times and Seasons,* apr. 15, 1845, 868.
2. "Minutes, Discourse, and Blessings, 14–15 February 1835," ao amin'ny *The Joseph Smith Papers, Documents, Volume 4: April 1834–September 1835,* ed. Matthew C. Godfrey sy ny hafa (2016), 229.
3. Jereo ny "History of Thos. Baldwin Marsh," *The Deseret News,* 24 mar. 1858, 18.
4. Jereo ny "History of Thos. Baldwin Marsh," *The Deseret News,* 24 mar. 1858, 18; Kay Darowski, "The Faith and Fall of Thomas Marsh," ao amin'ny *Revelations in Context: The Stories behind the Sections of the Doctrine and Covenants,* Matthew McBride sy James Goldberg, eds. (2016), 57–59.
5. Edward W. Tullidge, *Tullidge's Histories* (1889), boky 2 (fanampiny), 175.
6. Brigham Young, Discourse, June 17, 1877, ao amin'ny *Journal of Discourses,* 19:41.
7. Oliver Cowdery, ao amin'ny "Minutes and Blessings, 21 February, 1835," ao amin'ny *Joseph Smith Papers, Documents, Volume 4: April 1834–September 1835,* 240–41.
8. "Letter from Parley P. Pratt, 22 November 1839," josephsmithpapers.org/paper-summary/letter-from-parley-p-pratt-22-november-1839/1.
9. "Extracts from H. C. Kimball's Journal," *Times and Seasons,* 15 apr. 1845, 869.

# Ny fiantsoana ireo Apôstôly voalohany tao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny

Tamin'ny 08 febroary 1835, dia nangataka ny rahalahy isany Brigham sy Joseph Young hihira ho azy i Joseph Smith. Dia nahazo fanambarana avy eo ny Mpaminany fa izay no fotoana tokony hiantsoana ny Apôstôly Roambinifolo.[1]

Nangataka an'i Brigham i Joseph Smith mba handefa filazana fa hisy fihaonambe atao ny Sabotsy manarak'izay. Nilaza tamin'i Brigham izy fa ho isan'ireo Roambinifololahy i Brigham.[2]

Enina andro taty aoriana dia nivory ny Olomasina. Nilaza i Joseph Smith fa isan'ireo tanjona fototra nanaovana ilay fivoriana ny mba "hifidiana[n'ireo]" Vavolombelona telon'ny Bokin'i Môrmôna, dia i Oliver Cowdery, i David Whitmer, ary i Martin Harris "lehilahy roa ambin'ny folo avy ao amin'ny Fiangonana mba ho Apôstôly."[3] Efa nahazo izany andraikitra izany mialoha i Oliver sy i David tamin'ny jona 1829, saingy na dia "nikatsaka ny Tompo tamin'ny alalan'ny fifadiankanina sy ny vavaka" aza izy ireo mba hamantatra ny Roambinifololahy dia tsy mbola izay no fotoana.[4] Ankehitriny, hoy i Joseph, dia tonga ny fotoana.

Ny Roambinifololahy (manaraka ny filaharana nilazana azy tao amin'ilay fivoriana) dia i Lyman Johnson, 23 taona; Brigham Young, 33 taona; Heber C. Kimball, 33 taona; Orson Hyde, 30 taona; David W. Patten, 35 taona; Luke Johnson, 27 taona; William E. McLellin, 29 taona; John F. Boynton, 23 taona; Orson Pratt, 23 taona; William Smith, 23 taona; Thomas B. Marsh, 34 taona; ary i Parley P. Pratt, 27 taona. Efa samy nahavita asa fitoriana ny filazantsara avokoa izy rehetra teo aloha. Niaraka tamin'i Joseph Smith tamin'ny dia be nataon'ny Tobin'i Ziona ny valo tamin'izy ireo tamin'ny fahavaratra nialoha an'izay.[5]

Rehefa vita ny fisafidianana azy ireo dia notendrena tsirairay ireo Apôstôly.[6] Feno fampanantenana fa hahomby amin'ny asa fitoriana ny filazantsara ny tsodrano tamin'ny fanendrena azy ireo. Nahatsiaro i Heber C. Kimball taty aoriana fa ireo tsodrano dia "nanambara zavatra maro izay hitranga, fa izahay dia hanana hery hanasitranana ny marary, handroahana devoly, hananganana ny maty, hampahiratana ny jamba, . . . hamindrana tendrombohitra, ary ny zavatra rehetra dia hanoa anay amin'ny alalan'ny anaran'i Jesoa Kristy."[7]

Nanantitrantitra ireo zava-tsarotra holalovan'izy ireo ihany koa i Oliver Cowdery hoe: "Aoka ianareo ho vonona hanao sorona ny ainareo amin'ny fotoana rehetra, raha toa ka takin' Andriamanitra amin'ny fampandrosoana sy ny fanorenana ny asany izany." Namporisika ny Apôstôly i Oliver mba hikatsaka fahalalana ho an'ny tena manokana momba an'i Jesoa Kristy mba hahafahan'izy ireo mijoro ho vavolombelona amim-pananana fahatokiana ny amin'ny fisiany: "Aza mitsahatra miezaka mandra-pahitanareo an' Andriamanitra mivantana."[8]

Nanomboka tamin'ny mey 1835 dia nanatanteraka asa fitoriana ny filazantsara maro be ho an'ny Fiangonana ireo Apôstôly, ary nitahy olona maro be ihany koa ny fitarihan'izy ireo maneran-tany. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny History, 1838–1856 (Manuscript History of the Church), boky B-1 [01 septambra 1834–02 nôvambra 1838]," zavatra fanampiny nampidirina, fanamarihana A, pejy 1, josephsmithpapers.org/paper-summary/history-1838-1856-volume-b-1-1-september-1834-2-november-1838/304.
2. Jereo ny Joseph Young, *History of the Organization of the Seventies* (1878), 1.
3. "Minutes, Discourses, and Blessings, 14–15 February 1835," ao amin'ny *Joseph Smith Papers, Documents, Boky 4: aprily 1834–septambra 1835,* 224–28.
4. "Minutes and Blessings, 21 February 1835," ao amin'ny *Joseph Smith Papers, Documents, Boky 4: aprily 1834–septambra 1835,* 242, 243.
5. Ireo efatra tsy anisan'ny tao amin'ilay toby dia i David W. Patten, Thomas B. Marsh, William E. McLellin, ary i John F. Boynton.
6. Sivy tamin'ireo Roambinifololahy ihany no nanatrika ilay fivoriana tamin'ny 14 febroary 1835. I Parley P. Pratt dia notendrena tamin'ny 21 febroary 1835, raha toa kosa ka samy notendrena tamin'ny 26 aprily 1835 i Thomas B. Marsh sy i Orson Pratt.
7. "Extracts from H. C. Kimball's Journal," *Times and Seasons,* apr. 15, 1845, 868.
8. "Minutes and Blessings, 21 February 1835," ao amin'ny *Joseph Smith Papers, Documents, Boky 4: aprily 1834–septambra 1835,* 244.

---

Mba hanazoana fahalalana bebe kokoa momba ny niantsoana ireo Apôstôly Roambinifolo voalohany tao anatin'ity fotoampitantanana ity dia tsidiho ny **history.lds.org.**



**Nosoratan'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# *Toetra tahaka ny* AN'I KRISTY

*I Jesoa, izay nijaly indrindra, no manana ny fangorahana lehibe indrindra ho antsika rehetra izay zara raha mijaly raha ampitahaina Aminy.*

Ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) dia nampianatra fitsipika iray izay tena nanaitra ahy tokoa ary lasa nifantoka tamin'izay ny ankamaroan'ny fandalinako, sy fieritreretako, ary fisaintsainako. Nilaza izy hoe: "Tsy afaka nisy Sorompanavotana raha tsy teo ny toetran'i Kristy!"[1] Hatramin'ny nahenoako io fanambarana mahitsy sy mahery vaika io dia niezaka ny hianatra bebe kokoa momba ny teny hoe "toetra" sy hahatakatra izany bebe kokoa aho. Nosaintsainiko ihany koa ny fifandraisana eo amin'ny toetran'i Kristy sy ny Sorompanavotany—ary ny lanjan'izany fifandraisana izany amintsika tsirairay amin'ny maha-mpianatra antsika.

## Ny toetran'i Jesoa Kristy Tompo

Ny famantarana tsara indrindra ny toetra angamba dia ny fahafahana mamantatra sy maneho ny fihetsika tokony haseho amin'ny olon-kafa izay miaina ilay olana na fahoriana mihitsy izay mitaona antsika saika ho eo no ho eo sy amin-kery. Ny tena toetra marina dia miseho, ohatra, ao amin'ny hery ananana mba hamantatra ny fijalian'ny olona hafa rehefa mijaly ny tenantsika; ao amin'ny fahafahana mahatsapa ny hanoanan'ny hafa rehefa noana isika; ary ao amin'ny hery mba hanampy sy hahatsapa fangorahana amin'ny fijaliana ara-panahin'ireo olona hafa rehefa ao anatin'ny fijalian'ny tenantsika ara-panahy isika. Noho izany, ny toetra dia miseho amin'ny alalan'ny fijerena sy ny fanampiana ny hafa raha toa kosa ny fihetsika araboajanahary sy asesiky ny sain'ny tena ka tsy mifantoka afa-tsy amin'ireo olantsika sy ireo zava-tsarotra iainantsika manokana. Raha izany fahafahana manampy ny hafa ao anatin'ny fahoriana izany tokoa no fepetra tsara indrindra mamaritra ny toetra tsara dia ny Mpamonjy an'izao tontolo izao no ohatra tonga lafatra amin'ny toetra tsy miova sy feno fiantrana toy izany.

FAHAZAVAN'IZAO TONTOLO IZAO, NATAON'I HOWARD LYON





*IREO ROAMBINIFOLOLAHY NIRAHIN'I JESOA*, NATAON'I WALTER RANE

## Ohatra amin'ny toetran'i Kristy

Tao amin'ny efitra ambony tamin'ny alin'ny Fanasana farany, ilay alina izay hiainany ny fanaintainana lehibe indrindra izay nitranga tao amin'ny tontolo rehetra nohariany, dia niresaka momba ny Mpampionona sy ny fiadanana i Kristy:

"Izany teny izany dia efa voalazako taminareo raha mbola mitoetra eto aminareo Aho.

"Fa ny mpananatra dia ny Fanahy Masina, izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo.

"Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo" (Jaona 14:26–27).

Tao anatin'ny fahafantarana fa ny tenany dia efa hahatsapa mafy sy mivantana ny tsy fisian'ny fampiononana sy ny fiadanana, ary tao anatin'ny fotoana iray izay mety nampikorontana sy naha-feno tahotra Azy, ny Mpampianatra dia nanolo-tanana sy nanome ho an'ny hafa ireo fitahiana izay afaka nampatanjaka Azy sy ho tena nampatanjaka Azy.

Tao anatin'ilay Vavaka Fanalalanana lehibe, izay natao avy hatrany mialoha ny nandehanan'i Jesoa niaraka tamin'ny mpianany nita ny lohasahan-driaka Kidrona nankeny amin'ny Sahan'i Getsemane, ny Mpampianatra dia nivavaka ho an'ny mpianany sy ho an'ireo rehetra "izay mino Ahy koa noho ny teniny;

"mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko. . . .

". . . Mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr' izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy. . . .

"Ary efa nampahafantariko azy ny anaranao, ary mbola hampahafantariko ihany, mba ho ao aminy ny fitiavana izay nitiavanao Ahy, ary Izaho koa ho ao aminy." (Jaona 17:20, 21, 23, 26).

Mamerimberina mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto foana aho rehefa misaintsaina izany sy ireo zava-nitranga hafa niseho rehefa tena antomotra ny famadihana Azy sy ny fijaliany tao amin'ilay saha: Ahoana no nahafahany nangataka izay mahasoa ny hafa sy ny mba hiraisan'izy ireo hina mialoha indrindra ilay fahoriany lehibe? Inona no nahafahany nikatsaka fiononana sy fiadanana ho an'ireo izay tsy dia nila izany raha noharina Taminy? Raha toa ka nitambesatra Taminy ny toetra lavon'izao tontolo izao izay nohariany, ahoana no nahafahany nifantoka tanteraka sy nifantoka fotsiny tamin'ireo toe-javatra niainan'ny hafa sy olana nananan'izy ireo? Ahoana no nahafahan'ny Mpampianatra nanolo-tanana ho an'ny hafa raha toa ka ho nifantoka tamin'ny tenany ny olona ambany kokoa noho Izy? Misy teny nolazain'ny Loholona Maxwell izay manome ny valin'ny tsirairay amin'ireo fanontaniana mampieritreritra lalina ireo:

"Ny toetran'i Jesoa dia tsy maintsy nanome ny fanohanana nilaina hanatanterahana ny sorompanavotany mahatalanjona. Raha tsy nisy ny toetra lafatr'i Jesoa dia tsy afaka nisy sorompanavotana lafatra! Ny toetrany dia lehibe toy izany ka —[niaritra] fakampanahy isan-karazany—Izy (Almà 7:11), kanefa—tsy nilefitra—tamin'ny fakam-panahy (F&F 20:22)."[2]

I Jesoa, izay nijaly indrindra, no manana ny fangorahana lehibe indrindra ho antsika rehetra izay zara raha mijaly raha ampitahaina Aminy. Marina tokoa fa ny halehiben'ny fijaliana sy ny fangorahana dia mifandray akaiky amin'ny halehiben'ny fitiavana izay tsapan'ilay manompo.

## Mikatsaka fiantrana amim-pahavitrihana

Azontsika atao eto amin'ny fiainana an-tany ny mikatsaka ny hahazo sy hikolokolo ireo singa manan-danjan'ny toetra tahaka ny an'i Kristy. Azontsika olombelona atao tokoa ny miezaka amim-pahamarinana ny handray ireo



fanomezam-pahasoavan'ny fanahy mifandray amin'ny fahafahana manolo-tanana ny hafa sy maneho ny fihetsika tokony haseho amin'ny olon-kafa izay miaina ilay olana na fahoriana mihitsy izay mitaona antsika saika ho eo no ho eo sy amin-kery. Tsy afaka mahazo fahafahana hanao zavatra toy izany amin'ny alalan'ny finiavana fotsiny na ny fahavononan'ny tena manokana isika. Fa tsy maintsy miantehitra amin'ny "fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina" (2 Nefia 2:8) kosa isika. Fa "andalana anampy andalana, fitsipika anampy fitsipika" (2 Nefia 28:30) ary "rehefa afaka elaela" (Mosesy 7:21), isika dia omena fahafahana hanolo-tanana ny hafa raha toa ka ny fifantohantsika amin'ny tenantsika kosa no fironana voajanahary.

Mamelà ahy hanoro hevitra fa izaho sy ianao dia tsy maintsy mivavaka, maniry, miezaka, ary miasa mba hambolena ao anatintsika ny toetra iray tahaka ny an'i Kristy raha toa ka manantena ny hahazo ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana—ilay fitiavana madion'i Kristy isika. Ny fiantrana dia tsy toetra azontsika amin'ny alalan'ny fikirizantsika sy fahavononantsika omban'ny tanjona fotsiny. Tsy maintsy manaja ireo fanekempihavanana nataontsika tokoa isika ary miaina amim-pahamendrehana ary manao izay rehetra azontsika atao mba ho mendrika ilay fanomezam-pahasoavana. Kanefa amin'ny farany dia lasa fananan'ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana isika, fa tsy isika no tompon'izany (jereo ny Môrônia 7:47). Ny Tompo no mamaritra raha toa isika ka handray ireo fanomezam-pahasoavan'ny fanahy rehetra sy ny fotoana handraisantsika izany, kanefa tsy maintsy manao izay azontsika atao amin'ny herintsika rehetra isika mba haniry, hikatsaka, hanasa, ary ho mendrika ny fanomezam-pahasoavana toy izany. Rehefa tsy mitsahatra manao asa amin'ny fomba mitovy amin'ny toetran'i Kristy isika dia amin'izay angamba isika no maneho amin'ny lanitra amin'ny fomba mahery vaika ny faniriantsika hahazo ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy an'ny fiantrana izay masina. Ary mazava fa omena izany fanomezam-pahasoavana mahatalanjona izany isika rehefa tsy mitsahatra manolo-tanana ny hafa rehefa te hifantoka amin'ny tenantsika ilay lehilahy na vehivavy araka ny nofo ao anatintsika.


I Jesoa no Kristy, ilay Zanaka Lahitokan'Ilay Ray Mandrakizay. Fantatro fa velona Izy. Ary mijoro ho vavolombelona aho fa ny toetrany dia nahatonga antsika hanana ny fahafahana sady hahazo ny tsy fahafatesana no hahazo ny fiainana mandrakizay. Enga anie isika hanolo-tanana ny hafa rehefa te hifantoka amin'ny tenantsika ny fironana voajanahary ao anatintsika. ■

*Nalaina tamin'ny lahateny natao tamin'ny fivoriambe momba ny fivavahana natao tao amin'ny Brigham Young University–Idaho tamin'ny 25 janoary 2003.*

**FANAMARIHANA**
1. Neal A. Maxwell, "The Holy Ghost: Glorifying Christ," *Ensign,* jolay 2002, 58.
2. Neal A. Maxwell: "O How Great the Plan of Our God!" (lahateny ho an'ireo mpampianatra momba fivavahana ao amin'ny DFF, 3 feb. 1995), 6, si.lds.org.

*Ny fomba ahafahan'ny hafatra avy amin'ny Fihaonambe*

# MANOVA NY FIAINANAO




SARINA BOKY FANDRAISANA NAOTY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

*Tena afaka ny hitovy bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy ianao. Hanampy anao hahita ny fomba hanaovana izany ireto fitaovana ireto.*

**Nosoratan'i Hadley Griggs**

Mahatsapa ho lany hery ara-panahy ve ianao? Ary raha mba afaka mampiasa torolalana kely ara-panahy ianao? Tsara vintana ianao fa mety ho ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ilay zavatra tadiavinao! Ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza hoe: "Ho an'ireo tanora mpikamban'ny Fiangonana dia mampanantena aho fa raha mihaino [ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany] ianareo dia hahatsapa ny fitombon'ny fitaoman'ny Fanahy Masina ao anatinareo. Hilaza aminareo izay tiany hataonareo amin'ny fiainanareo ny Tompo."[1]

Ary tsy mifarana amin'ny faran'ny herinandro hitrangan'ny fihaonambe izany. Afaka mahatsapa ny Fanahy hatrany ianao amin'ny alalan'ny fandalinana ireo lahateny aorian'izany ihany koa!

Manampy antsika amin'ny fomba maro be ny fihaonambe. Ary angamba ny manan-danja indrindra, dia mamela antsika hanatona bebe kokoa ny Mpamonjy izany amin'ny alalan'ny fampianarana antsika ny fomba hahatongavana bebe kokoa tahaka Azy. Fomba iray tena tsara hisintonana zavatra betsaka avy amin'ny fihaonambe ny fifantohana manokana amin'ny fampianarana momba ireo toetra tahaka ny an'i Kristy, na izany mandritra ny fampitana mivantana, na mandritra ny fandalinanao ireo lahateny aorian'izay. Rehefa mihaino na mamaky sady mieritreritra toetra vitsivitsy tahaka ny an'i Kristy ao an-tsaina ianao dia afaka manampy anao hianatra ny fomba hitovizana bebe kokoa amin'i Kristy ireo teny sy ny Fanahy.

Afaka mamaly ity famotopotorana maimaika ity ianao mba hahitana hoe inona ny toetra iray na roa mety ho tianao hifantohana rehefa mandalina ny hafatra avy amin'ny fihaonambe. (Raha te hahita andiam-panontaniana miditra lalina kokoa dia jereo ny *New Era* ôktôbra 2016 na ny fizarana faha-6 ao amin'ny *Torio ny filazantsarako*.)

Safidio ny fehezan-teny izay mamaritra anao tsara indrindra ho an'ny tsirairay amin'ireo toetra tahaka ny an'i Kristy miisa sivy etsy ambany.

## 1. NY FINOANA:

a. Tsy azoko antoka raha toa ka i Jesoa Kristy no Mpamonjy ahy.
b. Mino an'i Jesoa Kristy aho ary manaiky Azy ho Mpamonjy ahy.
d. Antenaiko fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy ahy.



### FITIAVANA HO AN'NY NAMANA VAOVAO MIISA DIMY

Any am-pianarana dia misy vondron'ankizy vitsivitsy izay heverin'ny ankamaroan'ny mpianatra hafa ho ireo "olona tsy manan-danja" satria miavaka amin'ny hafa izy ireo. Tsy niresaka tamin'izy ireo aho teo aloha. Tsy ratsy fanahy aho, saingy tsy naneho hatsaram-panahy koa.

Rehefa nandre ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany aho nanao ilay lahateniny hoe "Izay miantra no hiantrana" (fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aprily 2012), dia nisy zavatra niova. Nilaza izy fa misy zavatra iray tokony hataontsika mikasika ny fitsaratsarana: "Ajanony izany!" Ny lahateniny dia nanampy ahy hahatsapa fa tokony hosoloiko "fo feno fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitiavana ny zanany rehetra" ny eritreritra sy ny fahatsapana ratsy ananako toy izay hitsaratsara ireo ankizy any am-pianarana.

Tamin'izay alatsinainy izay rehefa nandeha nianatra aho, raha toa aho ka tokony hihaona tamin'ireo namako mahazatra dia naleoko nandeha nankeny amin'ilay vondrona izay noheverin'ny olona fa "olona tsy manan-danja." Nanomboka niresaka izahay, ary tonga saina aho fa tsy misy maha-samy saha an'ireo olona ireo amin'ny olona hafa rehetra mihitsy. Rehefa niaraka tamin'izy ireo aho dia lasa nanana fifandraisana mafy orina tamin'izy ireo. Lasa nahazo namana vaovao dimy aho.

Tsapako fa ireo namako vaovao ireo dia tsy "olona tsy manan-danja" velively, fa amin' Andriamanitra dia efa nanan-danja hatramin'izay izy ireo. Faly tokoa aho nianatra zavatra bebe kokoa momba ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany.

*Holly H., 19 taona, Californie, Etazonia*







**2. NY FANANTENANA:**

a. Mahatsapa fiadanana sy manantena ny tsara rehetra aho momba ny hoavy.
b. Mampatahotra ahy ny hoavy!
d. Mazàna aho no tsy miraharaha tsotra izao ny hoavy. Raha tsy mieritreritra izany aho dia tsy voatery ny hanahy ny amin'izany.

**3. NY FIANTRANA SY NY FITIAVANA:**

a. Miezaka mitia ny olona hafa aho, saingy misy olona sasantsasany izay toa mandreraka ahy foana.
b. Tena sahirana mafy aho mikarakara ny fiainako manokana ka tena sarotra ho ahy ny hieritreritra momba ny olona hafa.
d. Maniry izay mahasoa sy ny fahasambarana mandrakizain'ny olona hafa aho.

**4. NY HATSARAN-TOETRA:**

a. "Madio eritreritra ary madio ny zavatra atao." Toy ny tsy dia mahafinaritra loatra izany!
b. Madio sy madio am-po aho.
d. Sarotra ho ahy ny mitoetra ho madio.

**5. NY FAHALALANA:**

a. Be dia be ny zavatra ataoko ka tsy tena manana fotoana aho hitadiavana ny valin'ny fanontaniako.
b. Dainn! Mianatra hoe e? Tena mankaleo indraindray ny miezaka mianatra zavatra.
d. Mikatsaka amim-pahazotoana ny hahatakatra ny fahamarinana sy hitady ny valin'ny fanontaniako aho.

**6. NY FAHARETANA:**

a. Afaka miandry aho kanefa tsy sosotra na diso fanantenana.
b. Afaka miandry aho angamba, saingy mety ho tezitra amin'izany ihany aho.
d. Faran'izay ratsy ny miandry. Tiako ho azo izao dieny izao ny zavatra rehetra.

**7. NY FANETRENTENA:**

a. Tiako halaina antoka fa ataoko irery daholo ny zavatra rehetra.
b. Miantehitra amin'ny Tompo aho mba hahazo fanampiana.
d. Rehefa manao zavatra iray aho dia matetika aho no manadino fa afaka mangataka fanampiana amin'ny Ray any An-danitra.

**8. NY FAHAZOTOANA:**

a. Mandany ny ankamaroan'ny fotoanako rehetra amin'ny fijerena fahitalavitra sy ny fiarahana amin'ny namana ary ny tsy fandraisana andraikitra aho!
b. Matetika aho no sahirana amin'ny fifantohana amin'ireo zavatra manan-danja eo amin'ny fiainako, fa miezaka aho.
d. Mandany ny fotoanako sy ny heriko amin'ireo zavatra manan-danja indrindra aho.

**9. NY FANKATOAVANA:**

a. Manaraka an-tsitrapo ny torohevitry ny mpitarika ahy sy ny ray aman-dreniko aho.
b. Izaho ihany mazàna no mibaiko ny tenako. Matetika no sarotra ho ahy ny mihaino olona hafa.
d. Manaraka ny torohevitry ny mpitarika ahy sy ny ray aman-dreniko aho, saingy indraindray aho dia mimonomonona ny amin'izany.

Jereo ary ny valinteninao. Inona ny toetra tianao hiezahana mba hananana? Mba hianarana ny fomba hikolokoloana azy ireo dia afaka mifidy iray na roa ianao ary mifantoka tsara amin'izy ireo rehefa mihaino ny fihaonambe.

Ary raha namaly ianao fa nety tsara daholo ny nataonao tamin'izy tsirairay avy, dia tohizo izany! Mbola afaka mifidy iray na roa izay toa nanan-danja be taminao nandritra ilay famotopotorana ianao dia mifantoka amin'izany mandritra ny fandalinanao ny fihaonambe. Na aiza na aiza no misy anao eo amin'ny lalanao mba ho tonga tahaka an'i Kristy dia afaka mitodika mandrakariva amin'ireo fampianaran'ny mpitarika antsika ianao mba hanampy anao eo amin'ny lalanao.


Raha tsy afaka manapa-kevitra ny amin'izay toetra hofidina ianao amin'izao dia aza manahy! Afaka mihaino fihaonambe foana ianao ary mijery izay manan-danja indrindra aminao amin'izay.

Rehefa voafidinao ilay toetra tianao hifantohana dia azonao atao ny manoratra izany mba hahavonona anao handray fanambarana momba izany eo am-pihainoanao ny fihaonambe na rehefa mandalina ireo lahateny aorian'ny fihaonambe ianao. Rehefa mihaino sy mandalina ianao dia avelao ny Fanahy hitarika anao hahita fomba miavaka hahafahanao mikolokolo ilay toetra. Jereo ity ohatra eto ambany ity! ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

**FANAMARIHANA**

1. Robert D. Hales, "Ny Fihaonamben'ny Fiangonana: Manamafy Orina ny Finoana sy ny Fijoroana ho Vavolombelona," *Liahona*, nôv. 2013, 6.






## MANORINA FIANTRANA AO AMIN'NY KILASY FIANARANA MAMPIARAKA RODOBEN-JAVAMANENO

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 2015 dia nisy lahateny iray tena nanan-danja be tamiko. Ny Loholona Dale G. Renlund ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanao lahateny mitondra ny lohateny hoe "Amin'ny fijerin' Andriamanitra." Niresaka mikasika ny maha-zava-dehibe ny fieritreretana ny olona hafa tahaka ny fieritreretan'ny ray aman-dreniny be fitiavana azy ireo izy. Rehefa nandre izany aho dia afaka nahatsapa fa nila nanao ezaka bebe kokoa mba hitia ny olona manodidina ahy.

Indray maraina, taorian'ny fihaonambe, dia niandry tsara ny fotoana tsara indrindra hampifaliana olona iray aho. Nandeha tany amin'ny kilasy fianarako mampiaraka rodoben-javamaneno aho dia nahita zazalahy iray izay tsy noraharahiako loatra mazàna. Azoko lazaina fa nisy zavatra nahatezitra azy, koa dia nankeny aminy aho ary nanontany azy hoe nanao ahoana ny tontolo androny. Tsy dia be teny izy, ka dia nanontaniako azy hoe tiany ve ilay kilasy fianarana mampiaraka rodoben-javamaneno. Nolazainy ahy fa tsy dia hainy ilay feon-kira ary natahotra ny amin'ilay fampisehoana izy. Nandroso hevitra aho ny hiara-hitendry ilay feon-kira taminy, ka dia niara-nitendry ilay feon-kira izahay. Tsara be ilay izy! Taorian'izay dia nanomboka niresaka mikasika ny zavamaneno tendrenay izahay. Lasa mpinamana akaiky kokoa izahay ary faly tokoa aho fa nanokana fotoana niresahana taminy.

*Christa M., 12 taona, Texas, Etazonia*



# Mifikira MAFY

Nosoratan'i Lindsay Hiller

Niara-lehibe tamin'ny namana izay mpikamban'ny Fiangonana aho, ary nanjary dodona ny hatao batisa sy mba ho lasa mpikambana ihany koa. Rehefa nifindra tany amin'ny faritra ilany indrindra amin'ny fireneko noho ny fianarana aho dia nanomboka nianatra lesona avy tamin'ny misiônera. Indrisy anefa fa ny tsindry avy tamin'ireo namako vaovao dia nahatonga ny fanarahana ny fenitry ny filazantsara ho sarotra. Ireo mpiara-mianatra amiko tao amin'ny taona voalohany dia nandany fotoana be dia be nisotroana zava-pisotro misy alikaola tany amin'ny fety. Tsy mbola nanandrana zava-pisotro misy alikaola aho teo aloha, saingy nanery ahy tsy tapaka ireo namako vaovao mba hisotro izany.

Nahafantatra aho fa marina ny filazantsara, saingy sarotra notoherina ny fakam-panahy avy amin'ireo namako.

Nanomboka nivavaka tamin'ny Ray any Andanitra aho mba hahazo hery handray fanapahan-kevitra tsara. Tsy mbola nampihena ny fenitra narahiko aloha aho, kanefa natahotra aho sao tsy hanana ny hery hametraka ilay zava-pisotro misy alikaola amin'ny fotoana manaraka hanolorana ahy izany. Nalahelo ireo namako miaina soatoavina tahaka izay iainako aho.

Indray sabotsy alina dia nandeha namonjy



SARY NATAON'I

*Ny namana dia manova zavatra lehibe amin'ny maha-mora, na maha-sarotra ny fomba iainantsika ireo fenitra arahantsika.*

fety niaraka tamin'ireo olona niray trano fatoriana tamiko aho. Avy hatrany dia nisotro sy namporisika ahy hanao ny fanandraman-tsiroko voalohany amin'ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola ny namako rehetra.

Te hanandrana tokoa aho. Noraisiko ilay labiera iray kaopy izay natolotra ahy. Nampanakaikeziko ny molotro ilay izy. Tsy nahazo aina aho kanefa finaritra fa nifantoka tamiko ireo namako. Avy eo dia nankeo amin'ny faritra nisy anay i Nick, izay zazalahy malaza ratsy tamin'ny fisotroana.


"Tsy nosotroinao izy teo e? Sa ahoana?" hoy izy nanontany.

"Tsy mbola nosotroiko," hoy aho namaly.

"Raha misotro an'io ianao," hoy i Nick, "dia hanenina ny amin'izany isan'andro mandra-pahafatinao."

Tena taitra aho. Fantatro fa marina izay nolazainy. Tsy te hisotro aho. Te hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana aho. Naveriko ilay kaopy dia nandao ilay fety aho, sady feno fankasitrahana fa tsy nandray fanapahan-kevitra ratsy.

Ny ampitso marainan'io dia nandeha tany am-piangonana aho, nitady ny misiônera, ary nametraka daty hanaovana ny batisako. Nanomboka tamin'izay andro izay dia tsy namonjy fety nisy zava-pisotro misy alikaola intsony aho. Nahazo namana vaovao tany am-piangonana aho izay miaina soatoavina sy fenitra mitovy amin'ny ahy. Mbola ninamana tamin'ireo olona niray trano fatoriana tamiko aho, kanefa nataoko nazava tsara ny fenitra arahako. Rehefa fantatr'izy ireo ny naha-zava-dehibe tamiko ireo soatoaviko dia nanaja izany izy ireo ka nitsahatra tamin'ny fanerena ahy. Tsikaritr'izy ireo sy nohajainy ny fivoahako ny efitrano rehefa nijery horonan-tsary tsy mendrika izy ireo na nihaino hira tsy mendrika.



## MANDÀ NY FAKAM-PANAHY

"Ireo olona izay manao zavatra tsy mety dia maniry anao mba hanaraka azy ireo satria mahatsiaro tena ho milamina kokoa izy ireo amin'ny zavatra ataony rehefa misy olona hafa manao toy izany koa. Mety te hanararaotra anao ihany koa izy ireo. Voajanahary ao anatintsika ny fananana faniriana mba heken'ny namana, mba ho isan'ny ao anaty vondrona iray. . . . Iray amin'ireo zavatra tena sarotra indrindra ho anao ny mamantatra ny haben'ny tanjaka tena ananao sy ny fanajana amim-pahanginana izay ananan'ny hafa ho anao. . . . Tsy ilainao ny manova ireo fenitra arahinao mba haneken'ireo namanao akaiky anao. Arakaraka ny ankatoavanao no hijoroanao tsaratsara kokoa amin'ireo fitsipika marina, sy hahafahan'ny Tompo manampy anao bebe kokoa handresy ireo fakam-panahy."

**Loholona Richard G. Scott (1928–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Making the Right Choices," *Ensign*, nôv. 1994, 37.**

# Vakio ilay lasitry ny
# 'FANAON-JATOVO MAHAZATRA'

*Hadinoy izay lazain'izao tontolo izao.*
*Toy ny ahoana no fahitan'ny Ray any An-danitra anareo?*

**Nosoratan'i Charlotte Larcabal**
Gazetibokin'ny Fiangonana



Manan-kambara betsaka momba ny zatovo izao tontolo izao ankehitriny. Fantatrareo angamba ny sasany amin'ireo hevi-dravina na efa nahare olona iray ianareo nitaraina momba ny "ankizy ankehitriny." Maro be ihany koa ireo fandalinana sy antontan'isa momba anareo, ny fahazaranareo amin'ny tambazotra ifaneraserana, ny zavatra vidinareo, eny fa na hatramin'ny hafohin'ny fotoam-pifantohanareo aza.

Kanefa ny Filoha Russell M. Nelson, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia milaza ho tsy "mahazo aina" rehefa maheno ireo mpikaroka mamaritra ny fandalinana nataony momba ny tanora. "Ary raha ny marina," hoy izy, "dia tsy dia mahaliana ahy loatra izay ambaran'ireo *matihanina* momba anareo raha oharina amin'izay nolazain'ny Tompo tamiko momba anareo."[1]

Tsy mila fandalinana na hevi-dravina ny Tompo mba hahafantarana anareo. Tsy raisiny ho toy ny antontan'isa na olona izay vesaran'ny fomba ezahin' "izao tontolo izao" hamaritana anareo ianareo.

"Tia anao Izy tsy hoe noho ny maha-ianao anao amin'ity andro ity fotsiny, fa eo ihany koa noho ilay olona feno voninahitra sy fahazavana izay mety hahatongavanao sy irinao hahatongavana," hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.[2]

Tsy hoe mahita anareo fotsiny Andriamanitra. Tia anareo Izy.

Tsy te hitovy amin'ny olon'izao tontolo izao ve ianareo? Atombohy amin'ny fijerena ny tenanareo amin'ny fomba ahitan'ny Ray any An-danitra anareo izany. Te hanaporofo ny tsy mahamarina ny hevi-dravina momba anareo ve ianareo? Fotoana tokony hitsanganana sy hanaovan-javatra izao! Fony i Kristy 12 taona dia nampahatsiahy ny ray aman-dreniny Izy fa tokony "hanao ny raharahan-drai[ny]" (Lioka 2:49).

Tsy hoe tanora loatra Izy, ary ianareo koa tsy hoe tanora loatra. Koa ny fanontaniana manaraka dia hoe: Ahoana no ahafahanareo manao ny raharahan'ny Rainareo any An-danitra?

Ny "raharahany" dia izay rehetra momba ny fanatanterahana "ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39), koa afaka manao ny raharahan'ny Rainareo ianareo amin'ny alalan'ny fanaovana ny tsara indrindra vitanareo mba hahatongavanareo amin'ny ambony indrindra azonareo hahatongavana sy amin'ny alalan'ny fahatongavana ho olona iray izay manampy ny hafa ho tonga amin'ny ambony indrindra azony hahatongavana.

Izao no fotoana handraisana antanana ny hoavinareo manokana. Inona no azonareo atao *izao ankehitriny izao* mba hahazoana antoka fa ianareo dia lasa ilay olona fantatry ny Ray any An-danitra fa afaka hahatongavanareo, tsy any amin'ny mandrakizay ihany fa eto amin' *ity* fiainana ity ihany koa?

SARY NATAON' I DAVID STOKER

*Afaka miaina araka ny fanombantombanany ny fahafahanareo ho tonga amin'ny ambony indrindra azonareo hahatongavana ianareo.*



Te hanambady any amin'ny tempoly ve ianareo? Manapaha hevitra dieny izao mba ho madio amin'ny eritreritra sy ny teny ary ny zavatra atao. Manana drafitra ny hianatra any amin'ny oniversite ve ianareo? Volavolao dieny izao ny fahaizana mianatra tsara. Te hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno ve ianareo? Ampio *Torio ny filazantsarako* ny fandalinanareo ny filazantsara (indrindra fa ny fizarana 3). Te hamelona fianakaviana ve ianareo? Ianaro dieny izao ny fomba fanaovana tetibola sy ny fihazonana tetibola.

Azonareo atao ihany koa ny mijery ireo zavatra izay mampifaly anareo *amin'izao fotoana izao*. Tia kajy ianareo? Mitendry pianô? Manoratra tantara? Tohizo izany! Jereo raha toa ka misy fomba hahafahanareo mivoatra: fianarana any an-tsekoly, fampianarana en ligne, fifaninanana, atrikasa, sy ny sisa.

Vakio ilay lasitra dia porofoy ny tsy maha-marina ireo hevi-dravina momba anareo! Raiso an-tanana ny hoavinareo manokana. Inona no ataonareo mba ho lasa ilay olona tsara indrindra azonareo hahatongavana? Ampahafantaro anay izany amin'ny alalan'ny fandefasana e-mail amin'ny liahona@ldschurch.org na amin'ny fametrahana hafatra ao amin'ny LDS Youth Facebook na ireo pejy Instagram. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Mijoroa ho tena zanaky ny arivo taona," *Liahona,* ôkt. 2016, 46.
2. Dieter F. Uchtdorf, "Miaina ny filazantsara amim-pifaliana," *Liahona,* nôv. 2014, 123.

**LASA TSARA ARAKA IZAY AZOKO HAHATONGAVANA AHO AMIN'NY ALALAN'NY ...**

Fianarana manao tetibola? Fanatsarana ny fandalinako ny filazantsara? Fiezahana hanana fitiavana manompo? Zarao ny fomba handraisanareo an-tanana ny hoavinareo amin'ny alalan'ny fandefasana hafatra ao amin'ny liahona@ldschurch.org na ao amin'ny pejy Facebook na Instagram an'ny LDS Youth.



# MITSANGANA AMIM-PINOANA

Ampio solika ny afon'ny finoanareo mba handresy ny fanahiana.

SARY AVY AMIN'NY © GETTY IMAGES



**Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# NY FOMBA **HAHAFANTARANAREO MIVANTANA**

Ry namana tanora malalanay isany, ny fanirianay ho an'ny tsirairay aminareo dia ny hahafantaranareo mivantana, tsy miankina na amin'iza na amin'iza, fa tena misy Andriamanitra, fa fantany ianareo, ary nanao sorona hanonerana ny fahotan'izao tontolo izao ny Zanany Lahy.

Ny fanantenanay dia ny hahazoanareo mivantana fijoroana ho vavolombelona tsy voahozongozona fa naverina farany tamin'ny laoniny teto ambonin'ny tany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Niavaka ny asa nanirahana an'i Joseph Smith, kanefa ny vavaka tamim-panetrentena nataony dia maodely manampy ho anareo sy ho ahy. Niainga nankany amin'ilay ala kely i Joseph mba **hivavaka amim-pinoana** fa hamaly ny vavaka ataony sy hampitony ny fahasahiranan-tsaina nananany ny Andriamanitra iray be fitiavana. Nahazo izany toky izany izy tamin'ny alalan'ny **famakiana ny tenin'Andriamanitra** sy ny **fahazoana tenivavolombelona** fa marina izany. Nivavaka ihany koa i Joseph niaraka tamin'ny faniriana, tsy ny hihaino fotsiny ihany fa hankatò na mafy toy ny ahoana aza izany. Vonona izy ny **hanatanteraka izay rehetra hambaran'Andriamanitra** aminy.

Ao anatin'izany fomba fisainana izany, dia te hampanao fanamby an'ireo tanora ato amin'ny Fiangonana aho. Izao ilay fanamby: ataovy izay hahafantaranareo mivantana fa marina ireo zavatra ireo. Azonareo atao izany amin'ny alalan'ny fanarahana ny ohatra nasehon'i Joseph Smith: **mandalina ny soratra masina,** mamela ireo teny hirotsaka lalina ao am-ponareo, **misaintsaina momba azy ireny** hatrany hatrany, ary avy eo **mangataka amin'Andriamanitra,** amin'ny fahavononana hanaiky ny fitarihany—hatao marina tokoa anie ny sitrapony.

Raha toa ka toy ny fanasana tsotra ny fahitana izany fanamby izany, dia mampanantena anareo aho fa mety mitaky ezaka goavana izany. Tsy afaka mampanantena aho fa ho avy ao anatin'ny iray andro, na afaka herinandro ny valinteny ho anareo, kanefa afaka mampanantena aho fa hiresaka aminareo amin'ny fombany manokana sy amin'ny fotoany manokana Andriamanitra, raha toa ka mangataka amim-pinoana ianareo. Rehefa **manaiky** sy **manao asa araka izany fanasana izany** ianareo, dia hahita fa tsy ireo valinteny fotsiny no ho tonga, fa hanorina lamina arahina mba hahazoana fahalalana ara-panahy ihany koa ianareo, izay hitahy anareo amin'ny andronareo sisa. ■

*Avy tamin'ny tafasiry mivantana tamin'ny martsa 2017 niarahana tamin'ny Filoha Henry B. Eyring sy ny Loholona Jeffrey R. Holland.*



## AHOANA NO FOMBA NAMPIHARANAO AN'IZANY?

Maneho hevitra momba ny hetsika Tafasiry Mivantana: "Ny zava-dehibe nanaitra ahy manokana dia ny fampahatsiahivana mafonja momba ny maha--manan-danja ny fandalinana ny soratra masintsika sy ireo valinteny azontsika raisina avy amin'izy ireny. Tena nankafiziko ihany koa ny fifanakalozan-kevitra momba ny vavaka sy ny fomba tokony hanatonantsika an'Andriamanitra rehefa mivavaka. Tonga saina aho fa ny vavaka dia afaka ary tokony ho an'ny tena manokana kanefa tokony ho fantatsika ny fomba hanatonantsika an'Andriamanitra sy hanatonana Azy amim-panajana amin'ny alalan'ny vavaka, ho toy ny Raintsika any An-danitra, fa tsy toy ny andriana.

**Joshua C., Hawaii, Etazonia**

# "Ankoatra ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina dia inona no fomba tsara indrindra hanamafisako orina ny fijoroana ho vavolombelona ananako?"

Mazava ho azy fa tsy ho azo indray mandeha miaraka ny fijoroana ho vavolombelona anananao. Hitombo amin'ny alalan'ny zavatra iainana ara-panahy tsirairay isak'izay mandeha izany, araka ny voalazan'ny soratra masina hoe "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika" (2 Nefia 28:30). Noho izany ianao dia tokony hikolokolo sy hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao, tahaka ny voa maniry mihitsy (jereo ny Almà 32:28–43). Ary tahaka ny zava-maniry izay tsy afaka ny hivelona amin'ny rano fotsiny ihany, dia tsy iray fotsiny ihany ny fomba "tsara indrindra" mba hanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao. Mila fomba maromaro mitambatra ianao.

Tsy isalasalana fa ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina dia fomba tsara hikolokoloana ny fijoroana ho vavolombelona anananao. Rehefa mandalina ny filazantsara sy mivavaka omban'ny tena finiavana ianao mba hahafantatra fa marina ny zavatra iray dia hanampy anao ny Fanahy Masina mba hahatsapa ny fahamarinan'ny filazantsara (jereo ny Môrônia 10:4–5).

Afaka manamafy orina ihany koa ny fijoroana ho vavolombelona anananao ianao amin'ny alalan'ny fitandremana ny didy. Rehefa miaina ny fitsipiky ny filazantsara iray ianao, toy ny fifadian-kanina, ny fitandremana ny Sabata ho masina, na ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo, dia manomboka mahazo fijoroana ho vavolombelona mikasika ny *fomba* sy ny *antony* maha-marina izany, toy izay hoe *satria* marina fotsiny izany. Nilaza i Jesoa fa rehefa mifidy ny "hanao ny sitrapony" ianao dia "hahalala ny amin'ny fampianarany" (Jaona 7:17).

Fomba iray hafa hikolokoloanao ny fijoroana ho vavolombelona anananao ny fizarana izany. Hoy ny Filoha Boyd K. Packer (1924–2015), Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny fijoroana ho vavolombelona iray dia tokony ho *azo* mandritra ny *fizarana* izany!" ("The Candle of the Lord," *Ensign,* jan. 1983, 54; *Tambuli,* jolay 1983, 34). Azonao atao ny mizara ny fijoroana ho vavolombelona anananao ao am-piangonana, ao amin'ny kilasin'ny seminera, ao an-trano ary amin'ny namana. Rehefa manao izany ianao dia afaka mijoro ho vavolombelona *aminao* ny Fanahy Masina fa marina ny zavatra zarainao.

Rehefa manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao amin'ny fomba maro samihafa ianao dia hitombo sy hihalalim-paka izany, ary hahatsapa fiadanana sy fifaliana ianao.



## Miaraha miasa amin'ny misiônera

Ny asa fitoriana ny filazantsara no fomba tsara indrindra ho ahy mba hanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona ananako. Isaky ny miara-miasa amin'ny misiônera aho dia mahatsapa ny fitiavan'i Kristy.

***Joy D., 19 taona, Leyte, Philippines***

## Miezaha mba ho lasa mpianatra

Afaka manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao ianao amin'ny alalan'ny fiezahana ny ho tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina lalandava. Ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra dia mahatonga antsika ho maherifo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika, ary izany kosa indray dia mahatonga ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ho mafy orina bebe kokoa aza sy ho vonona amin'ny fanjakan' Andriamanitra (jereo ny F&F 76:79). Afaka manamafy orina ihany koa ny fijoroana ho vavolombelona anananao ianao amin'ny alalan'ny fizarana izany.

***Elder Mule Simon, 23 taona, manompo ao amin'ny Misiônan'i Lubumbashi, Repoblika Demôkratikan'i Congo***



## Mandehana manao asa fitoriana amin'ny fotoana feno

Ny fandehanana manao asa fitoriana amin'ny fotoana feno dia hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao manokana sy ny an'ny hafa izay ampianarinao. Mandritra ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno ianao dia hianatra hiantehitra tanteraka amin'ny Tompo fa tsy amin'ny herin'ny tenanao manokana. Hampatanjaka anao ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno, ary rehefa manompo ny Tompo sy manao ny asany ianao dia hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao izany.

***Elder Bailey Peaali'I Williams, 19 taona, Misiônan'i Singapour***

*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy toy ny fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*

### Mihainoa ny Fanahy Masina


Ny fandehanana any am-piangonana, ny famakiana soratra masina, ny fihainoana ireo lahateny tamin'ny fihaonambe, sy ny sisa dia tsy hanampy anao hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao raha tsy mihaino ny Fanahy Masina ianao. Hijoro ho vavolombelona aminao momba ny fahamarinana Izy. Henoy mandrakariva ny Fanahy Masina satria eo Izy ary hanampy anao hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao.

*Alyssa B., 16 taona, Virginie, Etazonia*

### Zarao izay fantatrao fa marina

Nianatra aho fa anisan'ny fomba tsara indrindra hanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona ananako ny mizara izany amin'ny hafa. Isaky ny mizara ny zavatra inoako sy fantatro fa marina aho, na dia mety ho tsotra sy kely aza izany, dia mahatsapa hafanana lehibe ao amin'ny tratrako aho, ary tonga miaraka amin'izany ny fanamafisana mafimafy kokoa ao ampoko fa marina ireo zavatra nolazaiko ireo! Na raha lazaina amin'ny teny hafa dia tsapako fa nampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona nananako.

*Douglas S., 20 taona, São Paulo, Brésil*



### Ataovy izay hahatongavana ho tahaka an'i Kristy bebe kokoa

Afaka manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika isika amin'ny alalan'ny fahatongavana tahaka an'i Kristy bebe kokoa. Nanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona nananako aho rehefa naneho ny fitiavana madion'i Kristy sy nanompo ny hafa tahaka ny nataon'ny Mpamonjy.

*Kyung Jin P., 17 taona, Séoul, Kôrea atsimo*

### Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao

Fomba tsara hanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao ny fizarana izany. Indraindray dia rehefa mizara ny fijoroana ho vavolombelona anananao ianao no lasa tena mahazo izany. Afaka mifady hanina ihany koa ianao mba hahafantaranao mivantana raha toa ka marina izay ampianarina anao. Efa samy nataoko ireo zavatra roa ireo ary tena nanamafy orina tokoa ny fijoroana ho vavolombelona ananako izany.

*Porter S., 12 taona, Idaho, Etazonia*



### Manompoa ny hafa

Ankoatra ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina dia heveriko fa ny fomba tsara indrindra hanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny tena dia amin'ny alalan'ny asa fanompoana. Rehefa manompo ny hafa isika dia mampiseho amin' Andriamanitra fa miraharaha ireo zanany. Afaka mahazo ny Fanahy ihany koa isika rehefa manao ny asan' Andriamanitra. Fantatro fa efa im-betsaka aho no nahazo fankaherezana tao anatin'ny fotoan-tsarotra sy nahazo ny valin'ireo fanontaniako teo am-panaovana asa fanompoana.

*Caroline J., 18 taona, Utah, Etazonia*



**FIKOLOKOLOANA NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA ANANANAO**

"Toy ny zavamaniry iray izay mitombo dia tsy maintsy kolokoloina [ny fijoroana ho vavolombelona] fa raha tsy izany dia halazo. . . . Ny fankatoavana ireo didy dia ampahany amin'ny fikolokoloana izay tsy maintsy ataonareo amin'ny fijoroana ho vavolombelona anananareo."

**Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Fijoroana ho vavolombelona mitombo,"** ***Liahona*****, mey 2011, 125.**

## FANONTANIANA HO AVY

Ahoana no ahafahako manasa ny Fanahy ho ao an-tranoko rehefa miady na mifamaly ny olona?

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 15 nôvambra 2017 ao amin'ny liahona.lds.org (tsindrio ny "Submit an Article") na alefaso email ao amin'ny liahona@ldschurch.org.


Ampidiro ao azafady izao manaraka izao: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatòka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin'ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

# Tany Paris

*Mipetraka amin'ny toerana samy hafa eto amin'izao tontolo izao izahay, kanefa mitovy ny fahatsapanay rehefa natsangana teo akaikin'ny toerana misy anay ny tempoly!*

**Avy amin'ny fakana am-bavany nataon'i Amie Leavitt, Utah, USA.**



***Tohatra mihodinkodina ao amin'ny Tempolin'i Paris Frantsa***







Rachel no anarako. Mipetraka eo akaikin'ny Tempolin'i Paris, Frantsa izahay.

Tena manan-danja ho an'ny fianakavianay ny tempoly. Mialoha ny nananganana ny tempolin'i Paris dia nandeha im-betsaka isan-taona nanao dian'ny mpianakavy nankany amin'ny Tempolin'i Francfort Alemana izahay. Nandany adiny 10 ny familiana fiara nandeha tany sy niverina nody!

Tianay ny nijery ny fananganana ilay tempoly vaovao. Isan-kerinandro, aorian'ny fotoam-bavaka any am-piangonana, dia nampandalovin'ny ray aman-dreninay teo ny fiaranay mba hahitanay ny fizotry ny fananganana. Tamin'ny voalohany dia nandrodana trano tranainy izy ireo ary nihady lavaka lehibe. Dia nanomboka nanangana ilay tempoly niha-avo hatrany izy ireo. Vetivety dia nijoro teo ny tranon'ny Tompo!

Tsindrindraona ery izaho sy ny iray tampo amiko handeha ao amin'ny tempoly indray andro any. I Esther zokiko vavimatoa no afaka manao batisa voalohany. Miandry mafy ny anjara fotoana handehananay ihany koa izahay rehetra. Tianay ny tempoly ary faly izahay fa manana iray ato amin'ny tanànay mihitsy!

# hatrany Sapporo





*Ny jiro mihantona eny amin'ny valin-drihana ao amin'ny efitrano selestialin'ny Tempolin'i Sapporo Japana*






Ny anarako dia i Koshi. Mipetraka eo akaikin'ny Tempolin'i Sapporo Japana aho. Tiako ny mipetraka eo akaikin'ny varavarankelin'ny tranonay dia mijery ny fananganana ny tempoly.

Nanasa ny namako mahafinaritra iray hiaraka aminay aho nandritra ny varavarana misokatra. Hitany hoe tsara be daholo ny zavatra rehetra.

Tiako ny mieritreritra ny fanokanana ny tempoly ho toy ny tsingerintaona nisian'izany tempoly izany. Fitsingerenan'ny taona nahaterahako ihany koa izany andro izany. Ary an'ny Filoha Monson ihany koa! Tao amin'ny tempoly mihitsy izaho sy ny ray aman-dreniko rehefa notokanana izany.

Feno fankasitrahana aho mipetraka eo akaikin'ny tempoly. Rehefa sarotsarotra ny androko any an-tsekoly dia afaka mandalo ny tokotanin'ny tempoly aho eny an-dalana hody. Tsapako ny fitiavan'ny Ray any An-danitra ahy rehefa any aho. Miandrandra ny fotoana ahafahako miditra ao anatiny aho mba hanao batisa ary hanambady any aoriana any. ■

SARINA LANITRA SY FIARAMANIDINA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



**Nosoratan'ny Loholona Robert D. Hales**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ahoana no ahafahan'ny Fanahy Masina manampy ahy?

Mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra ny Fanahy Masina. Mijoro ho vavolombelon'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Izy.




SARY NATAON' I DUSTIN BAIRD

*Nalaina tao amin'ny "Ny Fanahy Masina,"* Liahona, *mey 2016, 105–107.*

# NY PEJINTSIKA




*Ny fahitan'i Lehia, nataon'i Maria V., 10 taona, Brésil*



*Tempolin'i Lima Pérou, nataon'i Valeria T., 9 taona, Pérou*




*Tempolin'i Guayaquil Équateur, nataon'i Landys Z., 10 taona, Équateur*



*Tempolin'i Salt Lake, nataon'i Melissa L., 5 taona, sy i Ameila L., 2 taona, Estonie*



# Ny dia nataon'i Jane



**Nosoratan'i Jessica Larsen**
Niainga tamin'ny tantara marina

*New York, Etazonia, 1843*

Nijery ilay sambo nitsingevana niala avy teo amin'ny seranan-tsambo nankeny amin'ny Farihin'i Erie i Jane Manning. Tsapany ho toy ny hoe lasa niara-nitsingevana tamin'ilay sambo ny nofinofiny.

Vao herintaona lasa izay no nidirany ho mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy nanapahany hevitra hifindra monina mba hiaraka amin'ireo Olomasina tany Nauvoo. Niara-nandeha nanaraka ny moron'ny reniranon'i Erie nankany Buffalo New York ny reniny sy ny olona fito hafa tao amin'ny fianakaviany. Saingy rehefa tonga tao Buffalo izy ireo dia tsy navela nitaingina ilay sambo noho ny volonkoditr'izy ireo.

"Dia inona izany izao no hataontsika?" hoy i Isaac anadahiny nanontany moramora.

Nanakoako tao anatin'ny rivotra mamanala ilay fanontaniana. Mbola tany amin'ny 1.287 km no nisy an'i Nauvoo. Afaka nilavo lefona izy ireo dia nandeha nody, na niezaka ny nandeha nanao ilay dia taty aoriana. . . .

Saingy tsy nahandry izany i Jane! Fantany fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Niteny tamin'ny mpaminany indray Andriamanitra. Nila nandeha tany Nauvoo niaraka tamin'ny fianakaviany izy.

Nijoro mahitsy tsara naneho fahavononana i Jane dia nijery niankandrefana. "Handeha an-tongotra isika."

Dia nandeha an-tongotra izy ireo. Mandra-pahasimba ny kiraron'izy ireo. Mandra-pahavakivaky sy naratra ny tongotr'izy ireo ary tsy maintsy nivavaka izy ireo mba ho sitrana. Indraindray izy ireo dia natory nitafo lanitra, ary tena natevina tokoa ny fanala ka toy ny ranomandry nirotsaka izany. Nandrahona ny handefa azy ireo tany am-ponja ny olona sasany satria noheveriny fa andevo nitsoaka izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo fa fianakaviana mainty hoditra afaka ry Manning mianakavy. Dia mbola nandeha an-tongotra ihany izy ireo, sady nihira hira tao amin'ny fihirana mba hanalana andro.

SARY NATAON'I JIM MADSEN

Niara-nonina tamin'i Emma sy i Joseph Smith nandritra ny volana maro i Jane Manning. Nanambady an'i Isaac James izy, ary izy ireo dia anisan'ireo olona nanorim-ponenana voalohany tao amin'ny Lohasahan'i Utah. Na dia nanana olana maro aza izy dia nitoetra ho mpikambana mahatoky tao amin'ny Fiangonana. Rehefa nodimandry izy tamin'ny 1908 dia nanao lahateny tamin'ny fotoana nandevenana azy ny Filoha Joseph F. Smith (1838–1918).

Rehefa akaiky ho tonga tao Nauvoo izy ireo dia tonga teo akaikin'ny renirano iray.

"Tsy misy tetezana," hoy i Isaac.

Nanetsika ny lohany ho fanekeny izany i Jane. "Dia tsy maintsy hiroboka hiampita an'io izany isika koa!" Rehefa nandingana niroboka tao amin'ilay rano izy dia hatreo amin'ny kitrokeliny ilay rano. Nandroso tsimoramora izy. Nisamboaravoara niakatra hatreny amin'ny lohaliny ilay rano dia avy eo nihoatra ny valahany. Rehefa tonga teny afovoan'ilay renirano izy dia niakatra hatreo amin'ny tendany ny rano! Soa ihany fa tsy nihalalina kokoa ilay izy, ka dia niampita tsy azon-doza ny fianakaviana Manning.

Nony farany dia tonga tao Nauvoo izy ireo. Afaka nahatazana ireo rindrina vatosokay tsara tarehin'ny Tempolin'i Nauvoo teo an-tendrombohitra, izay azo nitazanana ilay lohasaha, i Jane. Na dia tsy mbola vita aza ilay izy dia tena nampitolagaga azy. Nisy olona nanoro azy ireo ny trano nipetrahan'ny Mpaminany Joseph Smith.

Nisy vehivavy lava sady mainty volo nijoro teo amin'ny lalana fidirana ny varavarana. "Mandrosoa, mandrosoa!" hoy izy niantso. "Izaho no i Emma Smith."



Toa nandalo dia niserana ireo minitra vitsy taorian'izay. Nihaona tamin'ny Mpaminany i Jane, dia nametraka seza ho an'ny fianakaviana Manning manontolo manerana ilay efitrano izy. Naka toerana tsara tamimpankasitrahana teo amin'ilay seza i Jane dia nihaino rehefa nampahafantatra azy ireo tamin'ny olona rehetra izay tao i Joseph, ka anisan'izany ny Dokotera Bernhisel izay namany. Dia nitodika tany amin'i Jane i Joseph ary nanontany hoe: "Ianao no nitarika an'ity vondrona kely ity, sa tsy izany?"

"Eny tompoko!" hoy i Jane namaly.

Nitsiky i Joseph. "Andriamanitra anie hitahy anao! Mba te hihaino mikasika ny dianareo aho izao."

Notantarain'i Jane ny tongony naratra sy ny natorian'izy ireo tao anaty ranomandry ary ny niampitany ilay renirano. Nihaino tamimpahanginana ny rehetra. "Fa tsy dia nampaninona ilay izy ka," hoy izy namarana. "Nanohy ny lalanay tamim-pifaliana izahay, nihira hira tao amin'ny fihirana ary nisaotra an' Andriamanitra noho ny hatsarany tsy misy fetra sy ny famindram-pony taminay tamin'ny fitahiany anay, ny fiarovany anay, ary ny fanasitranany ny tongotray."

Nangina daholo ny rehetra tao anatin'ny fotoana fohy. "Inona no hevitrao momba izany ry Dokotera? Hoy i Joseph Smith nony farany, sady nikapoka ny lohalik'ilay lehilahy. "Tsy finoana ve izany?"

"Raha izaho izany dia mety efa nilavo lefona aho angamba ary niverina tany an-tranoko!" Nanaiky i Dokotera Bernhisel.

Nanetsika ny lohany naneho ny fanekeny i Joseph dia nitodika tany amin'i Jane sy ny fianakaviany ka niteny hoe: "Hotahian' Andriamanitra anie ianareo. Isan'ny namanay ianareo." ■

*Monina any Texas Etazonia ny mpanoratra.*





# I Sarah sy ilay fitarafana

**Nosoratan'i Juliann Doman**

Niainga tamin'ny tantara marina

*"Fony tety an-tany i Kristy, dia nampanantena Izy fa handefa ny Fanahy Masina hankahery antsika, ilay namantsika marina sy mandrakizay" (*Chants pour les enfants, *105)*.

"Toa mila manao fitarafana ny lamosiny i Sarah," hoy i Dokotera Frank. Nitsiky tamin'i Sarah izy. "Hataontsika rahampitso izany. Hiverina aho afaka minitra vitsy."

Nanaintaina efa elaela ny lamosin'i Sarah. Rehefa nifoha izy tamin'io maraina io dia nanaintaina mafy tokoa izany ka sarotra ho azy ny nijoro mahitsy, ary zara raha afaka namindra izy. Tonga tany amin'i



SARY NATAON'I DAVID HABBEN

Dokotera Franck i Sarah sy ny reniny mba hahafantarana izay tsy mety.

"Fitarafana iray hafa indray ve?" hoy i Sarah nanontany, niandrandra nijery an'i Neny. Efa nanao fitarafana iray izy teo aloha. Tsaroany ny halehiben'ny tahotra tsapany tao anatin'ilay fantsona lehibe izay naka ny sarin'ny ati-vatany.

"Miala tsiny aho, Sarah," hoy i Neny. "Fa ireo sary dia hanampy an'i Dokotera Frank hahafantatra izay tsy metimety amin'ny lamosinao. Fantatro fa vitanao io. Ary ho eo akaikinao aho." Nofihinin"i Neny ny tanan'i Sarah.

"Kanefa ianao tsy afaka miditra ao miaraka amiko," hoy i Sarah. Niondrika ny lohany, ary nitsotsorika teo amin'ny takolany ny ranomaso. Afaka niaraka taminy tao anatin'ilay efitrano i Neny, saingy raha vantany vao miditra ao amin'ilay fantson'ilay milina i Sarah dia irery izy.

Nosakambinin'i Neny i Sarah. "Marina izany fa fantatrao ve hoe iza no *afaka* ny ho eo hampionona anao?"

Tsaroan'i Sarah fa nandre anarana iray iantsoana ny Fanahy Masina izy: *ilay Mpampionona*. Ny Fanahy Masina angamba no afaka hanampy azy tsy hatahotra mafy.

"Ny Fanahy Masina?" Hoy i Sarah nanontany.

Nanaiky tamin'ny lohany i Neny. "Marina izany. Afaka mivavaka ianao mba hanampian'ny Fanahy Masina anao. Hivavaka ho anao ihany koa izaho sy i Dada."

Nanome hevitra tsara ho an'i Sarah izany. "Afaka mangataka tsodrano amin'i Dada ve aho?"

Nitsiky i Neny. "Mazava ho azy. Fantatro fa tena ho tiany ny hanao izany."

Napetrak'i Dada teo amin'ny lohan'i Sarah ny tanany tamin'izay alina izay ary nomeny tsodranon'ny fisoronana izy. Rehefa nitsodrano an'i Sarah izy mba hampiononon'ny Fanahy Masina i Sarah, dia nanenika ny vatany ny hafanana malefaka. Nijanona niaraka taminy nandritra ny alina manontolo ilay fahatsapana.

Ny ampitso dia natory teo amin'ny latabatra izay hisosa ho ao anatin'ilay fantsony ao amin'ny milina fitarafana i Sarah. Naverimberiny tao an-dohany ireo teny nampiasain'i Dada nandritra ilay fitsofan-drano azy: *Ho eo hampionona anao ny Fanahy Masina*. Namihina mafy ny tanan'i Neny i Sarah. Dia nasosan'ilay mpitsabo mpanampy ho ao anatin'ilay fantsony izy.

Nanenoneno hafahafa ilay milina fitarafana rehefa naka ny sarin'ny lamosiny. Nila natory tsy nihetsika i Sarah mba tsy hanjavozavo ireo sary. Nisahotaka vetivety izy, kanefa nahatsapa ilay hafanana indray izy avy eo. Toy ny iray amin'ireo famihinan'i Neny izany na bodofotsy mafana iray. Fantany fa hilamina ny zavatra rehetra. Tsy tandritandriny akory dia vita ilay fitarafana!

Nasehon'i Dokotera Franck an'i Sarah sy i Neny tao amin'ny biraony ireo sarin'ny lamosin'i Sarah. "Nety tsara ny nataonao fa tsy nihetsiketsika ianao," hoy ny nolazain'i Dr. Frank tamin'i Sarah raha nandohalika teo akaikiny izy. "Ireto sarin'ny lamosinao ireto dia mampiseho fa mila fandidiana ianao mba hanampiana anao hamindra tsara."

Nitelin-drora i Sarah.


"Tianay hatao ato ho ato ilay fandidiana," hoy i Dokotera Frank sady niandrandra nijery ny renin'i Sarah. Dia niverina nitodika tany amin'i Sarah izy. "Mety ho afaka herinandro vitsivitsy aorian'izay ianao vao hahatsapa toy ny teo aloha, kanefa rehefa avy nijery anao aho androany dia fantatro fa ho vitanao izany."

Niezaka nieritreritra momba ireo zavatra rehetra ho ataony i Sarah rehefa ho voatsabon'i Dokotera Franck ny lamosiny. *Ho afaka ny hihazakazaka sy hilomano ary hitsambikina ao anatin'ny ravin-kazo misavovona aho*. Nalahelo ireo zavatra ireo izy. Kanefa mbola nampatahotra kokoa noho ny fitarafana ny fandidiana! Dia tsaroan'i Sarah ireo vavaka nataony sy ny tsodrano nomena azy manokana. Nandefa ny Mpampionona ho eo aminy ny Ray any An-danitra. Hanampy azy indray Izy.

Nijery an'i Dokotera Frank izy. "Dia afaka mitsambikina ao anatin'ny ravin-kazo misavovona ve aho avy eo?" hoy izy nanontany.

Nitsiky izy. "Afaka mitsambikina ao anatin'ny ravin-kazo misavovona ianao avy eo." ■

*Mipetraka any Colorado, Etazonia ny mpanoratra.*




**Analise F., 6 taona, Utah, Etazonia**


Fony aho dimy taona dia nila fandidiana mba hanalana ny kambon-tendako sy ireo adénoïdes. Tena taitaitra sy natahotra aho. Nanome tsodrano ahy ny raiko. Taorian'ilay tsodrano dia tsy taitaitra intsony aho, ary samy faly izahay satria tsapanay ny Fanahy Masina.

# Mpaminany iray vaovao


*Tapaho ireto sarisary ireto hanampiana anao hizara ireo tantara kely avy amin'ny tantaran'ny Fiangonana.*



I Joseph sy i Hyrum Smith



Brigham Young



Tamin'ny 1844, i Joseph sy i Hyrum Smith dia nandeha tany amin'ny Fonjan'i Carthage mba hiandry fitsarana. Nisy olon-dratsy niditra an-keriny tao amin'ilay fonja dia namono ny Mpaminany sy ny rahalahiny! Tsy azon'ny Olomasina antoka izay tokony ho mpaminany manaraka. Taty aoriana, nandritra ny fivoriana izay nanaovan'i Brigham Young lahateny, dia nisy fahagagana iray nitranga. Olona maro no nilaza fa nitovy endrika sy niteny tamin'ny feo mitovy amin'ny an'i Joseph Smith mihitsy izy! Fantatr'izy ireo fa izy no ho mpaminany manaraka. Ankehitriny dia fantatsika fa rehefa maty ny mpaminany iray dia ny Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no lasa mpaminany manaraka. ■

SARY NATAON' I BETH WHITTAKER

Afaka mahita olo-malaza teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana bebe kokoa ianao ao amin'ny liahona.lds.org.



# MANAMPY OLONA, pensilihazo iray isaky ny mandeha

**Nosoratan'i Caleb H., 10 taona, Alemana**


Tamin'ny fotoana nanaovan'ny tsatòkako tetikasa hanampiana ireo mpitsoa-ponenana no niantombohan'ny zavatra rehetra. Tiako tokoa ilay tetikasa ka dia nangataka ny reniko aho mba hiresaka izany tamin'ny mpampianatro tany am-pianarana, ka dia naniry ny hanao zavatra niaraka tamin'ny ankizy tao amin'ny kilasy fahaefatra ny mpampianatro. Mba hanehoana ohatra mikasika ilay tetikasa dia nandondona isam-baravarana mba hangataka zavatra azo atao fanomezana izaho sy i Maddie anabaviko.

Tonga ilay andro hampahafantarana ilay tetikasa tamin'ny mpianatra ambiny tao amin'ny kilasy fahaefatra. Natahotra kely aho. Raha ny tena marina dia tena natahotra be aho, saingy nanao izay tsara indrindra azoko natao aho. Nolazaiko tamin'ireo mpianatra hafa tao amin'ny kilasy fahaefatra ny zavatra nilainay mba hamoriana fitaovam-pianarana ho an'ireo mpitsoa-ponenana. Notantaraiko fa nandondona isam-baravarana izahay ary nampanaoviko fanamby izy ireo mba hiezaka hanao misimisy kokoa noho izany amin'ny fanangonana vola. Nahangona amboaram-pitaovam-pianarana 100 izahay rehetra niaraka! Nasinay kahie, pensilihazo, ary fitaovam-pianarana hafa tao anatin'izany. Nampianay soratra ihany koa izany izay milaza hoe: "Tonga soa eto Alemana."

Nentinay sy ny reniko tany amin'ny tobin'ny mpitsoa-ponenana ireo amboaram-pitaovana. Tsy azo lazaina hoe nahafinaritra ilay toby, kanefa nisy toerana malalaka filalaovana sy faritra natao ho an'ny fianarana tao. Nisy fiaran-dalamby nitabataba mafy tokoa teo akaikin'ilay toby, dia nilaza tamiko ireo ankizy fa toy ny fiaramanidina mpiady haingam-pandeha nisidina tao Syrie sy tany amin'ny toerana hafa mitovy amin'izany ny fanenon'ilay izy. Mety ho toy ny baomba angamba ny feon'izany ho an'ireo ankizy izay efa nandre azy ireo tany amin'ny firenena niaviany.

Nihaona tamin'ny ankizy vitsivitsy mitovy taona amiko aho tao amin'ilay toby, ka anisan'izany i Daniel, izay mpilalao échec tena mahay. Tsy afaka nifaninana nilalao échec taminy aho, izay tena mampalahelo satria tia milalao échec aho, kanefa nanasa ahy hilalao baby-foot sy ping-pong izy ireo. Nilaza tamiko ireo zazalahy fa nalahelo ny tranony izy ireo ary tena te hiala tao amin'ilay toby dia handeha hianatra indray.

Rehefa avy nilalao baby-foot sy ping-pong izahay dia nanolotra ireo fitaovam-pianarana. Milamina tsara ny saiko fa afaka nanao zavatra tsara ho an'ireo ankizy nipetraka tao amin'ireo toby aho. ■



SARY NATAON'I APRYL STOTT

# Namangy an'i Joseph Smith i Jesoa

Nosoratan'i Kim Webb Reid

Taona maro taorian'ny nitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty dia nisy zazalahy nantsoina hoe Joseph Smith izay nanana fanontaniana. Tsy fantany ny fiangonana tokony handehanany.






Namaky ny Baiboly i Joseph. Nilaza ny Baiboly fa hamaly ny fanontaniantsika ny Ray any An-danitra raha mivavaka Aminy isika. Nankany anaty ala i Joseph dia nivavaka tamin'ny Ray any An-danitra.

SARY NATAON'I APRYL STOTT



Nidina avy any an-danitra ny Ray any An-danitra sy i Jesoa. Nilaza i Jesoa fa tsy misy tokony handehanan'i Joseph ireo fiangonana ireo satria tsy nampianatra ny zavatra rehetra izay hita tao amin'ny Fiangonany izy ireo.



Rehefa lehibe i Joseph dia nanampy tamin'ny famerenana ny Fiangonan'i Jesoa teto an-tany izy. Antsoina hoe Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izany. Manampy ny olona hianatra momba an'i Jesoa Kristy sy ny Ray any An-danitra izany.




Ny famakiana ny soratra masina dia nampianatra ahy zavatra bebe kokoa momba ny Ray any An-danitra. Rehefa mivavaka aho dia afaka mamaly ny vavako ihany koa Izy. ■

# Andro masina ny Sabata



SARY NATAON'I APRYL STOTT



**Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson**

# MANAMPIA OLONA IRAY ANIO

*Tanan'ny Tompo Isika. Miantehitra amintsika Izy.*

Matoky aho fa ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay avy dia *manam-pikasana* ny hanompo sy hanampy ireo izay mila fanampiana. Nanao fanekempihavanana isika tamin'ny batisa mba "hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany" [Môsià 18:8]. Impiry ny fonao no tsy tohina rehefa nanatri-maso ireo zavatra ilain'ny hafa? Impiry ianao no *nikasa* ho ilay mpanampy ny hafa? Kanefa impiry impiry no nanakanan'ny fiainana andavanandro izany, ka navelanao ho ataon'ny hafa izany, ka nahatonga anao nieritreritra hoe "Eisy! tsy maintsy hisy olona hanampy amin'izany."

Lasa variana loatra amin'ny zavamanahirana eo amin'ny fiainantsika isika. Raha toa isika ka maka fotoana kely hisainana, ary hanao jery todika ny zavatra ataontsika dia ho hitantsika fa . . . matetika isika no mandany andro manao zavatra tsy dia manandanja loatra eo amin'ny drafitry ny fiainana, ka manadino ireo fotokevitra manan-danja kokoa. . . .



SOMBINY AVY TAMIN'NY, *I KRISTY NANASITRANA NY MARARY TAO BETESDA*, NATAON'I CARL HEINRICH BLOCH, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY BRIGHAM YOUNG UNIVERSITY MUSEUM OF ART

Voahodidin'ireo olona mila ny fitiavantsika, ny fankaherezantsika, ny fanampiantsika, ny fampiononantsika, sy ny fahatsaran-toetra asehontsika isika, na izy ireo fianakaviana, na namana, na olom-pantatra na olona hafa mihitsy. Isika no tanan'ny Tompo ety an-tany, ary nodidina mba hanompo sy hampitraka ireo zanany. Miantehitra amintsika tsirairay Izy. . . .

Enga anie ny tonon'ilay fihirana malaza iray hilatsaka lalina any anatin'ny fanahintsika . . . :

*Nanao soa teto an-tany ve aho androany?*
*Ka nanampy ireo mila izany?*
*Nankahery ny malahelo ve aho ary nampifaly ny hafa koa?*
*Raha tsy izay dia tsy nahomby tokoa.*
*Nisy enta-mavesatra nihamaivana ve androany*
*Noho ny finiavako hizara?*
*Nisy marary sy trotraka nila fanampiana ve tany ho any?*
*Ka teo ve aho nikarakara?*
["Have I Done Any Good?" *Hymns,* lah. 223].

. . . Enga anie isika hanontany tena amin'ilay fanontaniana hoe . . . "Inona no zavatra nataoko ho an'ny hafa androany?" Ny torohevitro ho an'ireo mpikambana maneran-tany dia ny hitady olona iray izay mandalo fotoantsarotra na marary na manirery, ary hanao zavatra iray ho azy anio. ■

*Nalaina tao amin'ny "Inona no zavatra nataoko ho an'ny hafa androany?"* Liahona, *nôv. 2009, 84–87.*



***FITAHIANA,***
**NATAON'I LOUISE PARKER**

*"Ary ny tanjoko dia ny hamatsy ny olomasiko, satria ny zavatra rehetra dia Ahy. . . .*
*"Fa feno ny tany ary manana ny ampy sy ny hotehirizina aza; eny, nomaniko ny zavadrehetra" (F&F 104:15, 17).*

Mba hianarana bebe kokoa mikasika ny fizakan-tena dia jereo ny pejy 32 sy 40 ao amin'ity laharana ity.

# Hita ato amin'ity Laharana ity koa

## HO AN'NY TANORA



p. 44

### Lesona dimy ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony avy amin'ny Apôstôly tanora

"Ny fanapahan-kevitsika no mamaritra antsika, fa tsy ny toe-javatra iainantsika": iray amin'ireo lesona dimy avy amin'ny fiainan'ireo Apôstôly Roambinifolo voalohany tao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny (izay efa tanora tokan-tena na mpivady vao herotrerony). Vakio ireo lesona hafa azontsika ianarana avy amin'izy ireo.

## HO AN'NY ZATOVO



p. 54

### *Ny fomba ahafahan'ny hafatra avy amin'ny fihaonambe* MANOVA NY FIAINANAO

Mihoatra lavitra ny maha-hetsika iray azy ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, izany dia fahafahana iray hanovana ny fiainanao.

## HO AN'NY ANKIZY

### MANAMPY OLONA, pensilihazo iray isaky ny mandeha

Mipetraka any Alemana i Caleb. Naniry ny hanao zavatra iray hanampiana ny ankizy tao amin'ny tobin'ireo mpitsoa-ponenana teo akaikin'ny fonenany izy. Ka dia nanao drafitra iray izy.



p. 75

MALAGASY
4 02144 50654 5

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY